

Ireo Pejy Maitso

NY FAMPIASA, FATRA, ARY FEPETRA MIKASIKA IREO
FANAFODY VOALAZA ATO ANATIN'ITY BOKY ITY



Ireo fanafody ato anatin'ity fizarana dia navondrona araka ny fampiasana azy. Ohatra: ireo fanafody rehetra ampiasaina amin'ny fitsaboana ny otrikaretina ateraky ny kankana dia natao lisitra eo ambanin'ny lohateny hoe HO AN'NY KANKANA.

Raha mila fanazavana mikasika ny fanafody iray ianao dia tadiavo ao anatin'ny LISITRY NY FANAFODY manomboka ao amin'ny pejy 314 ny anaran'ilay fanafody. Na tadiavo ao amin'ny FANOROAM-PEJIN'NY FANAFODY manomboka ao amin'ny pejy 345. Rehefa hitanao ny anaran'ilay fanafody dia jereo ny pejy voatondro.

Ireo fanafody dia natao lisitra araky ny anarany ara-tsiantifika fa tsy ny anaran'ny marika (anarana omen'ireo orinasa mpanamboatra azy). Satria ny anarna ara-tsiantifika dia mitovy hatraiza hatraiza, fa ny marika kosa dia samihafa arakaraky ny toerana. **Ireo fanafody ihany koa matetika dia mora vidy rehefa fanafody tsy misy marika (mitondra ny anarany ara-tsiantifika) no vidiana fa tsy ireo vokatra misy marika.**

Indraindray ny marika fanta-daza dia mitondra anarana ara-tsiantifika, fa tsy dia fahita izany. Ato anatin'ity boky ity, ny anaran'ny marika dia atao sora-mandry ary manomboka amin'ny sora-baventy. Ohatra: Phenergan dia anarana marika ho an'ny antihistaminique antsoina hoe **promethazine** (promethazine dia anarana ara-tsiantifika).

Nasiana toerana malalaka _____ najanona ho anao isaky ny fampahalalana ny fanafody tsirairay mba **hanoratanao** ny anarana sy ny vidin'ny vokatra mahazatra na tsy lafo vidy indrindra eo amin'ny faritra misy anao. Ohatra: raha ny Terramycin no endrika tetracycline mora indrindra sy hita eo amin'ny faritra misy anao dia azonao soratana eo amin'ireo toerana malalaka toy izao:

Tetracycline (tetracycline HCl, oxytetracycline, sns.)

Anarana: Terramycin vidiny: \$10.25
Ho an'ny 6 capsules

Na izany aza, raha hitanao fa afaka mividy **tetracycline** tsy misy marika mora kokoa noho Terramycin ianao dia soraty toy izao:

Anarana: tetracycline Vidiny \$10.00
Ho an'ny 60 capsules

Fanamarihana: Tsy ireo fanafody rehetra natao lisitra ato anatin'ny Pejy Maitso no ilain'ny Boaty tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana ao An-trano sy ho an'ny Iray Tanàna. Satria maro ny fanafody hita amin'ny firenena isan-karazany, misy ny fampahalalàna omena mikasika ny fanafody maro izany mitovy fiasa. Na izany aza dia fahendrena ny

MITAHIRY SY TSY MAMPIASA AFA-TSY FANAFODY VITSY.

Fampahalalàna Mikasika ny Fatra:

FOMBA FANORATANA IREO FANAFODY NOTAPAHANA


1 tablet = vongam-panafody iray =

½ tablet = antsasaka vongam-panafody =

1 ½ tablets = vongam-panafody iray sy tapany =

¼ tablet = vongam-panafody fahefany na iray ampahefatra =

1/8 tablet = vongam-panafody iray ampahavalo (zaraina 8 mitovy ilay fanafody ary alaina ny iray) =



MANAPA-KEVITRA MIKASIKA NY FATRANY ARAKA NY LANJAN'NY OLONA

Ato anatin'ireto pejy ireto, ny ankabeazan'ny toromarika mikasina ny fatra dia omena araky ny taonan'ny olona—ka ireo ankizy dia omena fatra kely noho ny lehibe. Na izany aza, mety kokoa ny mametra ny fatra araky ny lanjan'ny olona iray. Ny fampahalalàna mikasika ny fanaovana izany indraindray dia natao fohy ao anaty fononteny (), ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana manana fandanjana. Raha mamaky izao ianao. . .

(100 mg./kg./day),

izany dia midika hoe 100 mg. isaky ny kilao amin'ny lanjan'ny vatana isan'andro. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, omenao 100 mg. amin'ilay fanafody isaky ny kilao amin'ny lanjan'ilay olona mandritra ny 24 ora.

Ohatra: andeha atao hoe te hanome aspirinina ny zazalahy milanja 36 kilao voan'ny rohana ianao. Ny fatran'ny aspirinina voatondro ho an'ny rohana dia 100 mg./kg./day. Koa ampitomboy:

$$100 \text{ mg.} \times 36 = 3600 \text{ mg.}$$

Ilay zazalahy dia tokony mihinana aspirinina 3600 mg. ao anatin'ny iray andro. Ny vongana aspirinina iray dia misy aspirinina 300 mg., ny 3600 mg. dia vongany 12. Koa omeo vongany 2 in-6 isan'andro ilay zazalahy (na vongany 2 isaky ny 4 ora).

Io dia anisan'ireo fomba hanaovana ny famarana ho an'ny fanafody izan-karazany. Raha mila fanazavana mikasika ny famarana sy fanapahana mikasika ny fatra dia jereo ny Toko 8.

Teny ho an'ireo mpampianatra sy mpandrafitra ireo tetik'asa ho an'ny fikolokoloina ny fahasalamana sy ny mpizara ity boky ity eo an-toerana:

Raha ampiasaina amin'ny tetik'asa fanofanana ho an'ireo mpiasan'ny fahasalamana eo an-tanàna na zaraina amin'ny tetik'asa ho an'ny fikolokoloina ny fahasalamana eo an-tanàna, **ny fampahalalàna mikasika ny anarana sy ny vidin'ny fanafody eo an-toerana dia tokony manaraka ity boky ity.**

Ireo mpizara ity boky ity yo an-toerana ihany koa dia amporisihina mba hanamboatra dikan'ny taratasy misy ilay fampahalalàna, amin'izay mba afaka adikan'ny mpampiasa azy ao anatin'ny ny boky. Raha azo atao dia ataovy ao foana ny toerana ahitana ny fanafody tsy misy marika na ireo fanafody mora vidy sy ireo fitaovam-pitsaboana eo an-toerana. (Jereo ny “Mividy Vatsy Ho an'ny Tahirim-panafody sy Fitaovam-pitsaboana,” pejy 333.)

Lisitr'ireo Fanafody ao Anatin'ny Pejy Maitso

Tanisaina araka ny laharana hisehoany

Jereo
ny pejy

ANTIBIOTIKA

Penicillinina:

Antibiotika manan-danja..... 350

PENICILLIN ATELINA

Penicilin V (phenoxymethyl penicillin) 351

PENICILLIN TSINDRONA

Penicillin miasa haingana: crystalline

penicillin, benzylpenicillin, penicillin G,
penicillin misy rano, penicillin levonina
anaty rano, sodium

penicillin, potassium penicillin..... 351

penicillin antonony fomba fiasa: procaine

penicillin, procaine penicillin aluminum

monostearate (PAM)..... 351

Penicillin ela fiasa; benzathine penicillin 351

AMPICILLIN SY AMOXICILLIN: Pénicillines

mahasahana aretina maro..... 352

PENICILLIN sy STREPTOMYCIN miaraka

..... 353

Erthyromycin:

Mety asolo Penicillin..... 354

Tetracyclines:

Antibiotika mahasahana maro..... 355

Tetracycline, tetracycline HCl,

oxytetracycline, sns 355

Doxycycline..... 355

Chloramphenicol: Antibioticka ho an'ny

Otrikaretina mahery vaika sasany..... 356

Sulfas na Sulfonamides: Fanafody Mora

Vidy ho an'ny Aretina Mateti-

pitranga..... 356

Sulfadiazine, sulfisoxazole, sulfadimidine,

triple sulfa 356

Cotrimoxazole (sulfamethoxazole miaraka amin'ny

trimethoprim)..... 357

Cephalosporins..... 358

Antibiotika hafa 358

Ciprofloxacin 358

Clindamycin..... 358

Gentamicin 358

Fanafody ho an'ny Angaboribory sy

Chlamydia..... 359

Fanafody ho an'ny Raboka..... 359

Isoniazid (INH)..... 360

Rifampicin..... 360

Pyrazinamide..... 361

Ethambutol 361

Streptomycin 361

Fanafody ho an'ny Habokana..... 362

Dapsone (diaminodiphenylsulfone, DDS) 362

Rifampicin..... 362

Clofazimine (Lamprene)..... 363

FANAFODY Hafa

Ho an'ny Tazo..... 363

Artesunate 364

Artemether with lumefantrine (Coartem) 364

Pyrimethamine with sulfadoxine (Fansidar)..... 364

Mefloquine 365

Amodiaquine 365

Quinine 365

Chloroquine 366

Primaquine 367

Proguanil 367

Doxycycline..... 355

Ho an'ny Amiba sy Giardia 367

Metronidazole..... 368

Diloxanide furoate 368

Quinacrine..... 369

Ho an'ny Aretin'ny Fivaviana.....	369
Vinaingitra Fotsy.....	369
Metronidazole.....	369
Nystatin na miconazole—vongany, menaka fanosotra, ary zavatra alefa any anaty fivaviana.....	369
Violet de Gentiane.....	369
Povidone iodine.....	370
Ho an'ny Aretin-koditra.....	370
Savony.....	370
Solifara.....	370
Violet de Gentiane.....	370
Antibiotika miendrika menaka.....	370
Cortico-steroid miendrika menaka na zavatra osorana.....	370
Petroleum jelly (Petrolatum, Vaseline).....	370
Ho an'ny Tsindoha na Aretina azo avy amin'ny Holatra Hafa.....	371
Menaka misy undecylenic, benzoic, na acide salicylique.....	371
Solifara sy vinaingitra.....	371
Sodium thiosulfate (hypo).....	371
Selenium sulfide (Selsun, Exsel).....	371
Tolnaftate (Tinactin).....	371
Griseofulvin.....	371
Violet de Gentiane—ho an'ny otrikaretina avy amin'ny leviora.....	371
Nystatin na miconazole.....	372
Ho an'ny lagaly sy Hao.....	372
Benzyl benzoate, menaka fanosotra lotion.....	372
Permethrin (Acticin, Elimate, Nix).....	372
Crotamiton (Eurax).....	372
Ivermectin.....	377
Solifana miendrika Vaseline na menaka mandry.....	372
Pyrethrins misy piperonyl (RID).....	372
Ho an'ny votsy eo amin'ny Fitaovam-pananahana.....	373
Podophyllin.....	373
Trichloroacetic acid.....	373
Ho an'ny Herpes sy Zona.....	373
Acyclovir (Zovirax).....	373
Ho an'ny Kankana.....	373
Mebendazole (Vermox)—ho an'ny karazana kankana maro sy trichinose.....	373
Albendazole (Zentel)—ho an'ny karazana kankana maro.....	374
Piperazine—ho an'ny sakoitra sy Enterobius.....	374
Thiabendazole—ho an'ny karazana kankana maro.....	374

Pyrantel—ho an'ny enterobius, ankylostome, sakoitra, ary trichinose.....	375
Niclosamide (Yomesan)—ho an'ny kakam-pisaka.....	375
Ivermectin—ho an'ny strongyloides.....	375
Praziquantel (Biltricide, Droncit)—ho an'ny kakam-pisaka.....	375
Quinacrine.....	369
Ho an'ny Schistosome(bilarziozy).....	376
Praziquantel (Biltricide, Droncit).....	376
Metrifonate (Bilarcil).....	376
Oxamniquine (Vansil, Mansil).....	376
Ho an'ny Fahajambana Ateraky ny Kaikitry ny Aloilo (Onchocerciasis).....	377
Ivermectin (Mectizan).....	377
Diethylcarbamazine.....	377
Suramin.....	377
Ho an'ny Maso.....	378
Antibiotika miendrika menaka ho an'ny maso—ho an'ny takodimena sy ny mason'ny zaza vao teraka.....	378
Tetracycline na Erythromycin—ho an'ny mason'ny zaza vao teraka.....	378
Ho an'ny Fanaintainana: Mampitony.....	378
Aspirinina.....	378
Aspirin ho an'ny ankizy.....	379
Acetaminophen (paracetamol).....	379
Ibuprofen.....	379
Ergotamine misy kafeinina—ho an'ny aretin'andoha mahery vaika.....	379
Codeine.....	383
Ho an'ny Fampitsaharana ny Fanaintainana rehefa manakatona Fery: Fanadontoana.....	379
Lidocaine (lignocaine, xylocaine).....	379
Ho an'ny Fikainkon'ny Tsinay: Antispasmodics.....	380
Belladonna (misy phenobarbital na tsia).....	380
Ho an'ny Tsy Fahalevonan-kanina, Vavony mamaivay ary Fery anaty Vavony.....	380
Aluminum hydroxide na magnesium hydroxide.....	380
Sodium bicarbonate (karibonetra).....	380
Calcium carbonate.....	381
Omeprazole (Prilosec).....	381
Ranitidine (Zantac).....	381

- Ho an'ny Aretim-pivalanana Mahery Vaika sy Tsy Fahampian-drano..... 381
- Fangaro Famerenan-drano..... 381
- Zinc..... 381
- Ho an'ny Tay Mafy (Mitohana):
- Fampivalanana..... 382
- Ronono misy magnesia (magnesium hydroxide) .. 382
- Sira Epsom (magnesium sulfate) 382
- Menaka mineraly..... 382
- Glycerin ampidirina anaty lava-body (Dulcolax) 382
- Ho an'ny Aretim-pivalanana Malefaka..... 383
- Kaolin misy pectin 383
- Ho an'ny Orona Tsentsina..... 383
- Ranom-panafody atete anaty orona misy ephedrine na phenylephrine 383
- Ho an'ny Kohaka..... 383
- Codeine..... 383
- Ho an'ny Asma 384
- Salbutamol (Albuterol) 384
- Beclomethasone..... 384
- Prednisolone na Prednisone 385
- Epinephrine (Adrenaline, Adrenalin) 385
- Ho an'ny Tohana sy Fandoavana:
- ny Antihistaminique..... 385
- Promethazine (Phenergan)..... 386
- Diphenhydramine (Benadryl) 386
- Chlorpheniramine 386
- Dimenhydrinate (Dramamine) 386
- Antitoxin 387
- Antitoxin na fiadiana amin'ny poizin'ny maingoka..... 387
- Antitoxin na fiadiana amin'ny poizina avy amin'ny kaikitry ny bibilava 387
- Antitoxin ho an'ny tetanosy..... 388
- Ho an'ny Poizina Voatelina..... 388
- Saribao vovony na *actif* 388
- Ho an'ny Fanintona..... 388
- Phenobarbital (phenobarbitone) 389
- Phenytoin (diphenylhydantoin, Dilantin)..... 389
- Diazepam (Valium) 389
- Magnesium Sulfate 390
- Ho an'ny Fandehanan-drà Mahery Vaika Rehefa avy Miteraka..... 390
- Ergonovine na ergometrine maleate (Ergotrate, Methergine) 390
- Oxytocin (Pitocin) 390
- Misoprostol (Cytotec) 391
- Ho an'ny Kitso..... 391
- Fanafody alefa any min'ny lava-body ho an'ny kitso..... 391
- Ho an'ny Tsy Fahampian-tsakafo sy Tsy Fahampian-drà..... 391
- Vovon-dronono..... 391
- Vitamina maro afangaro 391
- Vitamina A—ho an'ny tsy fahitana amin'ny alina sy Hamaina-maso..... 391
- Iron sulfate (ferrous sulfate)—ho an'ny tsy fahampian-drà 392
- Acide folique—ho an'ny tsy fahampian-drà 392
- Vitamina B₁₂ (cyanocobalamin)—ho an'ny tsy fahampian-drà mikiky miadana **irery ihany**..... 392
- Vitamina K (phytomenadione)—ho an'ny fandehanan-drà eo amin'ny zaza vao teraka..... 392
- Vitamina B₆ (pyridoxine)—ho an'ireo olona mihinana INH 393
- Fomba Fanabeazana Aizana..... 393
- Fanabeazana aizana atelina (pilina hifehezana ny fiterahana) 393
- Pilina vonjy taitra..... 394
- Fimailo 395
- Diafragma..... 395
- Fanabeazana aizana miendrika roatra..... 395
- Fanabeazana aizana miendrika vongam-panafody ampidirina anaty lalan-jaza (Neo Sampoo)..... 395
- DIU 395
- Fanabeazana aizana atao tsindrona..... 395
- Fanabeazana aizana implants 396
- Ho an'ny VIHA sy SIDA..... 396
- Fitsaboana ny VIH sy Tetik'asa ART..... 396
- Rehefa inona no ilaina ny ART?..... 396
- Ahoana ny fomba fihinanana ART..... 397
- Voka-dratsin'ny ART..... 397
- Fisorohana ny VIH eo no ho eo rehefa avy nifandray tamin'izany ny olona iray..... 397
- ART ho an'ny vehivavy mitondra vohoka..... 398
- Fisorohana ny VIH tsy ahazo ny zaza..... 398

Fanoroam-pejy Ireo Fanafody ao anatin'ny Pejy Maitso

Natao lisitra toy izao: A B C D E F G H I J K L M N O P Q R S T U V W X Y Z

Fanamarihana: Ireo fanafody tsy ato anatin'ny lisitra ato anatin'ny PEJY MAITSO, saingy voalaza ao anatin'ny boky kosa, dia voatanisa ao anatin'ny Fanoroam-pejy fototra (pejy mavo).

3TC (lamivudine).....	397	B	
			Bactrim (cotrimoxazole).....
A			Banocide (diethylcarbamazine).....
Acetaminophen (paracetamol).....	379		Bayer 205 (suramin).....
Acetylsalicylic acid (aspirinina).....	378		Belladonna
Activated charcoal (saribao actif).....	388		Benadryl (diphenhydramine).....
Acyclovir.....	373		Benzathine.....
Adrenalin (epinephrine).....	385		Benzoic acid.....
Adrenaline.....	385		Benzyl benzoate.....
Alacramyn (antivenom).....	387		Betadine (povidone iodine)
Albendazole.....	374		Bicarbonate of soda (karibonetra).....
Albuterol	384		Bilarcil (metrifonate).....
Alka Seltzer (sodium bicarbonate).....	380		Bilricide (praziquantel).....
Allergic reactions (fanafody ho an'ny tohana).....	385		Birth control (fanabeazana aizana).....
Aluminum hydroxide.....	380		Bleeding, fanafody ho an'ny (fandehanan-drà).....
Amiba, fanafody ho an'ny.....	367		Brevicon (pilina hifehezana ny fiterahana).....
Amicline	369		Brevicon 1+ 35 (pilina hifehezana ny fiterahana).....
Amodiaquine.....	365		Broxyquinoline.....
Amoxicillin	352		
Ampicillin.....	352	C	
Analgesics.....	378		Cafegot (ergotamine misy kafeinina).....
Anemia, fanafody ho an'ny (tsy fahampian-drà).....	392		Calcium carbonate.....
Anesthetics.....	379		Ceftriaxone
Antacids	380		Cephalosprins
Antibiotics.....	350		Charcoal, (saribao vovoka na actif).....
Antihistamines	385		Chlamydia, fanafody ho an'ny.....
Antiminth (pyrantel).....	375		Chlorambin
Antispasmodics.....	380		Chloramphenicol
Antitoxins	387		Chloromycetin (chloramphenicol)
Antivenoms (miady amin'ny poizina).....	387		Chloroquine
Antivipmyl (miady amin'ny poizina).....	387		Chlorpheniramine.....
Antrypol (suramin).....	377		Chlortetracycline
Aralen (chloroquine).....	366		Ciloxan (ciprofloxacin).....
Artemether with lumefantrine.....	364		Cipro (ciprofloxacin)
Artemisinin.....	364		Ciprobay (ciprofloxacin)
Artesunate.....	364		Ciprofloxacin
Aspirinina.....	378		Cleocin (clindamycin).....
Asma, fanafody ho an'ny.....	384		Clindamycin.....
Atabrine	369		Clioquinol.....
Atropine	380		Clofazimine.....
Azithromycin	359		Cloxacillin
AZT (zidovudine).....	397		

Coatrem (artemether misy lumefantrine).....	364
Cobrantril (pyrantel).....	375
Codeine.....	383
Condoms (Fimailo).....	395
Contraceptive foam (roatra fanabeazana aizana).....	395
Contraceptive implants(asisika manabe aizana).....	396
Contraceptive suppositories(asitrika manabe aizana).....	395
Contraceptives,oral(pilina fanabeazana aizana).....	393
Convulsions (fits), ho an'ny fanintona.....	388
Copper T (DIU).....	395
Cortico steroid.....	370
Cortisone.....	391
Cotrimoxazole.....	357
Cough medicines (fanafody kohaka).....	383
Cramps of the gut,(ho an'ny fikainkon'ny tsinay).....	380
Crotamiton.....	372
Crystal violet.....	370
Cyanocobalamin (vitamina B12).....	392
Cyclofem (tsindrona fanabeazana aizana).....	395
Cytotec (misoprostol).....	391

D

d4T (stavudine).....	397
Dalasin (clindamycin).....	358
Dapsone (diaminodiphenylsulfone, DDS).....	362
Dehydration,(amin'ny tsy fahampian-drano).....	381
Delfen (roatra fanabeazana aizana).....	395
Demulen (pilina fanabeazana aizana).....	394
Denoval (pilina fanabeazana aizana).....	394
Depo-Provera(tsindrona fanabeazana aizana).....	395
Diaphragm.....	395
Diarrhea, ho an'ny aretim-pivalanana.....	383
Diazepam.....	389
Dicloxacillin.....	350
Diethylcarbamazine.....	377
Diiodohydroxyquin.....	369
Dilantin (phenytoin).....	389
Diloxanide furoate.....	368
Dimenhydrinate.....	386
Diodoquin (diiodohydroxyquin).....	369
Diphenhydramine.....	386
Diphenylhydantoin (phenytoin).....	389
Doxycycline.....	355
Dramamine (dimenhydrinate).....	386
Droncit (praziquantel).....	375,376
Dulcolax (glycerin atao anaty lava-body).....	382

E

Efavirenz.....	397
EFV (efavirenz).....	397
Emko (roatra fanabeazana aizana).....	395
Enteroquinol.....	369

Entero Vioform.....	369
Ephedrine.....	383
Epinephrine.....	385
Epsom salts.....	382
Ergometrine.....	390
Ergonovine.....	390
Ergotamine misy kafeinina.....	379
Ergotrate (ergotamine tartrate).....	390
Erythromycin.....	354
Ethambutol.....	361
Eugynon (pilina fanabeazana aizana).....	394
Eurax (crotamiton).....	372
Expectorants.....	383
Exsel (selenium sulfide).....	371
Eyes, Fanafody ho an'ny (maso).....	377

F

Family planning methods.....	393
Fansidar (pyrimethamine with sulfadoxine).....	364
Femenal (pilina fanabeazana aizana).....	394
Femulen (pilina fanabeazana aizana).....	394
Ferrous sulfate.....	392
Fits,(convulsions)(ho an'ny fanintona).....	388
Flagyl (metronidazole).....	368
Floraquin.....	369
Folic acid (Acide folique).....	392
Fungus infections, ho an'ny aretina azo avy amin'ny holatra).....	371
Furamide (diloxanide furoate).....	368

G

Garamycin (gentamicin).....	358
Gentamicin.....	358
Gentian violet (Violet de Gentiane).....	370
Germanin (suramin).....	377
Giardia, fanafody ho an'ny.....	367
Glycerin alefa any anaty lava-body.....	382
Gonorrhea, Fanafody ho an'ny.....	359
Griseofulvin.....	371

H

Halquinol.....	369
Headache, Fanafody ho an'ny (aretin'andoha).....	378
Helmex (pyrantel).....	375
Hemorrhage, ho an'ny fandehanan-drà be.....	390
Hemorrhoids, Fanafody ho an'ny kitso.....	391
Hetrazan (diethylcarbamazine).....	377
Hydroxyquinolines.....	369
Hyoscyamine (atropine).....	380
Hyper-tet (karazana proteina fanefitry ny tetanosy).....	388

I

Ibuprofen	379
Implanon (fanabeazana aizana asisika).....	396
Infections, fanafody ho an'ny otrikaretina	350
Injectable contraceptives (tsindrona manabe aizana aizana).....	395
Insecticides for scabies and lice (mamono lagaly sy hao).....	372
Intrauterine device (DIU).....	395
Iodochlorhydroxyquin.....	369
Iodoquinol.....	369
Iron sulfate	392
Isoniazid (INH).....	360
Ivermectin.....	377

J

Jadelle (fanabeazana aizana asisika).....	396
---	-----

K

Kaolin with pectin	383
Kaopectate (kaolin misy pectin)	383

L

Lamivudine	397
Lamprene (clofazimine).....	363
Lariam (mefloquine)	365
Laxatives	382
Lempko (roatra fanabeazana aizana)	395
Leprosy, fanafody ho an'ny habokana	362
Lice, fanafody (hao).....	372
Lidocaine.....	379
Lo-Femenal (pilina manabe aizana).....	393
Logynon (pilina manabe aizana).....	393
Lo-ovral (pilina manabe aizana).....	393
Luminal (phenobarbital)	389
Lunelle (tsindrona fanabeazana aizana)	395

M

Magnesium hydroxide	382
Magnesium sulfate	382, 390
Malaria, medicines for	363
Mansil (oxamniquine).....	376
Mebendazole.....	373
Mectizan (ivermectin)	377
Mefloquine.....	365
Mepacrine	369
Methergine (methyletergonovine maleate).....	390
Methicillin.....	350
Metrifonate.....	376
Metronidazole.....	368

Miconazole	369
Microgynon 30 (pilina manabe aizana)	393
Microlut (pilina manabe aizana).....	394
Microvlar (pilina manabe aizana).....	393
Micronor (pilina manabe aizana).....	394
Micronovum (pilina manabe aizana).....	394
Mifepristone.....	391
Milk of magnesia(ronono maneziôma).....	382
Milk, ronono vovony	391
Menaka mineraly.....	382
Mini-pill (pilina kely manabe aizana).....	394
Misoprostol	391
Myambutol (ethambutol).....	361

N

Nafcillin.....	350
Naphuride (suramin).....	377
Neo Shampoo (Fanabeazana aizana asitrika).....	395
Neocon (pilina manabe aizana)	393
Neogynon (pilina manabe aizana).....	394
Neomycin	370
Neosporin (antibiotika miendrika menaka).....	370
Neo-Synephrine (phenylephrine)	383
Net-En (tsindrona fanabeazana aizana)	395
Niclosamide.....	375
Nivembin.....	369
Nordette (pilina manabe aizana).....	393
Nordiol (pilina manabe aizana)	394
Noriday 1+50 (pilina manabe aizana).....	393
Norimin (pilina manabe aizana).....	393
Nor-QD (pilina manabe aizana)	394
Norplant (fanabeazana aizana asisika).....	396
Nose, fanafody ho an'ny (orona).....	383
Nystatin.....	372

O

Omeprazole.....	381
Onchocerciasis, fanafody ho an'ny.....	377
Oral contraceptives (pilina manabe aizana).....	393
Oral rehydration salts (sira famerenan-drano atelina)	381
Ortho-Novum 1/35 (pilina manabe aizana).....	393
Ortho-Novum 1/50 (pilina manabe aizana).....	393
Ovral (pilina manabe aizana)	394
Ovrette (pilina manabe aizana).....	394
Ovulen (pilina manabe aizana).....	394
Ovysmen (pilina manabe aizana).....	393
Ovysmen 1/35 (pilina manabe aizana).....	393
Oxacillin.....	350
Oxamniquine	376
Oxytetracycline.....	355
Oxytocin	390

P

Pain, fanafody ho an'ny (fanaintainana).....378
 Paludrine (proguanil).....367
 Paracetamol379
 Penicillins.....350
 Amoxicillin352
 Ampicillin352
 Benzathine.....352
 Benzylpenicillin (penicillin G)351
 Crystalline.....352
 For resistance to penicillin.....350
 PAM (procaine penicillin aluminum monostearate)351
 Phenoxymethyl (penicillin V)351
 Procaine352
 With streptomycin353
 Perle393
 Perle LD.....393
 Petroleum jelly (petrolatum, Vaseline)370
 Phenergan (promethazine).....386
 Phenobarbital389
 Phenobarbitone389
 Phenoxymethyl (penicillin V)351
 Phenytoin.....389
 Phytomenadione (vitamin K)392
 Phytonadione.....392
 Piperazine.....374
 Pitocin (oxytocin)390
 Pituitrin390
 Podophyllin.....373
 Poisoning, medicines for388
 Polymyxin370
 Polysporin (polymyxin)370
 Polyvalent Crotalid Antivenin (ho an'ny kaikitra bibilava).....387
 Povidone iodine.....370
 Powdered charcoal (saribao vovony).....388
 Praziquantel ho an'ny schistosome.....376
 Praziquantel ho an'ny kakam-pisaka.....375
 Prednisolone.....385
 Prednisone385
 Prilosec (omeprazole)381
 Primaquine367
 Primovlar (pilina manabe aizana).....394
 Proguanil367
 Promethazine.....386
 Pyrantel.....375
 Pyrazinamide.....361
 Pyrethrins with piperonyl372
 Pyridoxine (vitamina B₆)393
 Pyrimethamine misy sulfadoxine364

Q

Quinacrine.....369
 Quinine365
 Quogyl369

R

Ranitidine.....381
 Rehydration Drink.....381
 Retinol.....391
 RID (pyrethrins with piperonyl).....372
 Rifampicin ho an'ny TB.....360
 Rifampicin fanafody ho an'ny habokana.....362
 Ringworm, fanafody ho an'ny (tsindoha).....371
 River blindness, ho an'ny fahajambana ateraky ny kaikitry ny aloily.....377

S

Salbutamol.....384
 Salicylic acid371
 Scabies, fanafody ho an'ny (lagaly)372
 Scorpion sting,(amin'ny tsindrona maingoka)....387
 Seizures (fits), fanafody ho an'ny (fanintona)388
 Selenium sulfide371
 Selsun (selenium sulfide)371
 Septra (cotrimoxazole)357
 Silver nitrate.....378
 Simethicone.....380
 Skin problems,(ho an'ny aretin-koditra).....370
 Snakebite, ody amin'ny kaikitra bibilava387
 Savony370
 Sodium bicarbonate (karibonetra).....380
 Sodium thiosulfate.....371
 Spectinomycin.....359
 Stavudine.....397
 Streptomycin361
 Suero Anticrotalico (ody amin'ny kaikitry ny bibilava).....387
 Sulfas (sulfonamides).....356
 Cotrimoxazole.....357
 Sulfadiazine356
 Sulfadimidine.....356
 Sulfamethazine356
 Sulfisoxazole.....356
 Trimethoprim misy sulfamethoxazole (cotrimoxazole).....357
 Triple sulfa356
 Sulfones (dapson, DDS).....362
 Sulfur370
 Suramin377
 Synophase (pilina manabe aizana).....393

T

TDF (tenofovir)	397
Tenofovir	397
Terramycin (tetracycline)	355
Tetanus antitoxin (antitoxin ho an'ny tetanosy)..	388
Tetanus immune globulin (karazana proteina fanefitry ny tetanosy).....	388
Tetracycline	355
Doxycycline.....	355
Oxytetracycline.....	355
Tetracycline HCl.....	355
Thiabendazole.....	374
Tinactin (tolnaftate).....	371
Tolnaftate	371
Trinordiol (pilina manabe aizana)	393
Trinovum (pilina manabe aizana).....	393
Triphasil (pilina manabe aizana).....	393
Triquilar (pilina manabe aizana)	393
Tuberculosis, fanafody ho an'ny (raboka).....	359
Tefoedra, fanafody ho an'ny.....	356

U

Ulcers, fanafody ho an'ny (bay).....	380
Undecylenic acid	371

V

Vaginal infections, fanafody ho an'ny (aretin'ny fivaviana).....	370
Valium (diazepam)	389
Vansil (oxamniquine).....	376
Vaseline (petroleum jelly)	370
Vermox (mebendazole).....	373
Vibramycin (doxycycline)	355

Vinaingitra.....	37
------------------	----

I

Vitamina	391
Vomiting, (fanafody ho an'ny fandoavana).....	385

W

Warts on the genitals, fanafody ho an'ny (votsy eo amin'ny fitaovam-pananahana)	373
Water as a medicine (rano atao fanafody)....	383
White vinegar (vinaingitra fotsy).....	371
Whitfield's Ointment.....	371
Worms, fanafody kankana	373

X


Xylocaine (lidocaine).....	379
Xerophthalmia, vitamina ho an'ny maso maina..	391

Y

Yomesan (niclosamide)	375
-----------------------------	-----

Z

Zentel (albendazole)	374
Zantac (ranitidine)	381
ZDV (zidovudine).....	397
Zidovudine.....	397
Zinc.....	381
Zovirax (acyclovir)	373



-Tsy mila tsindrona ve izy hoy ianao?

-Tsia! Voan'ny sery fotsiny izy. Ho sitrana ho azy izy. Avelao izy haka aina. Omeo sakafo tsara sy rano betsaka izy. Ny fanafody matanjaka dia tsy hahomby ary mety hanimba azy.

**AZA MAMPIASA FANAFODY RAHA TSY TENA AZONAO ANTOKA FA
ILAINA YZANY ARY FANTATRAO TSARA NY FOMBA FAMPIASANA AZY**

fanamarihana: Mety hiteraka tsy fahazakana mahery vaika ny fanafody sasany raha miaraka ampiasaina.

Alohan'ny hihinanana fanafody roa na maro ampiarahana dia anontanio ny mpiasan'ny fahasalamana. Raha azo atao ihany koa , vakio ihany koa ireo fampahalalana eo amin'ny fonon'ny fanafody rehetra alohan'ny hampiasana azy.

Fampahalalàna mikasika ireo fanafody

ANTIBIOTIKA

NY PENICILLINES:

ANTIBIOTIKA MANA-DANJA LEHIBE TOKOA

Ny Penicillin dia iray amin'ireo antibiotika ilaina indrindra. Izy io dia miady amin'ny karazana otrikaretina sasany, ao anatin'izany ny nana. Tsy manasitrana aretim-pivalanana, ny ankabeazan'ny otrikaretin'ny fitaovam-pivalanan-drano, aretin-damosina, mangana, sery, nendramboalavo, na otrikaretina ateraky ny mikraoba hafa izy io (jereo p. 18 sy 19).

Ny Penicillin dia refesina amin'ny miligrama (mg.) na units (U.). ho an'ny penicillin G, 250 mg. =400,000 U.

NY METY HO LOZA HATERANY SY NY FITANDREMANA

Ho an'ny karazana penicillin rehetra (ao anatin'izany ny ampicillin sy amoxicillin):

Ho an'ny ankabeazan'ny olona ny penicillin dia anisan'ireo fanafody azo antoka indrindra. Ny fihinanana azy betsaka loatra dia tsy mampidi-doza fa mandany vola fotsiny. Ny fihinanana azy kely loatra indray dia tsy manajanona ny aretina ary mety hampatanjaka ny bakteria (sarotra vonoina kokoa).

Eo amin'ny olona sasany, ny penicillin dia mety miterika tsy **fahazakana**. Ao anatin'ny tsy fahazakana malefaka ny pentina kely mibontsina na faritra mena mangidihidy. Matetika izany dia miseho ora na andro maro aorian'ny fihinanana penicillin ary mety maharitra andro maro. Ny antihistaminique (p. 385) dia manampy amin'ny fanamaivanana ny hidihidy.

Mahalana ny penicillin no miteraka tsy fahazakana mahery vaika antsoina hoe **tohana**. Fotoana vetivety aorian'ny fanindronana (na nitelemanana) penicillin dia lasa hatsatra be tampoka ilay olona, sempotra, ary voan'ny dona (jereo p. 70). **Tsy maintsy tsindronina epinephrine** (Adrenalin) **eo no ho eo**.

Ataovy vonona foana ny epinephrine isaky ny hanindrona penicillin ianao (jereo p. 385).

Ny olona efa voan'ny tsy fahazakana **karazana rehetra** penicillin dia **tsy** tokony omena karazana penicillin, ampicillin na amoxicillin intsony **mihitsy**, na atelina izany na atao tsindrona. Ny anton'izany dia ny fotoana manaraka hihetsehan'izany, ilay tsy fahazakana dia mety ho ratsy kokoa ary hahafaty azy. (fa ny fikorontanan'ny vavony rehefa mihinana penicillin dia tsy famantarana tsy fahazakana, ary tsy antony hanajanonana ny fihinanana azy).

Ireo olona tsy afaka mihinana penicillin matetika dia afaka tsaboina amin'ny tetracycline na erythromycin atelina (jereo ny pejy 354 sy 355 ho an'ny fampiasana sy ny fitandremana).

Ny ankabeazan'ireo otrikaretina dia afaka tsaboina tsara amin'ny penicillin atelina. Ny endrika penicillin atao tsindrona dia mampidi-doza kokoa no ho ireo atelina.

Aza mampiasa tsindrona penicillin raha tsy amin'ny otrikaretina mahery vaika mampidi-doza.

Alohan'ny hanindronana penicillin na fa n'afody misy izany dia raiso ireo fepetra voalaza ao amin'ny pejy 70.

FANOHERANA NY PENICILLIN:

Indraindray ny penicillin dia tsy mandaitra amin'ny otrikaretina izay tokony voafehiny raha ny tokony ho izy. Ny anton'izany dia mety lasa matanjaka ilay bakteria, noho izany dia tsy mahafaty azy ireo intsony ny penicillin (jereo p. 58).

Amin'izao fotoana, ireo otrikaretina izay mahatohitra ny penicillin indraindray dia ny bay mitsiranoka, fery misy nana eo amin'ny hoditra, aretin'ny fitaovam-pisefoana, fivaivai-nono (mastite) ary aretin'ny taolana (fivaivain-taolana aman-tsoka). Raha tsy sitran'ny penicillin tsotra ny iray amin'ireo otrikaretina ireo dia azo atao ny manandrana antibiotika hafa. Na ny endrika manokan'ny penicillin, (methicillin, nafcillin, oxacillin, cloxacillin, dicloxacillin) dia mety handaitra. Anontanio mikasika ny fatra sy ny fepetra raisina ny mpiasan'ny fahasalamana.

Amin'ny toerana maro maneran-tany, ny angaboribory sy aretin'ny firaisana ara-nofo hafa amin'izao dia mahatohitra penicillin; jereo ny p. 359 ho an'ny antibiotika hafa. Ny pneumonia ihany koa indraindray dia mahatohitra ny penicillin—andramo ny cotrimoxazole (p. 357) na erythromycin (p. 354).

PENICILLIN ATELINA

Penicillin V (phenoxymethyl penicillin)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

matetika dia miendrika: vongam-panafody 250 mg.
(400,000 U.)

sy: ranom-panafody na vovo-panafody afangaro amin'ny rano, 125 na 250 mg. isaky ny iray sotrokely

Ny penicillin atelina (fa aleo tsy tsindrona) dia tokony ampiasaina amin'ny otrikaretina malefaka sy tsy dia tena mahery vaika toy ny:

Nify misy nana

fozahavatra

aretin-tsofina

fivaivain'ny lozon-tava

aretin-tenda miteraka hafanana be tampoka,

(aretin-tenda ateraky ny streptocoque)

karazana braonsita rohana

pnemonia

Raha mahery vaika ny otrikaretina dia tsara kokoa ny manomboka amin'ny tsindrona penicillin, saingy matetika dia azo atao ny manome penicillin atelina rehefa hita fa manomboka misy fihatsarana.

Raha tsy misy fihatsarana ao anatin'ny 2 na 3 andro dia eritrereto ny hampiasa antibiotika iray hafa ary ezaho atao ny mahazo torohevitra ara-medikaly.

Fatran'ny penicillin ho an'ny **aretina malefaka**:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona: 500 mg.

in-4 isan'andro mandritra ny 10 andro

ankizy 6 hatramin'ny 12 taona: 250 hatramin'ny 500 mg.

in-4 isan'andro mandritra ny 10 andro

ankizy 1 hatramin'ny 5 taona: 125 mg.

in-4 isan'andro mandritra ny 10 andro

ankizy latsaky ny 1 taona: 62.5 mg.

in-4 isan'andro mandritra ny 10 andro

ho an'ny aretina mahery vaika kokoa: ataovy avo roa heny ny fatra etsy ambony.

Ho an'ny aretin-tenda ateraky ny streptocoque (mba hisorohana ny rohana):

Ataovy avo roa heny in-2 isan'andro mandritra ny 10 andro ny fatrany.

Mba hampiasan'ny vatana tsara ny fanafody dia, **hano ny penicillin rehefa tsy misy na inona na inona ao anatin'ny vavony**, farafaharatsiny ora1 aoriana na ora2 alohan'ny sakafy.

TSINDRONA PENICILLIN

Ny tsindrona penicillin dia tokony ampiasaina amin'ny trangan'aretina mahery vaika sasany toy ny:

tetanosy

Pneumonia mahery vaika

ratra manonitra be

fery mandoaka

angatra

Ny tsindrona penicillin dia manana endrika isan-karazany. Alohan'ny hanindronanao amin'ny karazana penicillin rehetra dia jereo hatrany ny

habetsany sy ny **karazany**.

FISAFIDIANANA NY KARAZANA TSINDRONA

PENICILLIN METY:

Ny karazana penicillin sasany dia miasa haingana saingy tsy maharitra. Ny sasany indray dia ela fiasa fa maharitra ny vokany. Misy fotoana tsara kokoa ny mampiasa karazany iray noho ny karazany hafa.

Penicillin haingam-piasa: Ireo dia fantatra amin'ny anarany maro toy ny tsindrona penicillin crystalline, benzylpenicillin, aqueous penicillin, soluble penicillin, sodium penicillin, potassium penicillin, ary penicillin G. Ireo penicillin ireo dia haingam-piasa saingy vetivety dia miala amin'ny vatana, noho izany dia tokony atsintrona isaky ny 6 ora (in-4 isan'andro). Ny penicillin haingam-piasa no safidy tsara indrindra ho an'ny otrikaretina mahery vaika be raha ilaina fatrana penicillin betsaka izany. Ohatra, ho an'ny fery mandoaka na raha mivoaka amin'ny hoditra ny taolana tapaka na menenzita.

Penicillin manana fiasa antonony: Procaine penicillin na procaine penicillin aluminum monostearate (PAM). Izy ireo dia ela kokoa ny fiasany ary maharitra eo amin'ny iray andro eo ao anatin'ny vatana, noho izany, ny tsindrona dia tokony atao in-drain isan'andro ihany. Ny procaine penicillin, na fitambaran'ny procaine sy penicillin haingam-piasa no tsara indrindra ho an'ny ankabeazan'ny otrikaretina raha ilaina ny manindrona penicillin.

Penicillin ela fiasa: Benzathine penicillin. Io penicillin io dia mandeha miadana mankany amin'ny rà ary maharitra hatramin'ny iray volana. Ny tena fampiasana azy dia ny fitsaboana ny aretin-tenda ateraky ny streptocoque na ny angatra, ary hisorohana ny rohana. Izy io dia ilaina ho an'ny olona mipetraka lavitry ny mpanindrona na tsy azo itokisana amin'ny fitelemana penicillin. Ho an'ny aretina malefaka, ny tsindrona iray dia mety ampy. Ny benzathine penicillin matetika dia atambatra amin'ny penicillin haingam-piasa.

Penicillin Crystalline (benzylpenicillin, penicillin G, sns.)

(penicillin aingam-piasa)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _

Matetika dia miendrika: tavoahangy kely 1 million U.

(600 mg.) na 5 million U. (3 g.)

Fatran'ny penicillin crystalline na ny penicillin haingam-piasa rehetra—ho an'ny otrikaretina mahery vaika:

Omeo tsindrona isaky ny 4 ora mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro.

Isaky ny tsindrona iray:

Ihibe sy ankizy mihoatra ny 8 taona: 1 million U.

ankizy 3 hatramin'ny 8 taona: 500,000 U.

ankizy latsaky ny 3 taona: 250,000 U.

ho an'ny aretina mahery vaika, mila omena fatra ambony kokoa.

Procaine penicillin (procaine benzylpenicillin) (penicillin

manana fiasa antonony)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _

Matetika dia miendrika: tavoahangy kely 1 million U. (1

g.) na 3 million U. (3 g.), ary maro hafa

Fatra ho an'ny procaine penicillin—ho an'ny otrikaretina tsy dia tena mahery vaika:

Omeo tsindrona 1 isan'andro mandritra ny 10 hatramin'ny 15 andro.

Isaky ny tsindrona iray:

Ihibe: 600,000 hatramin'ny 1,200,000 U. ankizy

8 hatramin'ny 12 taona: 600,000 U. ankizy 3

hatramin'ny 7: 300,000 U.

ankizy latsaky ny 3 taona: 150,000 U.

zazakely vao teraka: AZA MAMPIASA IZANY raha tsy hoe tsy misy penicillin na ampicillin hafa. Ho an'ny vonjy taitra, 50,000 U.

Ho an'ny aretina mahery vaika, omeo fatrany avo roa henin'ny voalaza eo ambony. Na izany aza dia tsara kokoa ny mampiasa penicillin haingam-piasa.

Ny fatran'ny procaine penicillin atambatra amin'ny penicillin haingam-piasa dia mitovy amin'ny procaine penicillin irery.

PEJY MAITSO**Benzathine benzylpenicillin**

(penicillin ela fiasa)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _

Matetika dia miendrika: tavoahangy kely 1,200,000 na 2,400,000 U.

Fatran'ny benzathine benzylpenicillin—ho an'ny otrikaretina malefaka hatramin'ny otrikaretina tsy dia tena mahery vaika:

Omeo tsindrona 1 isaky ny 4 andro. ho an'ny otrikaretina malefaka, tsindrona 1 dia mety ampy.

Ihibe sy ankizy mihoatra ny 8 taona: 1,200,000 U.

ankizy 1 hatramin'ny 7 taona: 300,000 U. to 600,000 U.

Ho an'ny aretin-tenda ateraky ny streptocoque, omeo tsindrona iray amin'ny fatra voalaza eo ambony.

Mba hisorohana ny fiverenan'ny otrikaretina eo amin'ny olona iray voan'ny rohana, omeo ny fatra etsy ambony isaky ny 4 herinandro izy (jereo p. 310).

Ny tsara indrindra itsaboana ny angatra dia ny benzathine benzylpenicillin. Mikasika ny fatra, jereo p. 238.

AMPICILLIN SY AMOXICILLIN: PENICILLIN MAHASITRANA ARETINA MARO**Ampicillin**

Matetika dia miendrika:

rano,125 na 250 mg./5 ml.

anarana: _____ ho an'ny _____

kapisily, 250 mg.

anarana: _____ ho an'ny _____

tsindrona, tavoahangy kely 500 mg. na 1 g.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Amoxicillin

Matetika dia miendrika:

kapisily na vongam-panafody: 250 na 500 mg.

vidiny: _____ ho an'ny _____

fangaro: 125 mg. ao anatin'ny 5 ml.

vidiny: _____ ho an'ny _____

na 250 mg. ao anatin'ny 5 ml.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Ireo penicillin **mahasitrana aretina maro** ireo dia mamono karazana bakteria maro noho ny penicillin hafa. Azo antoka kokoa noho ireo antibiotika be karazany izy ary ilaina manokana ho an'ny zazakely sy ankizy madinika.

Ny ampicillin sy amoxicillin matetika dia mahazo mifampisololo. Ny torohevitra ho an'ny ampicillin hitanao ato anatin'ity boky ity, dia matetika azonao ampiasaina ho an'ny amoxicillin, amin'ny fatrany marina (jereo eto ambany). saingy **aza mihinana amoxicillin raha ampicillin tsindrona no natoro anao** (ny amoxicillin dia tsy misy tsindrona). Tadiodio ihany koa fa ny amoxicillin dia mety tsy mandaitra tsara amin'ny otrikaretina ateraky ny Shigella. Mampiasà ampicillin na antibiotika hafa (jereo p. 158).

Ny ampicillin sy amoxicillin dia lafo kokoa noho ny penicillin ary mety hiteraka aretim-pivalanana na 'areti-temibava'. Noho izany, tsy tokony ampiasaina amin'ny aretina tokony tsaboina amin'ny penicillin izay mandaitra kokoa izy ireo (jereo p. 58).

Ny ampicillin dia mandaitra kokoa rehefa hanina. Ny tsindrona dia tsy tokony ampiasaina raha tsy amin'ny aretina mahery vaika toy ny menenzita, peritonita, sy apandisita, na rehefa mandoa na tsy mahatelina fanafody ilay marary.

Ny ampicillin sy amoxicillin matetika dia ilaina amin'ny fitsaboana pneumonia na aretin-tsofina eo amin'ny ankizy latsaky ny 6 taona, ny otrikaretina mahery vaika mahazo ny fitaovam-pivalanan-drano, chlamydia, nify misy nana, sy tefoedra (amin'ny faritra sasany maneran-tany). Ny ampicillin ihany koa dia ilaina amin'ny fitsaboana ny septisemia sy aretina tsy Fantapiaviana mahazo ny zazakely vao teraka, menenzita, peritonitis, ary appendicitis. Ny amoxicillin is ihany koa dia ampiasaina amin'ny fitsaboana ny baivonto sy braonsita mitaiza.

Ireo olona tsy mahazaka penicillin ihany koa dia tsy tokony mihinana ampicillin na amoxicillin. Jereo ireo Loza mety hitranga sy Fitandremana ho an'ny karazana penicillin rehetra, pejy 351.

Fatrany ho an'ny ampicillin sy amoxicillin:

Atelina (25 hatramin'ny 50 mg./kg./andro)—kapsily 250 mg.; sirao misy 125 mg. isaky ny sotrokely (5 ml.) Ampicillin: Omeo 4 fatra isan'andro mandritra ny 7 andro.

Amoxicillin: Omeo 3 fatra isan'andro mandritra ny 7 andro.

Isaky ny fatra iray:

Ihibe sy ankizy mihoatra ny 10 taona: kapisily 1 na 2 sotrokely (250 mg.)

ankizy latsaky ny 10 taona: kapisily ½ na

1 sotrokely (125 mg.)

Zaza kely vao teraka: ¼ kapisily na ½ sotrokely (62 mg.)

Ho an'ny aretina mahery vaika kokoa: ampitomboy avo roa heny ny fatrany eo ambony.

Ho an'ny tefoedra: omeo amoxicillin na ampicillin 100 mg./kg./andro.

Ho an'ny chlamydia: jereo ny fatrany ao amin'ny p. 359.

Fatra ho an'ny ampicillin:

Tsindrona, ho an'ny aretina mahery vaika

Omeo fatrany 4 isan'andro, mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro.

Isaky ny fatrany iray:

Ihibe: 500 mg. (iray tavoahangy kely 500 mg.)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 250 mg.

(tavoahangy kely 500 mg. ½)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 125 mg.

(tavoahangy kely 500 mg. ¼)

ankizy latsaky ny 3 taona: 62 mg.

(tavoahangy kely 500 mg. 1/8)

zazakely vao teraka: 125 mg.

(tavoahangy kely 500 mg. ¼) **in-2** isan'andro **fotsiny**

Ho an'ny menenzita: ataovy avo roa heny ny fatra eo ambony.

PENICILLIN AMPIARAHANA AMIN'NY STREPTOMYCIN

Ny vokatry izay ahitana penicillin atambatra amin'ny streptomycin dia hita amin'ny ankabeazan'ny firenena rehetra ary matetika dia ampiasaina betsaka kokoa noho ny tokony ho izy. Raha ampiasaina be tokoa eo amin'ny faritra misy anao ny iray amin'ireo dia soraty ny anarany, ny ao anatin'ny ary ny vidiny:

Anarana: _____ mg. ny penicillin: _____

mg. ny streptomycin: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny penicillin sy streptomycin dia tsy tokony ampiasaina miaraka raha tsy amin'ny tranga manokana ka tsy afaka mahazo ampicillin na lafo loatra izany. tsy tokony ampiasaina amin'ny aretina malefaka izy ireo na sery mahazatra na 'gripa'.

Ny fampiasana matetika ny streptomycin ho an'ny aretina ankoatran'ny raboka dia mahatonga ny bakterian'ny raboka hanohitra ny streptomycin, ka ho lasa sarotra tsaboina. Ny streptomycin ihany koa dia mety hahatonga tsy fahenoana (marenina).

Ny streptomycin ampiarahana amin'ny penicillin dia afaka ampiasaina amin'ny ankabeazan'ireo aretina izay mila ny fampiasana ampicillin (jereo p. 352), saingy ny ampicillin no azo antoka kokoa indrindra ho an'ireo zaza.

Matetika dia mora vidy kokoa ary mora amboarina amin'ny fatrany marina, raha toa atsindrona misaraka ny streptomycin sy ny penicillin, noho ny izy atambatra.

Fatran'ny penicillin ampiarahana amin'ny streptomycin—**ho an'ny otrikaretina mahery vaika:**

Omeo penicillin haingam-piasa farafahakeliny 25,000 U./Kg. in-4 isan'andro, sy streptomycin, tsy mihoatra ny 30 hatramin'ny 50 mg./kg./andro.

Ho an'ny zazakely vao teraka, omeo penicillin haingam-piasa, 50,000 U./kg. in-droa isan'andro miaraka amin'ny streptomycin, 20 mg./kg. in-drainy isan'andro.

	Omeo ity fatrana penicillin haingam- pisa ity	miaraka amin'ity fatrana streptomycin ity
--	---	---

lehibe:	1,000,000 U.	1. g. (matetika 4 hatramin'ny 6 isan'andro	1. g. (matetika 2 ml.) in-drainy isan'andro
ankizy	500,000 U.	750 mg.	
8 - 12 taona:	in-4 hatramin'ny 6 isan'andro	(1 ½ ml.) in-drainy isan'andro	
Ankizy 3 to 7 years:	250,000 U. in-4 hatramin' ny 6 isan'andro	500 mg. (1 ml.) in-drainy isan'andro	
children under 3:	125,000 U, 4 hatramin'ny 6 san'andro	250 mg. (½ ml.) in-drainy isan'andro	
newborn babies:	150,000 U. in-droa isan'andro	60 mg. (⅛ ml.) in-drainy isan'andro	

Ho an'ny otrikaretina mahery vaika, toy ny peritonitis, appendicitis, menenzita, na otrikaretina mahery vaika mahazo ny taolana (fivaivain-taolana aman-tsoka), afaka atao ny manome penicillin amin'ny fatra ambony kokoa, saingy ny **fatran'ny streptomycin dia tsy tokony atao mihoatra ny atoro eto.**

Ho an'ny otrikaretina tsy dia tena mahery vaika izay mila penicillin ampiarahana amin'ny streptomycin, nyprocaine penicillin dia afaka ampiarahana amin'ny streptomycin. Ho an'ny fatran'ny procaine penicillin, jereo ny pejy 353. Ny fatra ho an'ny streptomycin dia mitovy amin'ny nomena eo ambony.

Vakio tsara ny Mety ho loza haterany sy ny Fitandremana ho an'ny penicillin sy ny streptomycin, p. 351 sy 363.

PEJY MAITSO

ERYTHROMYCIN:

AFAKA ASOLO NY PENICILLIN

Erythromycin

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody na kapsily 250 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

sirao misy 125 na 200 mg./5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Menaka fanosotra ny maso 5 ml. 0.5% hatramin'ny 1%

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny erythromycin dia miady amin'ny otrikaretina mitovy amin'ny penicillin sy tetracycline, saingy lafo kokoa. Amin'ny toerana maro maneran-tany, ny erythromycin amin'izao dia mandaitra kokoa noho ny penicillin ho an'ny trangana pneumonia sy otrikaretina hafa sasany.

Ny erythromycin dia afaka misolo ny penicillin ho an'ny olona tsy mahazaka penicillin. Izy io koa matetika dia afaka ampiasain'ny olona tsy mahazaka tetracycline, ny vehivavy mitondra vohoka sy ny ankizy, izay tsy tokony mihinana tetracycline. Amin'ny tranga sasany, ny erythromycin dia tsy mahasolo ny tetracycline. Jereo ny fizarana ato anatin'ny boky izaymiresaka mikasika ireo aretina.

Ny erythromycin dia azo anoka ihanyt, saingy mila tandremana tsara mba tsy hanomezana fatra mihoatra ny tokony ho izy. Aza ampiasaina mihoatra ny 2 erinandro, satria mety hiteraka ngorongosy izany.

Fatra ho an'ny erythromycin:

Hano miaraka amin'ny sakafo ny erythromycin mba hisorohana ny aretim-bavony.

Omeo fatra 1 in-4 isan'andro.

Isaky ny fatra iray:

lehibe: 500 mg. (vongany 2 na 4 sotrokely)

ankizy 2 hatramin'ny 12 taona: 250

mg. (vongany 1 na 2 sotrokely)

ankizy latsaky ny 2 taona: 125 mg.

(vongany ½ na ½ hatramin'ny 1 sotrokely)

Ho an'ny otrikaretina mahery vaika kokoa:
ampitomboy avo roa heny ny fatrany.

Ho an'ny fampiasana amin'ny maso: jereo ny pejy 378.

TETRACYCLINES:

ANTIBIOTIKA MAHASITRANA ARETINA MARO

Tetracycline (tetracycline HCl, oxytetracycline, sns.)

(Marika mahazatra saingy lafo vidy : Terramycin)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Kapisily of 250 mg. na 500 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

fangaro, 125 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Menaka ho an'ny maso 1%

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny tetracycline dia antibiotika mahasitrana aretina maro; izany oe miady amin'ny karazana bakteria maro. Ny tetracycline dia tokony atelina, satria mandaitra ihany koa izany ary vitsy kokoa ny olana aterany noho ny atsindrona.

Ny tetracycline dia afaka ampiasaina amin'ny:

- Aretim-pivalanana na mivalan-drà ateraky ny bakteria antsoina hoe amiba fivaivain'ny lozon-tava
- aretin'ny taovam-pisefoana
- tazo mamindra
- brucellose
- kôlera
- Fivotrovotron'ny
- temimaso
- chlamydia
- aretina manaintaina eo ambanin'ny lohavana
- fery ao anaty vavony
- angatra

Ny tetracycline dia tsy manasitrana sery. Ho an'ny aretina mateti-pitranga dia tsy miasa kokoa noho ny penicillin na sulfa izy io. Izy io ihany koa dia lafo vidy kokoa. Tokony ferana ny fampiasana azy io.

Ireo loza mety hitranga sy ireo fitandremana:

1. ireo vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana tetracycline satria mety hanimba ny nify sy ny taolan'ny zaza izany. noho izany antony izany koa dia tsy tokony mihinana tetracycline ny ankizy latsaky ny 8 taona raha tsy tena ilaina, ary mandritra ny fotoana fohy ihany. Soloy erythromycin.
2. Ny tetracycline dia mety hiteraka aretim-pivalanana na fikorontanan'ny vavony, indrindra raha ampiasaina maharitra.
3. mampidi-doza ny fampiasana tetracycline efa 'tranainy' na lany daty.
4. Mba hiasan'ny tetracycline tsara amin'ny vatana dia tsy tokony misotro ronono na antacid ora iray mialoha na aorinan'ny fihinanana ny fanafody.
5. Ny olona sasany dia mety hisy faritra mena eo amin'ny hodiny rehefa mijanona ela amin'ny masoandro mandritra ny fitsaboana azy amin'ny tetracycline.

Fatran'ny tetracycline (20 to 40 mg./kg./andro)—kapisily 250 mg. ary fangaro 125 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Omeo tetracycline atelina in-4 isan'andro.

Isaky ny fatra iray:

lehibe: 250 mg. (1 capsule)
 ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 125 mg. (kapisily ½ na 1 sotrokely)
 ankizy latsaky ny 8 taona: amin'ny ankapobeny dia **tsy mihinana tetracycline**—fa soloina cotrimoxazole na erythromycin.
 Raha tsy misy safidy hafa dia omeo:
 ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 80 mg. (kapisily 1/3 na 2/3 sotrokely)
 ankizy 1 hatramin'ny 3 taona: 60 mg. (kapisily ¼ na ½ sotrokely)
 zaza latsaky ny 1 taona: 25 mg. (kapisily 1/10 na 1/5 sotrokely)
 Zazakely vao teraka (raha tsy misy ireo antibiotika hafa): 8 mg. (kapisily 1/30 na 6 tete amin'ny fangaro)

Amin'ny tranga mahery vaika, ary ho an'ny otrikaretina toy ny chlamydia, aretina manaintaina eo ambanin'ny lohavanina, kôlera, tazo mamindra, fery ao anaty vavony, ary brucellose, tsy maintsy omena avo roa heny amin'ny fatra eo ambony (afa-tsy ny zaza madinika).

Ho an'ny ankabeazan'ny otrikaretina, ny tetracycline dia tokony tohizana mandritra ny 1 na 2 aorian'ny fialan'ny famantarana otrikaretina (matetika dia 7 andro maninjitra). Ho an'ny aretina sasany, ny fitsaboana mahatitra dia ilaina: tazo mamindra 6 hatramin'ny 10 andro; brucellose 2 hatramin'ny 3 erinandro; chlamydia 7 andro; aretina manaintaina eo ambanin'ny lohavanina 10 hatramin'ny 14 andro. Ny kôlera matetika dia tsy mila fitsaboana maharitra: 3 hatramin'ny 5 andro.

Ho an'ny fampiasana azy amin'ny maso dia jereo ny p. 378.

Doxycycline

(marika mahazatra: Vibramycin)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Kapisily na vongany 100 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Tavoahangy kely 100 mg. ho an'ny sindrona

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny doxycycline dia endrika lafo vidin'ny tetracycline izay hanina in-droa isan'andro fa tsy in-4 isan'andro. Raha misy, izy io dia ampiasaina amin'ireo aretina izay ampiasana tetracycline. Ny doxycycline dia azo hanina miaraka amin'ny sakafo na ronono. Na izany aza **ireo loza mety hitranga sy ireo fitandremana dia mitovy amin'ny tetracycline.**

Fatrany ho an'ny doxycycline—vongam-panafody 100 mg.

Omeo doxycycline atelina in-2 isan'andro.

Isaky ny fatra iray:

lehibe: 100 mg. (vongany 1)

ankizy 8 hatramin'ny 12: 50 mg. (vongany ½)

ankizy latsaky ny 8: **Aza mampiasa doxycycline.**

CHLORAMPHENICOL:

ANTIBIOTIKA HO AN'NY OTRIKARETINA MAHERY VAIKA SASANY

Chloramphenicol (Chloromycetin)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Kapisily 250 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

fangaro 150 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

tsindrona, 1000 mg. isaky ny tavoahangy kely

Visiny: _____ ho an'ny _____

Ity antibiotika manasitrana aretina maro ity dia miady amin'ny bakteria maro be. Mora vidy izy saingy misy loza ihany amin'ny fampiasana azy, but there is some danger. Noho izany antony izany dia tokony ferana be ny fampiasana azy io.

Ny chloramphenicol dia tsy tokony ampiasaina afa-tsy amin'ny tefoedra na otrikaretina mahery vaika be izay tsy sitran'ny sulfas, penicillin, tetracycline, na ampicillin. Ho an'ny aretina mahafaty toy ny meneniza, peritonitis, ratra lalina mahazo ny taova, septisemia, na hafanana be aorian'ny fiterahana, ny chloramphenicol dia mety afaka ampiasaina raha tsy misy ireo fanafody tsy dia mampidi-doza (toy ny cephalosporins).

Matetika ny ampicillin dia mandaitra kokoa noho ny chloramphenicol, ary azo antoka lavitra kokoa.

TANDREMO: Ny chloramphenicol dia manimba ny ran'ny olona sasany. Mampidi-doza ho an'ny zaza vao teraka ihany koa izy io, indrindra ireo zaza tsy ampy volana. **Ho an'ny zaza vao teraka voan'ny otrikaretina mahery vaika, aleo ampicillin no omena fa tsy chloramphenicol** raha mbola azo atao. Raha ny fitsipika, **aza omena chloramphenicol ny zazakely latsaky ny 1 volana.**

Tandremo tsy hihoatra ny fatra natoro ho an'ny chloramphenicol. **Ny fatra dia kely dia kely ho an'ny zazakely** (jereo eto ambany).

Fadio ny fampiasana maharitra sy miverimberina.

Amin'ny toerana maro, ny tefoedra dia lasa mahatohitra ny chloramphenicol. Andramo ny ciprofloxacin, ampicillin, na cotrimoxazole.

Ny chloramphenicol atelina matetika dia mahaso kokoa noho ny tsindrona ary tsy mampidi-doza. Raha tsy hoe tsy afaka mitelina ilay olona dia **aza mampiasa tsindrona chloramphenicol.**

fatra ho an'ny chloramphenicol (50 hatramin'ny 100 mg./kg./andro)—kapisily 250 mg., na fangaro 125 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Omeo atelina in-4 isan'andro. Isaky ny fatrany iray:

lehibe: 500 hatramin'ny 750 mg. (kapisily 2 hatramin'ny 3).

Ho an'ny tefoedra, peritonitis, ary otrikaretina mahery vaika hafa dia tokony omena fatra ambony kokoa. (kapisily 3 in-4 isan'andro, izany hoe kapisily 12 isan'andro).

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 250 mg. (kapisily 1 na fangaro 2 sotrokely)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 125 mg. (kapisily ½ na 1 sotrokely)

zaza 1 volana hatramin'ny 2 taona: omeo 12 mg. (½ ml. amin'ny fangaro na 1/20 amin'ny kapisily) isaky ny lanjany 1 kg.

(Raha izany, ny zazakely 5 kg. dia omena 60 mg., izany hoe fangaro ½ sotrokely, na kapisily ¼, isaky ny fatra.)

Zazakely vao teraka: Amin'ny fitsipika ankaobeny, aza mampiasa chloramphenicol. Raha tsy misy safidy hafa dia omeo 5 mg. (¼ ml. na 5 tete amin'ny fangaro) isaky ny lanjany 1 kg.

Omeo 15 mg. ny zaza 3 kg. (15 tete amin'ny fangaro) in-4 isan'andro, na eo amin'ny kapisily ¼ eo isan'andro. aza manome ambonin'izany.

NY SULFAS (NA SULFONAMIDES): FANAFODY TSY LAFO VIDY HO AN'NY OTRIKARETINA MAHAZATRA

Sulfadiazine, sulfisoxazole, sulfadimidine, na 'triple sulfa'

Anarana: _____ Vidiny: _____ ho an'ny _____

matetika dia miendrika: vongam-panafody 500 mg.

Ny sulfas na sulfonamides dia miady amin'ny karazana bakteria maro, saingy malefaka kokoa noho ireo antibiotika hafa izy ireo ary mety hiteraka tsy fahazakana (hidihidy) sy olana hafa. Satria anefa mora vidy izy ireo ary afaka atelina dia mbola ampiasaina ihany.

Tsy ireo sulfas rehetra akory dia mitovy fampiasa sy fatra avokoa. Raha manana sulfonamide ankoatra ireo voalaza eo ambony ianao dia jereo tsara ny fomba fampiasa azy sy ny fatrany marina alohan'ny hampiasana azy.

PEJY MAITSO

Ny sulfathiazole dia mitovy amin'ireo sulfas voalaza etsy ambony ary mora vidy tokoa, saingy tsy dia tsara ny mampiasa izany satria mety hiteraka voka-dratsiny maro.

TANDREMO: zava-dehibe ny **fisotroana rano betsaka**, farafahakeliny 8 vera isan'andro, rehefa mihinana sulfa, mba hisorohana ny fahasimban'ny aty.

Raha miteraka faritra mena eo amin'ny hoditra, mibontsin-drano, hidihidy, fanaintain'ny tonon-taolana, hafanana, fanaintainan'ny lamosina ambany na rà ao anatin'ny fivalanan-drano, **dia atsaharo ny fihinanana izany ary misotroa rao betsaka.**

Aza omena sulfa mihitsy ny olona tsy ampy rano, na ny zazakely latsaky ny 1 taona.

Fanamarihana: Raha tiana handaitra ny sulfas dia tokony hanina amin'ny fatrany tokony ho izy, izay hoe betsaka. Ataovy azo antoka fa ampy tsara ny nohanina—fa tsy be loatra!

Fatra ho an'ny sulfadiazine, sulfisoxazole, sulfadimidine, na triple sulfa (200 mg./kg./andro)—vongam-panafody 500 mg.

Omeo fatrany 4 isan'andro—**miaraka amin'ny rano betsaka!**

Isaky ny fatrany:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 10 taona:

3 hatramin'ny 4 g. (vongany 6 hatramin'ny 8) ho an'ny fatra voalohany; avy eo 1 g. (vongany 2) ho an'ny fatra manaraka ankizy 6 hatramin'ny 10 taona: 750 mg. (vongany 1 ½) isaky ny fatrany

ankizy 1 hatramin'ny 5 taona: 500 mg. (vongany 1) isaky ny fatrany

zaza latsaky ny 2 volana: **Aza omena sulfa.**

Cotrimoxazole (sulfamethoxazole miaraka amin'ny trimethoprim)

(marika mahazatra: Bactrim, Septra)

Anarana: _____

Matetika miendrika:

Vongam-panafody sulfamethoxazole 100 mg. miaraka amin'ny trimethoprim 20 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Vongam-panafody sulfamethoxazole 400 mg. miaraka amin'ny trimethoprim 80 mg.

Vidiny: _____ Ho an'ny _____

fangaro sulfamethoxazole 200 mg. miaraka amin'ny trimethoprim 40 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Fanamarihana: Ity fanafody ity koa dia miendrika vongam-panafody mahery avo roa heny (Bactrim DS sy Septra DS) misy sulfamethoxazole 800 mg. sy trimethoprim 160 mg. mampiasà antsasaky ny isan'ny vongam-panafody voalaza etsy ambony raha avo roa heny ny tanjaky ny fanafody ampiasainao.

Mahatsabo tsara karazana bakteria maro io fangarom-panafody io sad y mora vidy kokoa noho ny ampicillin.

TANDREMO: Ireo vehivavy ao anatin'ny 3 volana farany hitondrany vohoka sy ny zazakely latsaky ny 8 herinandro dia tsy tokony mihinana cotrimoxazole. Aza omena cotrimoxazole ny olona tsy mahazaka ny tariky ny sulfa.

Fatra ho an'ny cotrimoxazole—mampiasa vongana sulfamethoxazole 400 mg. miaraka amin'ny trimethoprim 80 mg.:

Zava-dehibe: Hano miaraka amin'ny rano betsaka.

Ho an'ny brucellose, aretin-tsofina, aretim-pivalanana misy rà sy hafanana (shigella), bay mitsiranoka, braonsita mitaiza miaraka amin'ny hafanana, fery manonitra, ary aretin'ny fitaovam-pisefoana (pnemonia):

Mihinana in-2 isan'andro mandritra ny 5 hatramin'ny 7 andro. Isaky ny fatrany iray: lehibe sy ankizy mihoatra ny 9 taona: vongany 2 ankizy 4 hatramin'ny 8 taona: vongany 1 ankizy 9 volana hatramin'ny 3 taona: vongany ½ zazakely 2 hatramin'ny 8 volana: vongany ¼ zazakely latsaky ny 3 volana: **Aza omena cotrimoxazole.**

Ho an'ny tefoedra na kohadavareny: hano mandritra ny 14 andro ireo fatra voalaza eo ambony.

Ho an'ny aretin'ny tatavia na UTI: Mihinàna vongany 480 mg. in-2 isan'andro mandritra ny 3 andro.

Ho an'ny aretin'ny voa: Mihinàna vongany 480 mg. miisa roa in-2 isan'andro mandritra ny 10 andro.

Ny olona voan'ny VIH dia afaka mihinana cotrimoxazole 480 mg. in-2 isan'andro—miaraka amin'ny rano betsaka—mba hisorohana ny aretim-pivalanana, pnemonia, ary otrikaretina hafa. Ny fisorohana otrikaretina dia mahalava ny andro iainana sy mahasalama ny olona voan'ny HIV.

Ny ankizy voan'ny VIH ihany koa dia tokony mihinana cotrimoxazole. Vongam-panafody 480 mg. no ampiasaina:

ankizy 6 hatramin'ny 14 taona: vongany 1 isan'andro

ankizy 6 volana hatramin'ny 6 taona: vongany ½ in-drain isan'andro

ankizy latsaky ny 6 volana: vongany ¼ in-drain isan'andro

Ny olona voan'ny VIH ka voan'ny pneumonia dia tokony mihinana cotrimoxazole 1920 mg. (vongany 480 mg. miisa efatra) in-3 isan'andro mandritra ny 21 andro. Raha ankoatran'ny pnemonia, ireo fatra ho an'ny olona voan'ny VIH hitsaboana ny fivalanan-drano misy rà sy aretina hafa dia mitovy amin'ny voalaza etsy ambony.

CEPHALOSPORINS

Ireo dia antibiotika mahery izay miasa manohitra bakteria maro isan-karazany. Matetika izy ireo dia lafo vidy ary tsy dia fahita matetika. Noho izany ireo izany, tsy dia natoronay ato anatin'ity boky ity loatra izy ireny raha resaka safidy voalohany amin'ny fitsaboana. Na izany aza, vitsy ny loza sy voka-dratsy mety haterany amin'ny ankapobeny raha oharina amin'ny antibiotika maro hafa, ary raha azo atao ny mahazo azy, dia mety ilaina amin'ny fitsaboana otrikaretina mahery vaika izy ireny.

Maro karazana izy ireo, ao anatin'izany ny cefazolin (Ancef), cephalixin (Keflex), cephradine (Velosef), cefurazine (Ceftin), cefoxitin (Mefoxin), ceftriaxone (Rocephin), cefotaxime (Claforan), ary ceftazidime (Fortaz, Taxidime, Tazicef). Cephalosporins maro no afaka ampiasaina amin'ny pneumonia, aretin'ny fitaovam-pivalanan-drano, tefoedra, aretin'ny taova na ambanin'ny lohavana, aretin'ny taolana, ary menenzita. Ny karazany toy ny ceftriaxone dia mety ilaina amin'ny fitsaboana ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofy toy ny angaboribory (p. 359), areti-maso mahazo ny zazakely vao teraka, apandisita, na peritonita (p. 93).

Mahazoa torohevitra mikasika ny fatrany sy ny voka-dratsiny alohan'ny hampiasana azy. Aza mampiasa azy ireo ihany koa ho an'ny aretina malefaka na aretina azo sitranina tsara amin'ny antibiotika tsy lafo.

ANTIBIOTIKA HAFA

Ciprofloxacin

Anarany: _____
 Vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: vongam-panafody 250, 500, na 750 mg.

Ny ciprofloxacin dia antibiotika mahery iray tarika amin'ny quinolone. Izy io dia ampiasaina amin'ny aretina izay lasa mahatohitra ny penicillin ay antibiotika hafa. Ny tena hampiasana ny ciprofloxacin di any fitsaboana ny chancroid, shigella, tefoedra, peritonita, ary apandisita. Na izany aza, ho an'ny ankabeazan'ny otrikaretina, mbola tsara kokoa hatrany ny mampiasa fanafody tsy lafo vidy toy ny penicillin na ampicillin.

IREO LOZA METY HITRANGA SY IREO FITANDREMANA:

Tsy tokony mampiasa ciprofloxacin ireo reny mitondra vohoka sy mampinono. Tsara tokoa ny tsy manome ciprofloxacin ireo ankizy raha azo atao .

Fatran'ny ciprofloxacin:

lehibe: Omeo 500 mg., in-2 times isan'andro

Ho an'ny chancroid sy shigella, omeo ny fatrany voalaza etsy ambony mandritra ny 3 andro. Saingy omeo mandritra ny 7 andro raha toa voan'ny VIH ilay olona.

Ho an'ny tefoedra, omeo ny fatra eo ambony mandritra ny 10 andro.

Clindamycin

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Kapisily 25, 75, 150, ary 300 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

rano, 15 mg./ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny clindamycin dia antibiotika mahery iray tarika amin'ny lincosamide izay ampiasaina amin'ny fitsaboana karazana otrikaretina maro. Ny clindamycin dia ampiasaina manokana amin'ny itsaboana ny otrikaretina izay lasa mahatohitra ny penicillin, toy ny aretin'ny taolana. Izy io koa dia azo ampiasaina amin'ny quinine hitsaboana ny tazo eo amin'ny vehivavy mitondra vohoka (jereo ny p. 366 ho an'ny fatrany).

IREO LOZA METY HITRANGA SY IREO FITANDREMANA:

Raha mihinana clindamycin ianao ka manomboka mivalana, atsaharo avy hatrany ny fihinanana izany. mety hiteraka olana be izany.

Fatran'ny clindamycin

Omeo clindamycin atelina, in-3 isan'andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 150-400 mg.

ankizy 8-12 taona: 150-300 mg. ankizy 3-7

taona: 75-150 mg. ankizy latsaky ny 3

taona: 37.5-75 mg.

Gentamicin

Ny gentamicin dia antibiotika miendrika tsindrona izay ampiasaina amin'ny otrikaretina mahery vaika be toy ny septicemia eo amin'ny zaza vao teraka sy otrikaretina aorian'ny fiterahana (jereo ny pejy 275 sy 276 ho an'ny fatrany). Ny gentamicin dia tokony omen'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa irery ihany, ary tsy ampiasaina raha tsy efa tsy misy eo amp-pelatanana ireo antibiotika azo antoka kokoa hafa. Ny tsy fahaizana mampiasa io antibiotika io dia mety hiteraka tsy fahenoana (marenina) ary fahasimbana mahery vaika eo amin'ny voa. Tsy ataonay ato ny fampahalalana mikasika ny fatrany satria mampidi-doza be ity fanafody ity. Ho an'ny fahasalamanao dia aleo mampiasa ireo fanafody hafa voalaza ao amin'ny pejy 351 hatramin'ny 360 mba hitsaboana ireo otrikaretina.

FANAFODY HO AN'NY ANGABORIBORY SY CHLAMYDIA

Ireo aretina ireo dia manana famantarana mitovy ary matetika dia miaraka mitranga (jereo p. 236). Satria mety sarotra na lafo vidy ny manao fitiliana ny chlamydia any amin'ny laboratoara, tsara kokoa raha miaraka tsaboina ireo aretina roa ireo. Mety ilainao ihany koa ny mitsabo ny trichomonas (jereo p. 369).

Ho an'ny angaboribory, ampiasao ny iray amin'ireto:

ceftriaxone, tsindrona 125 mg. iray in-drainy ihany

NA

cefixime, 400 mg. atelina, in-drainy ihany

NA

spectinomycin, tsindrona 2 g., iray in-drainy ihany

Ny vehivavy mitondra vohoka na mampinono dia tsy tokony mihinana spectinomycin.

Ho an'ny chlamydia, ampiasao ny iray amin'ireto:

doxycycline (p. 355): 100 mg. atelina, in-2 times isan'andro mandritra ny 7 andro

NA

azithromycin, 1 g. atelina, in-drainy ihany

NA

amoxicillin, 500 mg. atelina, in-3 isan'andro mandritra ny 7 andro

NA

erythromycin (p. 354): 500 mg. atelina, in-4 isan'andro mandritra ny 7 andro. ampiaraho amin'ny sakafo hatrany ny fihinanana erythromycin.

NA

tetracycline (p. 355): 500 mg. atelina, in-4 isan'andro mandritra ny 7 andro

aza mihinana doxycycline na tetracycline raha mitondra vohoka na mampinono ianao. Ny vehivavy mitondra vohoka na mampinono dia afaka mampiasa azithromycin, erythromycin, na amoxicillin.

FANAFODY HO AN'NY RABOKA

Rehefa mitsabo raboka (TB), zava-dehibe hatrany ny mampiasa fanafody raboka isan-karazany miaraka ampiasaina mba hamonoana ny mikraoban'ny TB. Ny fitsaboana dia miantomboka amin'ny fanafody 4. Raha vitsy kokoa ny fanafody ampiasaina dia ho lasa hahatohitra ireo fanafody ny bakterian'ny TB ka ho lasa sarotra sitranina ny aretina.

Ny raboka dia mila tsaboina mandrindra ny fotoana lava, matetika dia maharitra 6 volana na mbola lava kokoa, ary ireo fanafody miady amin'ny TB matetika dia hanina isan'andro. **tena zava-dehibe ny fitsaboana tanteraka mandritra ny fotoana lava ny TB** mba hamonoana ireo bakterian'ny ary hisorohana ny fiverenan'ny raboka, hahazo ireo olona hafa ary hahatohitra ny fanafody.

Ny fanoheran'ny bakteria ny fanafody dia midika fa tsy miady amin'ny bakterian'ny raboka intsony ireo fanafody tsara sy mora vidy indrindra. Ny raboka mahatohitra ireo fanafody maro (MDR: Multi-Drug Resistant) dia lafo tsaboina kokoa, ireo fanafody dia tokony hanina mandritra ny 8 hatramin'ny 20 volana, ary misy voka-dratsiny maro izy ireo. Ny raboka tena mahatohitra be ireo fanafody (XDR: eXtensively Drug Resistant) dia tena sarotra tsaboina. Ireo fanafody raboka dia hita amin'ny tetik'asan'ny governemanta izay mitily ny raboka ary manome fanafody maimaim-poana na mora vidy. Raha azon'ny laboratoara miaramiasa aminao atao ny mitily rehoka hijerena ny raboka miverimberina na ahiahiana, maro amin'ireo raboka MDR sy XDR no ho hita ary afaka tsaboina aloha miaraka amin'ny fanafody miady amin'ny TB.

Ny torohevitra omen'ny tetik'asa miady amin'ny raboka maneran-tany na nasionaly dia mana-danja tokoa satria ny fitsaboana dia mivoatra, lasa miha matanjaka ny bakteria, ary mety hisy ny fanafody vaovao. Ny tetik'asa sasany ihany koa dia tsy manome fanafody afa-tsy in-3 isan-kerinandro amin'ny fatrany ambony.

Ny fitsaboana ny TB dia atoro ao amin'ny pejy manaraka (pejy 360). Ny **Isoniazid (INH)** sy **rifampicin** dia tsy maintsy ampiarahana rehefa mitsabo TB. Ny **ethambutol** sy streptomycin dia matetika ampiasaina ihany koa hitsaboana ny TB. Ny fihinanana **pyrazinamide** miaraka amin'ny INH sy rifampicin dia mety hampitombo ny fahasitranan'ny marary.

Raha miteraka hidihidy, mivadika mavo ny hoditra sy ny maso (ngorongosy), na aretim-bavony, mandehana mankany amin'ny mpiasan'ny fahasalamana mikasika ny fanovana ny fatrany na ny fanafody. Raha misy mibontsin-drano dia atsaharo ny fanafody mandrapahitanao mpiasan'ny fahasalamana. Fadio ny toaka rehefa mihinana fanafody TB, indrindra ny isoniazid.

Ny **Isoniazid** ihany koa dia afaka ampiasaina amin'ny **fisorohana ny TB** tsy hihanaka amin'ny havan'ilay olona voan'ny raboka TB, na voan'ny VIH. Satria matetika mateti-pitranga ny VIH sy TB miaraka, tsara ho an'ny olona iray voan'ny iray amin'ireo aretina ireo no tiliana azy roa mitambatra.

Fampahalalàna mikasika ireo fanafody

ANTIBIOTIKA

NY PENICILLINES:

ANTIBIOTIKA MANA-DANJA LEHIBE TOKOA

Ny Penicillin dia iray amin'ireo antibiotika ilaina indrindra. Izy io dia miady amin'ny karazana otrikaretina sasany, ao anatin'izany ny nana. Tsy manasitrana aretim-pivalanana, ny ankabeazan'ny otrikaretin'ny fitaovam-pivalanan-drano, aretin-damosina, mangana, sery, nendramboalavo, na otrikaretina ateraky ny mikraoba hafa izy io (jereo p. 18 sy 19).

Ny Penicillin dia refesina amin'ny miligrama (mg.) na units (U.). ho an'ny penicillin G, 250 mg. =400,000 U.

NY METY HO LOZA HATERANY SY NY FITANDREMANA

Ho an'ny karazana penicillin rehetra (ao anatin'izany ny ampicillin sy amoxicillin):

Ho an'ny ankabeazan'ny olona ny penicillin dia anisan'ireo fanafody azo antoka indrindra. Ny fihinanana azy betsaka loatra dia tsy mampidi-doza fa mandany vola fotsiny. Ny fihinanana azy kely loatra indray dia tsy manajanona ny aretina ary mety hampatanjaka ny bakteria (sarotra vonoina kokoa).

Eo amin'ny olona sasany, ny penicillin dia mety miterika tsy **fahazakana**. Ao anatin'ny tsy fahazakana malefaka ny pentina kely mibontsina na faritra mena mangidihidy. Matetika izany dia miseho ora na andro maro aorian'ny fihinanana penicillin ary mety maharitra andro maro. Ny antihistaminique (p. 385) dia manampy amin'ny fanamaivanana ny hidihidy.

Mahalana ny penicillin no miteraka tsy fahazakana mahery vaika antsoina hoe **tohana**. Fotoana vetivety aorian'ny fanindronana (na nitelemanana) penicillin dia lasa hatsatra be tampoka ilay olona, sempotra, ary voan'ny dona (jereo p. 70). **Tsy maintsy tsindronina epinephrine** (Adrenalin) **eo no ho eo**.

Ataovy vonona foana ny epinephrine isaky ny hanindrona penicillin ianao (jereo p. 385).

Ny olona efa voan'ny tsy fahazakana **karazana rehetra** penicillin dia **tsy** tokony omena karazana penicillin, ampicillin na amoxicillin intsony **mihitsy**, na atelina izany na atao tsindrona. Ny anton'izany dia ny fotoana manaraka hihetsehan'izany, ilay tsy fahazakana dia mety ho ratsy kokoa ary hahafaty azy. (fa ny fikorontanan'ny vavony rehefa mihinana penicillin dia tsy famantarana tsy fahazakana, ary tsy antony hanajanonana ny fihinanana azy).

Ireo olona tsy afaka mihinana penicillin matetika dia afaka tsaboina amin'ny tetracycline na erythromycin atelina (jereo ny pejy 354 sy 355 ho an'ny fampiasana sy ny fitandremana).

Ny ankabeazan'ireo otrikaretina dia afaka tsaboina tsara amin'ny penicillin atelina. Ny endrika penicillin atao tsindrona dia mampidi-doza kokoa no ho ireo atelina.

Aza mampiasa tsindrona penicillin raha tsy amin'ny otrikaretina mahery vaika mampidi-doza.

Alohan'ny hanindronana penicillin na fa n'afody misy izany dia raiso ireo fepetra voalaza ao amin'ny pejy 70.

FANOHERANA NY PENICILLIN:

Indraindray ny penicillin dia tsy mandaitra amin'ny otrikaretina izay tokony voafehiny raha ny tokony ho izy. Ny anton'izany dia mety lasa matanjaka ilay bakteria, noho izany dia tsy mahafaty azy ireo intsony ny penicillin (jereo p. 58).

Amin'izao fotoana, ireo otrikaretina izay mahatohitra ny penicillin indraindray dia ny bay mitsiranoka, fery misy nana eo amin'ny hoditra, aretin'ny fitaovam-pisefoana, fivaivai-nono (mastite) ary aretin'ny taolana (fivaivain-taolana aman-tsoka). Raha tsy sitran'ny penicillin tsotra ny iray amin'ireo otrikaretina ireo dia azo atao ny manandrana antibiotika hafa. Na ny endrika manokan'ny penicillin, (methicillin, nafcillin, oxacillin, cloxacillin, dicloxacillin) dia mety handaitra. Anontanio mikasika ny fatra sy ny fepetra raisina ny mpiasan'ny fahasalamana.

Amin'ny toerana maro maneran-tany, ny angaboribory sy aretin'ny firaisana ara-nofo hafa amin'izao dia mahatohitra penicillin; jereo ny p. 359 ho an'ny antibiotika hafa. Ny pneumonia ihany koa indraindray dia mahatohitra ny penicillin—andramo ny cotrimoxazole (p. 357) na erythromycin (p. 354).

Ny rifampicin dia mety hanimba ny fiasan'ny ART ho an'ny olona voan'ny VIH. Miresaha amin'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa

Ny fatran'ny rifampicin ho an'ny TB (10 mg./kg./andro): mampiasa vongany na kapisily 150 mg. na 300 mg.

Omeo rifampicin in-drainy isan'andro, na ora aloha na 2 ora aorian'ny sakafo.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 600 mg. (vongany 300 mg. roa na vongany efatra 150 mg)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 450 mg.

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 300 mg.

ankizy latsaky ny 3 taona: 150 mg.

Pyrazinamide

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 400 mg.

Ireo LOZA METY HITRANGA SY Ireo FITANDREMANA:

Satria tsy ampy ny fampahalalàna mikasika ny voka-dratsin'ny pyrazinamide eo amin'ny vohoka, ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mampiasa izany raha tsy rehefa misy ny fanoharana isoniazid. Manatòna dokotera zandraharaha.

Voka-dratsiny: Mety hiteraka fanaintainana sy fivontosan'ny tonon-taolana, tsy fahazotoan-komana, maloiloil sy fandoavana, manaintaina rehefa mivalan-drano, harerahana, ary hafanana.

Fatran'ny pyrazinamide (25 mg./kg./andro): mampiasa vongam-panafody 400 mg.

Omeo fatra 1 isan'andro miaraka amin'ny fanafody TB hafa. Isaky ny fatra:

lehibe: 1600 na 2000 mg. (vongany 4 na 5)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 800 mg. (vongany 2)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 400 mg. (vongany 1)

ankizy latsaky ny 3 taona: 200 mg. (vongany ½)

Ethambutol (marika mahazatra: Myambutol)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 100 na 400 mg.

Ireo LOZA METY HITRANGA SY Ireo FITANDREMANA:

Ny ethambutol dia mety hiteraka fanaintainan'ny maso na mety hanimba raha hanina amin'ny fatrany betsaka mandritra ny fotoana maro. Tokony ajanona ny fanafody raha to aka manomboka misy fanaintainan'ny maso na miova ny fahitana. Ny fahasimban'ny maso ateraky ny ethambutol matetika dia mihasitrana rehefa aorian'ny fampijanonana ny fanafody.

Fatran'ny ethambutol (15 mg./kg./andro ho an'ny lehibe;15–25 mg./kg./ andro ho an'ny ankizy): mampiasa vongam-panafody 100 mg. na 400 mg.

Omena in-drainy isan'andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 1200 mg. (vongany 400 mg. telo na vongany 100 mg. roa mbin'ny folo)
ankizy: omeo 20 mg. isaky ny 1 kg. amin'ny lanjany. Fa ho an'ny menenzita avy amin'ny raboka kosa dia omeo 25 mg. isaky ny 1 kg. amin'ny lanjan'ny zaza.

Streptomycin

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: tavoahangy kely ho an'ny tsindrona izay misy 1 g. isaky ny tavoahangy.

Ny streptomycin dia fanafody mbola ilaina tsara amin'ny fitsaboana ny raboka.

Ireo LOZA METY HITRANGA SY Ireo FITANDREMANA:

Mila tandremana tsara sao mba tsy hanomezana mihoatra ny fatra tokony ho izy. Ny streptomycin be loatra mandritra ny fotoana ela dia mety hiteraka tsy fahenoana (marenina). Raha manomboka maneno na tsy manheno ny sofina dia ajanony avy hatrany ny fihinanana ny fanafody ary mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana.

Ny streptomycin dia tsy tokony hanin'ny vehivavy bevohoka na olona marary aty.

Fatran'ny streptomycin (15 mg./kg./andro): mampiasa tavoahangy kely misy ranom-panafody; na vovoka afangaro amin'ny rano mba hanome streptomycin 1 g. ao anatin'ny 2 ml.

Ho an'ny fitsaboana ny raboka: Omeo tsindrona 1 isan'andro mandritra ny 8 herinandro

Isaky ny tsindrona iray:

lehibe: 1 g. (na 2 ml.)
lehibe mihoatra ny 50 taona: 500 hatramin'ny 750 mg. (1 to 1 ½ ml.)
ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 750 mg. (1 ½ ml.)
ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 500 mg. (1 ml.)
ankizy latsaky ny 3 taona: 250 mg. (½ ml.)
zaza vao teraka: omeo 20 mg. isaky ny 1 kg. amin'ny lanjany; izany hoe ny zaza milanja 3 kg. dia omena 60 mg. (¼ ml.)

Fampiasana ny streptomycin ankoatran'ny ho an'ny TB:

Ho an'ny vonjy taitra, ny streptomycin sy ny penicillin ampiarahana dia mety hitsaboana aretina mahery vaika sasany (jereo ny PENICILLIN AMPIARAHANA AMIN'NY STREPTOMYCIN, p. 353). Ny streptomycin ihany koa dia ampiasaina hitsaboana ny angaboribory (ho an'ny fatrany dia jereo p. 359). Na izany aza, ny fampiasana ny streptomycin ho an'ny otrikaretina ankoatran'ny raboka dia tokony ferana be, satria ny fampiasana matetika ny streptomycin ho an'ny aretina dia ahatonga ny raboka hahatohatra izany, noho izany dia ho sarotra tsaboana.

FANAFODY HO AN'NY HABOKANA

Rehefa mitsabo ny habokana dia zava-dehibe tokoa ny mahafantatra hoe iza amin'ireo karazana habokana roa fototra no mahazo ilay olona. Raha misy faritra miloko mazava arahina tsy fahatsapana eo amin'ilay faritra saingy tsy misy fivontosana na hoditra mihamatevina, mety voan'ny habokana **paucibacillaire—PB** (misy famantarana raboka) ilay olona ary tsy misy afa-tsy fanafody 2 ihany no ilaina. Raha misy fivontosana dia mety voan'ny habokana **multibacillaire—MB** (habokana mahery vaika) ary 3 ny isan'ny fanafody tsy maintsy ampiasaina. **Raha azo atao, ny fihinanana ireo fanafody habokana dia tokony arahan'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa na dokotera maso, araky ny drafitra nasionaly.**

Ny fotsaboana ny habokana dia tokony hitohy farafahakeliny mandritra ny 6 volana ary indraindray mandrapahafaty. Mba hisorohana ny bakteria (bacilli) izay miteraka ny habokana tsy ho lasa mahatohitra ny aretina, zava-dehibe ny mihinana ara-dalàna tsara ireo fanafody, tsy misy fiatoana. Ataovy azo antoka fa manana fanafody betsaka ianao alohan'ny hahalanian'izy rehetra.

Fitsaboana tokony ho izy:

Ho an'ny habokana PB hano ireto roa ireto mandritra ny 6 volana farafahakeliny:

Dapsone isan'andro

Rifampicin isam-bolana

Ho an'ny habokana MB hano mandritra ny 1 taona (12 volana) ireto rehetra ireto:

Dapsone isan'andro

Clofazimine isan'andro ary amin'ny fatrany betsaka kokoa isam-bolana

Rifampicin isam-bolana

Indraindray ny olona iray dia mety ho voan'ny aretina mahery vaika antsoina hoe '*lepra reaction*' rehefa mihinana ny fanafody miady amin'ny habokana. Mety hisy pentipentina kely mivonto sy mitsovaka, hafanana ary fivontosana sy fahalemen'ny hoza-tatitra. Mety hiteraka fanaintainan'ny tonon-taolana, fahalemen'ny atody tarimo sy ny vihindahy, fivontosan'ny Tanana sy ny tongotra, ary maso mena sy manaintaina izay miteraka tsy fahitana.

Raha mitranga ny '*lepra reaction*' (fanaintainan'ny hoza-tatitra, voly na fahalemena, mavaivay ny maso, na manaintaina ny vihin-dahy), tsara raha tohizana ihany ny fihinanana ny fanafody habokana, saingy ampiana fanafody miady amin'ny fitsovhana izany (cortico-steroid). Mitadiava torohevitra ara-medikaly za-draharaha mikasika izany satria ny cortico-steroid ihany koa dia mety hiteraka olana lehibe.

PEJY MAITSO**Dapsone (diaminodiphenylsulfone, DDS)**

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 25, 50, sy 100 mg.

Ny dapsone matetika dia miteraka tsy fahampian-drà na fitsovhana'ny hoditra izay mety mahery vaika. Fadio ny masoandro. Raha mivaofy be ny hoditrao dia atsaharo ny fihinanana fanafody.

TANDREMO: Ny DDS dia fanafody mampidi-doza. Tehirizo amin'ny toerana tsy takatry ny ankizy izany.

Fatran'ny DDS (2 mg./kg./andro):

Hano in-dray isan'andro.

lehibe: 100 mg.

ankizy 10 hatramin'ny 12 taona: 50 mg.

ankizy latsaky ny 10 taona: 25 mg.

Rifampicin

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika:vongam-panafody na kapisily 150 sy 300 mg.

Ny rifampicin dia fanafody lafo vidy tokoa, saingy kely fotsiny dia ampy hitsaboana ny habokana, koa tsy dia ho be loatra ny fitambaran'ny vidiny. Jereo ny p. 360 ho an'ny voka-dratsiny sy ny mety ho loza hitranga. Aza mihinana rifampicin raha tsy efa natoron'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa sy dokotera:

Fatrany ho an'ny rifampicin na habokana (10 hatramin'ny 20 mg./kg.)—mampiasa vongam-panafody 300 mg.

Ho an'ny habokana, omeo rifampicin in-dray isam-bolana. Tokony hanina na 1 ora aloha na 2 ora aorian'ny sakafo.

Ao anatin'ny fatra hanina isam-bolana:

lehibe: 600 mg. (vongany 300 mg. roa)

ankizy 10 hatramin'ny 12 taona: 450 mg.

(vongany 300 mg. iray sy tapany)

ankizy latsaky ny 10 taona: 300 mg.

(vongany 300 mg. iray)

Clofazimine (Lamprene)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: kapisily 50 na 100 mg.

Ny Clofazimine ihany koa dia fanafody lafo vidy. Na dia tsy dia mandaitra amin'ny famonoana ny bakterian'ny habokana noho ny rifampicin izy io dia manana fahafahana mifehy ny lepra reaction amin'ny lafiny hafa, indrindra ho an'ireo olona voan'ny habokana MB (habokana mahery vaika).

Voka-dratsiny: mahatonga ny hoditra hiloko mena-volomparasy. Mandala ihany izy io ary ho afaka ao anatin'ny 1 hatramin'ny 2 taona aorian'ny fanatsaharana ny fanafody. Mety hiteraka olana eo amin'ny vavony na ny fandevonan-kanina. Tsy natao ho an'ireo vehivavy mitondra vohoka.

Fatra ho an'ny clofazimine (1 mg./kg./andro) mampiasa kapisily 50 mg.

Omeo fatrana clofazimine araka ny tokony ho izy farafahakeliny in-droa isan-kerinandro, arakaraky ny taona, ary fatra fanindroany betsaka kokoa in-dray isam-bolana.

Isaky ny fatrany tokony ho izy:

lehibe: 50 mg. (kapisily 50 mg. iray) isan'andro ankizy 10 hatramin'ny 12 taona: 50 mg. (kapisily 50 mg. iray) amin'ireo andro hafa ankizy latsaky ny 10 years: 50 mg. (kapisily 50 mg. iray) in-droa isan-kerinandro

Isaky ny fatra isam-bolana:

lehibe: 300 mg. (kapisily 50 mg. enina) ankizy 10 hatramin'ny 12 taona: 150 mg. (kapisily 50 mg. telo) ankizy latsaky ny 10 taona: 100 mg. (kapisily 50 mg. roa)

Fanamarihana: Ny fatrana clofazimine betsaka kokoa, izay afaka ampiasaina isan'andro ihany koa hifehezana ny lepra reaction, dia tsara kokoa raha omena miaraka amin'ny torohevitra ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa na dokotera.

FANAFODY Hafa**FANAFODY TAZO**

Maro ireo fanafody miady amin'ny tazo. Ny mampalahelo nefa dia lasa mahatohitra ny fanafody tsara indrindra miady amin'ny tazo ny katsentsitra mpitondra tazo any amin'ny faritra maro maneran-tany. marina tokoa izany indrindra ho an'ireo karazana tazo mahery indrindra (falciparum malaria). **Zava-dehibe ny mahafantatra avy amin'ny mpiasan'ny fahasalamana, tobim-pitsaboana eo an-toerana, na Departemantan'ny Fahasalamana, ny fanafody mandaitra tsara eo amin'ny faritra misy anao.**

ZAVA-DEHIBE: Ny tazo dia mety mahafaty haingana ny olona tsy manana hery fiarovana. Ny ankizy sy izay rehetra mandeha amin'ny faritra misy tazo dia mila tsaboana eo no ho eo.

Ireo fanafody tazo dia azo ampiasaina amin'ny fomba roa:

1. FITSABOANA ny olona marary voan'ny tazo.

Ny fanafody dia omena isan'andro mandritra ny andro vitsy.

2. FISOROHANA: Hanakanana ireo katsentsitra ao anatin'ny rà tsy hahavoan'ny aretina. Ny fitsaboana dia ampiasaina amin'ny faritra itrangan'ny tazo matetika, indrindra hiarovana ireo ankizy marefo na mararin'ny aretina hafa. Izy io koa dia ampiasaina amin'ireo olona mandeha amin'ny toerana misy tazo ka tsy manana fiarovana amin'ny aretina. Ny fanafody matetika dia omena isan'andro. mba hisorohana ny tazo, araho tsara hatrany ireo torohevitra ao amin'ny p. 187 mba hiarovana amin'ny kaikitra ny moka.

Ny fanafody tazo sasany dia ampiasaina amin'ny fitsaboana ny tazo irery ihany, ary ny sasany kosa dia tsy mandaitra raha tsy entina hisorohana izany. ny sasany indray dia azo ampiasaina amin'ireo roa ireo.

Mba hitsaboana ny *falciparum malaria* (ny karazana tazo tena mahery vaika indrindra), ny fanafody iray tarika amin'ny artemisinin dia mila ampiasaina miaraka amin'ny fanafody faaharoa hafa. Izany dia antsoina hoe Artemisinin-based Combination Therapy (Fitambarana fanafody mifototra amin'ny Artemisinin), na ACT. Miresaha miaraka amin'ny mpiasan'ny fahasalamana na ny Minisiteran'ny Fahasalamana mba habitàna ny tokony atao ho an'ny faritra misy anao. Ny fitambarana fanafody fahita matetika dia ny:

Artemether miaraka amin'ny lumefantrine (mindrika pilina mitambatra)

Artesunate sy pyrimethamine miaraka amin'ny sulfadoxine

Artesunate sy mefloquine

Artesunate sy amodiaquine

Ireo vehivavy bevohoka latsaky ny 3 volana dia tsy tokony mampiasa artemether sy artesunate, ary tokony mihinana **quinine sy clindamycin** mitambatra ho solon'izany raha azo atao.

Ho an'ny falciparum malaria izay lasa mahatohitra fanafody, **doxycycline** (p. 355) na quinine dia tokony hanina miaraka amin'ny ACT.

Ny karazana tazo hafa tsy dia mahery vaika dia afaka tsaboina amin'ny **chloroquine**, arahana **primaquine** indraindray. Amin'ny toerana sasany, na ny falciparum malaria aza dia mbola afaka tsaboina amin'ny chloroquine miaraka amin'ny primaquine.

Mba hisorohana ny tazo, ampiasao ny **doxycycline**, **mefloquine**, **proguanil**, na **chloroquine**.

Artesunate

Anarana: _____ Vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 50 mg.

Ny Artesunate dia fanafody iray tarika amin'ny artemisinin. Ny artesunate dia tsy maintsy ampiasaina miaraka amin'ny amodiaquine, mefloquine, na pyrimethamine ampiana sulfadoxine mba hitsaboana ny falciparum malaria.

TANDREMO: Ireo vehivavy bevohoka latsaky ny 3 volana dia tokony mifady artesunate. Aza mampiasa Fitambarana fanafody mifototra amin'ny Artemisinin (ACT) fa raha azo atao dia soloy quinine sy clindamycin izany.

Ho an'ny zaza latsaky ny 5 taona, fatra 1 amin'ny artesunate alefa any anaty lava-body eny an-dalana mankany amin'ny toeram-pitsaboana dia misoroka ny fahafatesany sy fahasembanana mandrapahafaty. Omeo 10 mg./kg.

Voka-dratsiny: Ny artesunate dia mety hahafanina sy hampisy olana eo amin'ny fijoroana.

Fatran'ny artesunate (4 mg./kg./andro) atelina— Mapiasa vongam-panafody 50 mg.

Omeo artesunate in-draindray isan'andro mandritra ny 3 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 13 taona: vongany 4 (200 mg.)

ankizy 7 hatramin'ny 13 taona: vongany 2 (100 mg.)

ankizy 1 hatramin'ny 6 taona: 1 vongany (50 mg.)

ankizy 1 volana hatramin'ny 1 taona: vongany $\frac{1}{2}$ (25 mg.)

Mihinàna fanafody tazo anankiray hafa koa izay anisan'ny ACT.

Raha hanomana tsindrona artesunate hara sendran'ny vonjy taitra dia mandehana manantona mpiasan'ny fahasalamana na dokotera.

Artemether miaraka amin'ny lumefantrine (Coatrem)

Anarana: _____ Vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody artemether 20 mg. miaraka amin'ny lumefantrine 120 mg.

Ny artemether dia fanafody iray tarika amin'ny artemisinin, hita amin'ny endrika vongam-panafody misy lumefantrine hitsaboana ny falciparum malaria.

Fatran'ny artemether miaraka amin'ny lumefantrine atelina— Mampiasa vongam-panafody artemether 20 mg. miaraka amin'ny lumefantrine 120 mg.

Omena in-2 isan'andro mandritra ny 3 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 13 taona: vongany 4
ankizy 8 hatramin'ny 13 taona: vongany 3
ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: vongany 2
zaza 6 volana hatramin'ny 3 taona: vongany 1
zaza latsaky ny 6 volana: tsy tsara ny manome artemether miaraka amin'ny lumefantrine.

TANDREMO: Ireo vehivavy bevohoka latsaky ny 3 volana dia tokony mifady artemether. Aza mampiasa artemether ampiarahana amin'ny lumefantrine fa raha azo atao dia soloy quinine sy clindamycin izany.

Pyrimethamine miaraka amin'ny sulfadoxine (Fansidar)

Name: _____ price: _____ for _____
Matetika dia miendrika: fitambarana vongam-panafody pyrimethamine 25 mg. sy sulfadoxine 500 mg.

Ny fansidar dia ampiasaina miaraka amin'ny artesunate mba hitsaboana falciparum malaria, saingy nihombo ny fanoherana io fanafody io ka lasa tsy dia atoro amin'ny faritra sasany izany. Jereo miaraka amin'ny mpiasan'ny fahasalamana eo an-toerana.

Ny fansidar dia **tsy** tsara ho an'ny vehivavy mitondra vohoka na mampinono.

TANDREMO: Ny fansidar dia tsy tokony ampiasaina amin'ny olona tsy mahazaka sulfa. Raha miteraka fitsovanana na hidihidy ny fanafody dia **misotroa rano betsaka ary aza mihinana izany intsony.**

Fatra hitsaboana ny falciparum malaria:

Omeo in-draindray amin'ny andro voalohany ihinanana artesunate:

lehibe: vongany 3

ankizy 7 hatramin'ny 13 taona: vongany 2

ankizy 1 hatramin'ny 6 taona: 1 vongany

zaza 5 volana hatramin'ny 1 taona: vongany $\frac{1}{2}$

Omeo artesunate ihany koa.

Mefloquine (marika mahazatra: Lariam)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 250 mg.

Ny mefloquine dia ampiasaina miaraka amin'ny artesunate mba hitsaboana falciparum malaria. Ny mefloquine ihany koa dia afaka ampiasaina irery hisorohana ny tazo.

Fitandremana sy voka-dratsiny: Ny mefloquine dia tsy tokony hanin'ny olona voan'ny fanintona na marary saina. Ireo vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana mefloquine raha tsy hoe tsy afaka mihinana fanafody hafa. Ireo olana manana olana eo amin'ny fo dia mila torohevitra ara-medikaly alohan'ny hihinanana io fanafody io. Hano miaraka amin'ny sakafo betsaka. Ny mefloquine matetika dia miteraka fihetsika hafahafa, fikorontanan-tsaina, tebiteby, fanintona na tsy fahatsiarovan-tena. **Raha miseho ny iray amin'ireo famantarana ireo dia ajanony avy hatrany ny fihinanana mefloquine.** Ny voka-dratsiny hafa dia ny fanina, fikorontanan'ny vavony, aretin'andoha, ary olana eo amin'ny fahitana. Ireo voka-dratsiny dia mitranga matetika ary mahery vaika rehefa mampiasa fatrany ambony amin'ny fitsaboana.

Fatran'ny mefloquine:

Ho an'ny fitsaboana ny falciparum malaria:

Omeo fatrany iray amin'ny andro faharoa hihinanana ny artesunate, avy eo dia omeo amin'ny andro fahatelo ny fatrany faharoa ary atao kely kokoa izany:

lehibe: vongany 4 amin'ny voalohany, avy eo dia vongany 2 (1500 mg. ny fitambarany)

ankizy 7 hatramin'ny 13 taona: vongany 2 amin'ny voalohany, avy eo dia vongany 1 (750 mg. ny fitambarany)

ankizy 1 hatramin'ny 6 taona: vongany ½, avy eo dia vongany ½ hafa (250 mg. ny fitambarany)

zaza 5 volana hatramin'ny 1 taona: vongany ¼, avy eo dia vongany ¼ hafa (125 mg. ny fitambarany)

Omeo artesunate ihany koa.

Ho an'ny fisorohana ny malaria:

Omeo isan-kerinandro ary tohizana hatramin'ny 4 erinandro aorian'ny fandoazana ny faritra misy tazo. lehibe: vongany 1 (250 mg.)

ankizy mihoatra ny 45 kg.: vongany 1 (250 mg.)

ankizy 31 hatramin'ny 45 kg.: vongany ¾ (188 mg.)

ankizy 20 hatramin'ny 30 kg.: vongany ½ (125 mg.)

ankizy 15 hatramin'ny 19 kg.: vongany ¼ (63 mg.)

ankizy latsaky ny 15 kg.: tsy mety

Amodiaquine

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 153 na 200 mg.

Ny amodiaquine dia ampiasaina miaraka amin'ny artesunate mba hitsaboana falciparum malaria. Ny amodiaquine sy artesunate matetika dia mitambatra ao anatin'ny fongam-panafody iray. Io fitambarany io matetika dia tsy azo antoka ho an'ny olona voan'ny VIH.

Fatran'ny ho an'ny amodiaquine—mampiasa vongam-panafody 153 mg.

Ho an'ny fitsaboana ny falciparum malaria, omeo in-dray isan'andro mandritra ny 3 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 13 taona: vongany 4

ankizy 7 hatramin'ny 13 taona: vongany 2

ankizy 1 hatramin'ny 6 taona: vongany 1

ankizy 5 volana hatramin'ny 1 taona: vongany ½

Omeo artesunate ihany koa.

Quinine**(quinine sulfate na quinine bisulfate)**

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 300 mg. na 650 mg.

Ny Quinine dia ampiasaina amin'ny fitsaboana ny falciparum malaria matanjaka (tazo izay tsy sitran'ireo fanafody hafa) ary tazo mahery, ao anatin'izany ny tazo mahazo ny ati-doha. Ho an'ny falciparum malaria matanjaka dia tokony hanina miaraka amin'ny Fitambarana fanafody mifototra amin'ny Artemisinin (ACT). Ho an'ny vehivavy bevohoka 3 volana, ny quinine ampiarahana amin'ny clindamycin dia afaka ampiasaina amin'ny fitsaboana ny falciparum malaria fa tsy ACT.

Raha mandoa rehefa mihinana quinine dia mety hanampy ny fanafody toy ny promethazine.

Voka-dratsiny: Ny quinine indraindray dia mety hahatsemboka ny hoditra, hampaneno sofina na mampihena ny fahenoan'ny sofina, maso manjavozavo, fanina, maloiloay sy mandoa, ary aretim-pivalanana.

Fatran'ny quinine—mapiasa vongam-panafody 300 mg. ho an'ny fitsaboana ny falciparum malaria matanjaka.

Omeo in-3 isan'andro mandritra ny 3 andro:

lehibe: vongany 2 (600 mg.)

ankizy 10 hatramin'ny 15 taona: vongany 1 ½ (450 mg.)

ankizy 6 hatramin'ny 9 taona: vongany 1 (300 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 5 taona: vongany ¾ (150 mg.)

ankizy 1 hatramin'ny 2 taona: vongany ¼ (75 mg.) zaza latsaky ny 1 taona: vongany 1/8 (38 mg.)

Omeo ACT ihany koa.

Ho an'ny fitsaboana ny falciparum malaria eo amin'ny vehivavy bevhoka 3 volana dia omeo vongam-panafody 2 (600 mg.), in-3 isan'andro mandritra ny 7 andro. Omeo clindamycin, 300 mg., in-4 isan'andro mandritra ny 7 andro ihany koa.

REHEFA INONA NO MANINDRONA QUININE:

Mahalana ny tokony hanaovana tsindrona na ny quinine, rehefa sendran'ny tampoka. Raha mandoa, mifanintona, na maneho famantarana hafa ny menenzita ny olona izay maneho famantarana aretina tazo, na mipetraka amin'ny faritra be tazo (jereo p. 185), mety voan'ny tazon'ny ati-doha izy (tazo ao anaty ati-doha). **Tsindrony quinine eo no ho eo.** Na, raha tsy manana fanafody hafa ianao eo ampelantanana, andramo ny tsindrona chloroquine, 2.5 mg. isaky ny lanja iray kg. amin'ny vatana, in-7 zarazaraina ao anatin'ny 2 andro. Ny artesunate koa dia afaka atsindrona amin'ny hozatra na ny lalan-drà mba hitsaboana ny tazo. Ny artesunate dia mandaitra tsara saingy tsy maintsy omanina amin'ny fangaro misy vovoka artesunate, sodium bicarbonate, ary dextrose, alohan'ny hanindronana. Mila mitandrina tsara, **ataovy azo antoka fa marina tsara ny fatrany. Mitadiava dokotera.**

Tsindrona quinine dihydrochloride, 300 mg. ao anatin'ny 2 ml.

Ny tsindrona quinine dia tokony atao moramora kely, ary tsy tokony alefa any amin'ny lalan-drà mihitsy—mety ho ratsy be ho an'ny fo izany. tandremo tsara ny zaza. Tsindrony ny atsasak'io fatra io ny ila-vody roa. Alohan'ny hanindronana dia, somary sintony hiverina ilay fanosehana; raha misy rà miditra dia afindrao toerana.

Tsindrony fatra iray, avy eo dia tsindrony ny fatra faharoa kely kokoa 8 ora aty aoriana: lehibe: 1200 mg. (tavoahangy kely 4), avy eo dia 600 mg. (tavoahangy kely 2) ankizy: 20 mg./kg., avy eo dia 10 mg. isaky ny iray kg. amin'ny lanjan'ilay ankizy

Chloroquine

Ny chloroquine dia manana endrika roa, chloroquine phosphate sy chloroquine sulfate. Samihafa ny fatrany ka ataovy fantatra tsara ny karazana chloroquine anananao sy ny fatran'ny fanafody (chloroquine ny fangaro fototra) ao anatiny.

Amin'ny ankabeazan'ny faritra maneran-tany, ny tazo dia efa mahatohitra chloroquine. Ny chloroquine dia tsy tokony ampiasaina afa-tsy amin'ny fitsaboana na fisorohana karazana tazo izay tsy mahatohitra azy. Manontania ny mpiasan'ny fahasalamana mikasika izay fanafody mandaitra indrindra eo amin'ny faritra misy anao. Raha tsy fantatrao ny karazana tazo mahazo ilay olona dia tsara kokoa ny mitsabo izany amin'ny Fitambarana fanafody mifototra amin'ny Artemisinin (ACT).

Ny chloroquine dia tsy azo antoka ho an'ny vehivavy mitondra vohoka sy mampinono ho an'ny fisorohana sy fitsaboana ny tazo.

PEJY MAITSO

Chloroquine Phosphate (marika mahazatra:

Aralen, Resochin, Avlochlor)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 250 mg. (izay misy chloroquine 150 mg.) na 500 mg. (izay misy chloroquine 300 mg.)

Fatrany ho an'ny chloroquine phosphate atelina—mampiasa vongam-panafody 250 mg.

Ho an'ny fitsaboana tazo tsy mahatohitra azy:

For the first dose give:

lehibe: vongany 4 (1000 mg.)

ankizy 10 hatramin'ny 15 taona: vongany 3 (750 mg.)

ankizy 6 hatramin'ny 9 taona: vongany 2 (500 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 5 taona: vongany 1 (250 mg.)

ankizy 1 hatramin'ny 2 taona: vongany ½ (125 mg.)

zaza latsaky ny 1 taona: vongany ¼ (63 mg.)

avy eo dia omeo ireto fatra manaraka ireto 6 ora aorian'ny fatra voalohany, 1 andro aorian'ny fatra voalohany, ary 2 andro aorian'ny fatra voalohany: lehibe: vongany 2 (500 mg.)

ankizy 10 hatramin'ny 15 taona: vongany 1 ½ (375 mg.)

ankizy 6 hatramin'ny 9 taona: vongany 1 (250 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 5 taona: vongany ½ (125 mg.)

ankizy 1 hatramin'ny 2 taona: vongany ¼ (63 mg.)

zaza latsaky ny 1 taona: vongany 1/8 (32 mg.)

Ho an'ny fisorohana ny tazo (amin'ny toerana tsy ahatoheran'ny aretina):

Omeo in-dray isan-kerinandro manomboka herinandro mialoha ary mitohy 4 herinandro aorian'ny fandaozana ilay faritra misy tazo.

lehibe: vongany 2 (500 mg.)

ankizy 10 hatramin'ny 15 taona: vongany 1 ½ (375 mg.)

ankizy 6 hatramin'ny 9 taona: vongany 1 (250 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 5 taona: vongany ½ (125 mg.)

ankizy 1 hatramin'ny 2 taona: vongany ¼ (63 mg.)

zaza latsaky ny 1 taona: vongany 1/8 (32 mg.)

Metronidazole (marika mahazatra: Flagyl)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody 200, 250, na 500 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

alefa any anaty fivaviana, 500 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ranom-panafody, 200 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny metronidazole dia ampiasaina amin'ny aretin'ny tsinay ateraky ny amiba, giardia, ary bakteria sasany, ary indraindray dia ho an'ny aretim-pivalanana izay azo avy amin'ny fihinanana antibiotika 'mahasitrana aretina maro' (toy ny ampicillin). Ilaina amin'ny fitsaboana ny aretin'ny fivaviana ateraky ny trichomonas, na bakteria sasany izy io. Ilaina amin'ny fitsaboana ratra manonitra na mampidi-doza izy io ary ampiarahana amin'ny antibiotika hafa. Manampy amin'ny fitsaboana ny famantarana ny dracunculose ihany koa izy ity.

TANDREMO: Aza misotro toaka rehefa mihinana metronidazole satria miteraka maloiloay be izany.

FAMPITANDREMANA: Ny metronidazole dia mety hahasampona ny zaza vao teraka. Tokony mifady ny fampiasana io fanafody ion y ny vehivavy mitondra vohoka raha azo atao, indrindra mandritra ny 3 volana voalohany. Ireo vehivavy mampinono izay nihinana fatrany betsaka dia tsy tokony mampinono ny zanany mandritra ny 24 ora aorian'ny nihinanana metronidazole. Ny olona marary aty dia tsy tokony mampiasa metronidazole.

Fatra ho an'ny aretina ateraky ny giardia:

Omeo metronidazole in-3 isan'andro mandritra ny 5 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: 250 mg. (vongany 1)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 250 mg. (vongany 1)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 125 mg. (vongany ½)

zaza latsaky ny 3 taona: 62 mg. (vongany ¼)

Fatra ho an'ny aretina ateraky ny giardia izay maharitra 6 volana na mihoatra:

lehibe: Omeo metronidazole 750 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 10 andro. Omeo quinacrine ihany koa (p. 369).

Fatra ho an'ny dracunculose:

Omeo fatra mitovy amin'ny ho an'ny giardia, in-3 isan'andro mandritra ny 10 andro.

Fatra ho an'ny aretina trichomonas eo amin'ny fivaviana:

Mihinàna vongam-panafody 8 (2 g.) ho an'ny fatra iray. Na raha tsy tena mahery vaika ny aretina dia mampiasà fanafody atao any anatin'ny fivaviana, vongany 2 (500 g.) in-droa isan'andro mandritra ny 7 andro. Tokony tsaboina amin'ny fitsaboana ny trichomonas ihany koa ilay lehilahy (na dia tsy maneho fambara aza izy) fa mety hamindra izany indray amin'ilay vehivavy.

Fatra ho an'ny fery ao anaty vavony

(ampiarahana amin'ny fanafody hafa—jereo p. 129):

Omeo in-3 isan'andro mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro. Isaky ny fatrany 500 mg.

Fatrany ho an'ny aretin'ny fivaviana ateraky ny bakteria:

Mihinàna vongana metronidazole 2 (500 mg.) in-droa isan'andro mandritra ny 7 andro. raha miverina ny aretina dia mila miaraka manaraka ilay fitsaboana ilay vehivavy sy ilay lehilahy.

Fatra ho an'ny ratra manonitra na mampidi-doza (15 hatramin'ny 30 mg./kg./andro):

lehibe: Omeo metronidazole 500 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 7 hatramin'ny 10 andro. omeo antibiotika hafa toy ny penicillin (p. 351), doxycycline (p. 355), na cotrimoxazole (p. 357) ihany koa.

Fatra ho an'ny fivalanan-drà ateraky ny amiba (25 hatramin'ny 50 mg./kg./ andro):

—mampiasa vongam-panafody 250 mg.

Omeo metronidazole in-3 isan'andro mandritra ny 5 hatramin'ny 10 andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 750 mg. (vongany 3)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 500 mg. (vongany 2)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 375 mg. (vongany 1 ½)

ankizy 2 hatramin'ny 3 taona: 250 mg. (vongany 1) zaza

latsaky ny 2 taona: 80 to 125 mg. (vongany ⅓ hatramin'ny ½)

Raha azo atao, ho an'ny fivalanan-drà ateraky ny amiba, ilaina ny mihinana dioxanide furoate aorian'ny fahataperan'ny fihinanana metronidazole. Ho an'ny nana ateraky ny amiba, zava-dehibe ny mihinana metronidazole sy dioxanide furoate.

Dioxanide furoate (Furamide)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody 500 mg.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Sirao misy 125 mg. ao anatin'ny 5 ml.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Voka-dratsiny: Indraindray dia miteraka rivotra, aretim-bavony, na maloiloay.

Fatra ho an'ny dioxanide furoate (20 mg./kg./andro)—vongam-panafody 500 mg.

Omeo in-3 isan'andro (miaraka amin'ny sakafo) mandritra ny 10 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: vongany 1 (500 mg.)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: vongany ½ (250 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: vongany ¼ (125 mg.)

zaza latsaky ny 3 taona: vongany ⅓ (62 mg.) na latsaka, arakaraka ny lanjany.

Metronidazole (marika mahazatra: Flagyl)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody 200, 250, na 500 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

alefa any anaty fivaviana, 500 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ranom-panafody, 200 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny metronidazole dia ampiasaina amin'ny aretin'ny tsinay ateraky ny amiba, giardia, ary bakteria sasany, ary indraindray dia ho an'ny aretim-pivalanana izay azo avy amin'ny fihinanana antibiotika 'mahasitrana aretina maro' (toy ny ampicillin). Ilaina amin'ny fitsaboana ny aretin'ny fivaviana ateraky ny trichomonas, na bakteria sasany izy io. Ilaina amin'ny fitsaboana ratra manonitra na mampidi-doza izy io ary ampiarahana amin'ny antibiotika hafa. Manampy amin'ny fitsaboana ny famantarana ny dracunculose ihany koa izy ity.

TANDREMO: Aza misotro toaka rehefa mihinana metronidazole satria miteraka maloliloay be izany.

FAMPITANDREMANA: Ny metronidazole dia mety hahasampona ny zaza vao teraka. Tokony mifady ny fampiasana io fanafody ion y ny vehivavy mitondra vohoka raha azo atao, indrindra mandritra ny 3 volana voalohany. Ireo vehivavy mampinono izay nihinana fatrany betsaka dia tsy tokony mampinono ny zanany mandritra ny 24 ora aorian'ny nihinanana metronidazole. Ny olona marary aty dia tsy tokony mampiasa metronidazole.

Fatra ho an'ny aretina ateraky ny giardia:

Omeo metronidazole in-3 isan'andro mandritra ny 5 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: 250 mg. (vongany 1)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 250 mg. (vongany 1)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 125 mg. (vongany ½)

zaza latsaky ny 3 taona: 62 mg. (vongany ¼)

Fatra ho an'ny aretina ateraky ny giardia izay maharitra 6 volana na mihoatra:

lehibe: Omeo metronidazole 750 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 10 andro. Omeo quinacrine ihany koa (p. 369).

Fatra ho an'ny dracunculose:

Omeo fatra mitovy amin'ny ho an'ny giardia, in-3 isan'andro mandritra ny 10 andro.

Fatra ho an'ny aretina trichomonas eo amin'ny fivaviana:

Mihinàna vongam-panafody 8 (2 g.) ho an'ny fatra iray. Na raha tsy tena mahery vaika ny aretina dia mampiasà fanafody atao any anatin'ny fivaviana, vongany 2 (500 g.) in-droa isan'andro mandritra ny 7 andro. Tokony tsaboina amin'ny fitsaboana ny trichomonas ihany koa ilay lehilahy (na dia tsy maneho fambara aza izy) fa mety hamindra izany indray amin'ilay vehivavy.

PEJY MAITSO**Fatra ho an'ny fery ao anaty vavony**

(ampiarahana amin'ny fanafody hafa—jereo p. 129):

Omeo in-3 isan'andro mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro. Isaky ny fatrany 500 mg.

Fatrany ho an'ny aretin'ny fivaviana ateraky ny bakteria:

Mihinàna vongana metronidazole 2 (500 mg.) in-droa isan'andro mandritra ny 7 andro. raha miverina ny aretina dia mila miaraka manaraka ilay fitsaboana ilay vehivavy sy ilay lehilahy.

Fatra ho an'ny ratra manonitra na mampidi-doza (15 hatramin'ny 30 mg./kg./andro):

lehibe: Omeo metronidazole 500 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 7 hatramin'ny 10 andro. omeo antibiotika hafa toy ny penicillin (p. 351), doxycycline (p. 355), na cotrimoxazole (p. 357) ihany koa.

Fatra ho an'ny fivalanan-drà ateraky ny amiba (25 hatramin'ny 50 mg./kg./ andro):

—mampiasa vongam-panafody 250 mg.

Omeo metronidazole in-3 isan'andro mandritra ny 5 hatramin'ny 10 andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 750 mg. (vongany 3)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 500 mg. (vongany 2)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 375 mg. (vongany 1 ½)

ankizy 2 hatramin'ny 3 taona: 250 mg. (vongany 1) zaza

latsaky ny 2 taona: 80 to 125 mg. (vongany ⅓ hatramin'ny ½)

Raha azo atao, ho an'ny fivalanan-drà ateraky ny amiba, ilaina ny mihinana diloxanide furoate aorian'ny fahataperan'ny fihinanana metronidazole. Ho an'ny nana ateraky ny amiba, zava-dehibe ny mihinana metronidazole sy diloxanide furoate.

Diloxanide furoate (Furamide)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody 500 mg.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Sirao misy 125 mg. ao anatin'ny 5 ml.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Voka-dratsiny: Indraindray dia miteraka rivotra, aretim-bavony, na maloliloay.

Fatra ho an'ny diloxanide furoate (20 mg./kg./andro)—vongam-panafody 500 mg.

Omeo in-3 isan'andro (miaraka amin'ny sakafo) mandritra ny 10 andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: vongany 1 (500 mg.)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: vongany ½ (250 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: vongany ¼ (125 mg.)

zaza latsaky ny 3 taona: vongany ⅓ (62 mg.) na latsaka, arakaraka ny lanjany.

Quinacrine (mepacrine)

(marika mahazatra: Atabrine)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 100 mg.

Ny quinacrine dia afaka ampiasaina amin'ny fitsaboana ny giardia, tazo, ary kankam-pisaka, saingy tsy izy ity ny fanafody tsara indrindra ho an'ireo aretina ireo. Ampiasaina izy satria mora vidy. Ny quinacrine matetika dia miteraka aretin-andoha, fanina, ary fandoavana.

Fatran'ny quinacrine hitsaboana **giardia**:

Omeo quinacrine in-3 isan'andro mandritra

ny herinandro. Isaky ny fatrany:

lehibe: vongany 100 mg. iray

ankizy latsaky ny 10 taona: 50 mg. (vongany ½)

Fatran'ny quinacrine hitsaboana **giardia** izay maharitra 6 volana na mihoatra, omeo ny fatran'ny quinacrine voalaza etsy ambony in-3 isan'andro mandritra ny 2 hatramin'ny 3 herinandro.



Fatrany ho an'ny quinacrine hitsaboana **kankam-pisaka**:

(antsasak'adiny mialoha ny fihinanana quinacrine dia omeo antihistaminique toy ny **promethazine** mba hisorohana ny fandoavana).

Omeo fatrany betsaka 1 ihany:

lehibe: 1 g. (vongany 10)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 600 mg. (vongany 6)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 400 mg. (vongany 4)

LOZA! AZA MAMPIASA!

Hydroxyquinolines (clioquinol, iodoquinol, di-iodohydroxyquinoline, halquinol, broxyquinoline) (marika mahazatra: Diodoquin, Amicline, Floraquin, Enteroquinol, Chlorambin, Nivembin, Quogyl, Entero-Vioform, sy marika maro hafa)

Taloha ireo fanafody ireo dia nampiasaina tamin'ny fitsaboana aretim-pivalanana. Amin'izao fotoana izao dia fantatra fa mahatonga fahalemena mandrapahafaty, fahajambana, eny hatramin'ny fahafatesana izy ireo. Aza mampiasa ireo fanafody mampidi-doza ireo. (Jereo p. 51.)

HO AN'NY ARETIN'NY FIVAVIANA

Ny tsiranoka mivoaka avy ao anaty fivaviana, mangidihidy sy tsy mampahazo aina dia mety ateraky ny otrikaretina isan-karazany, ny tena mahazatra amin'ireo dia ny **trichomonas, leviora** (Candida, moniliasis), ary ny **bakteria**. Ny fahadiovana sy ny fanasana amin'ny vinaingitra sy rano (fanasana fivaviana) dia manasitrana aretin'ny fivaviana maro. Ny fanafody manokana ihany koa dia natao lisitra eto ambany.

Vinaingitra fotsy hanasana ny fivaviana (fanasana):

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Afangaroy ny amin'ny rano avy nampangotrahana iray litatra ny vinaingitra 2 na 3 sotro fihinanana. Toy ny natoro ao amin'ny pejy 241, sasao in-1 hatramin'ny 3 isan'andro mandritra ny erinandro, ary in-drain amin'ny andro hafa. Izy ity dia mandaitra manokana ho an'ny aretin'ny fivaviana ateraky ny bacteria.

Metronidazole, vongam-panafody atelina sy alefa any anaty fivaviana (jereo p. 368):

Ho an'ny trichomonas sy aretin'ny fivaviana ateraky ny bacteria. (Metronidazole fotsiny no ampiasao amin'ny aretina avy amin'ny bacteria raha tsy mandaitra ny fanasana amin'ny vinaingitra sy rano).

Nystatin na **Miconazole**, vongam-panafody, menaka fanosotra, ary fanafody alefa any anaty fivaviana (jereo p. 372):

Ho an'ny otrikaretina ateraky ny leviora (Candida, moniliasis) mahazo ny fivaviana.

Violet de Gentiane (crystal violet) (jereo p. 370):

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ho an'ny fitsaboana ny otrikaretina ateraky ny leviora (Candida, moniliasis) sy aretina hafa mahazo ny fivaviana.

Povidone iodine (polyvidone iodine, Betadine)

Anarana: _____ ho an'ny _____
 Hitsaboana ny aretin'ny fivaviana ateraky ny bakteria. Afangaroy amin'ny rano mafana iray litatra izay avy nampangotrahana ny povidone iodine 2 sotra fihinanana. Toy ny natoro ao amin'ny pejy 242, sasao amin'ny fangaro in-drainy isan'andro mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro.

Ny povidone iodine ihany koa dia afaka hisorohana ny treho raha toa tsy manana sira misy ioda. Afangaroy amin'ny rano iray litatra ny povidone iodine in-1 mitete. Misotroa iray vera amin'io fangaro io isan-kerinandro, tohizo foana.

HO AN'NY ARETIN-KODITRA

Ny fanasana tanana sy fandroana matetika amin'ny sy savony sy rano dia manampy amin'ny fisorohana ny aretina maro, aretin-koditra sy ny taova miaraka. Ireo ratra dia mila sasana tsara amin'ny savony sy rano avy nampangotrahana alohan'ny hanakatonana na hamonosana azy amin'ny bandy.

Mazàna dia ny fikosehina amin'ny savony sy rano matetika ihany no fitsaboana ilain'ny angadrano, taikombin-doha, mony, bay mitsiranoka malefaka, na koa ny tsindoha sy aretin-koditra sy hodi-doha hafa avy amin'ny holatra. Mandaitra kokoa izany raha misy mpanohitra otrikaretina toy ny povidone iodine (Betadine) ao anatin'ny savony. Saingy mety hampitsovaika ny tambantsela ny Betadine ary tsy tokony ampiasaina amin'ny fery misokatra. Ny savony fanasana loha misy selenium sulfide na ketoconazole ihany koa dia mandaitra amin'ny hangadrano.

Solifara

Matetika amin'ny endrika vovoka miloko mavo.

Violet de Gentiane (crystal violet)

Matetika izy io dia miendrika vatosoa miloko manga antitra. Miendrika rano 0.5% ihany koa izy io.

Anarana: _____ Ho an'ny _____

Miendrika menaka fanosotra amin'ny hoditra ihany koa.

Ny solifara dia ilaina amin'ny aretin-koditra maro:

1. Hisorohana na androahana ireo kongom-biby, koroka, parasy lafrika sy parasy. Alohan'ny handehanana eny an-tsaha na any anaty ala izay ahitana be indrindra ireo dia fafazo solifara ny hoditra – indrindra ny ranjo na ny kitrokely, hatotanana, andilana ary ny tenda.
2. Mbahitsaboanany lagaly, parasy lafrika, koroka ary kongona kely ao anaty na eo ambonin'ny hoditra. Manamboara menaka fanodotra: Afangaroy ny solifara ampahany 1 sy Vaseline na menaka mandry ampahany 10, ary hosory amin'ny hoditra izany (jereo p. 199).
3. Ho an'ny tsindoha na otrikaretina avy amin'ny holatra hafa dia ampiasao koa io menaka fanosotra io, in-3 na in- 4 isan'andro, na fangaro solifara sy vinaingitra (jereo p. 205).
4. Ho an'ny taikombin-doha (seborrhea) sy angadrano mahery vaika dia azo atao ny mampiasa io menaka fanosotra io koa, na afaka fafazana solifara ny hodi-doha.

PEJY MAITSO

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny Violet de gentian dia manampy amin'ny fiadiana aretin-koditra sasany, ao anatin'izany ny bay mitsiranoka, ny fery misy nana. Izy io koa dia afaka ampiasaina amin'ny fitsaboana ny otrikaretina ateraky ny leviora (Candida, moniliasis) eo amin'ny vava na eo amin'ny fivaviana na amin'ny fifiretan'ny hoditra.

Levony ao anatin'ny rano antsasa-litatra ny volet de gentine iray sotrokely. Hanome ranony 2 isanjato izany. Na mampiasa ranony 0.5% hatramin'ny 2% efa voavoatra. Lokoy amin'ny ilay molotra na ny fivaviana. Ho an'ny leviora, lokoy in-drainy isan-kalina mandritra ny 3 alina.

Antibiotika miendrika menaka

Anarana: _____ Vidiny: _____ ho an'ny _____
 Izy ireny dia lafo vidy kokoa ary matetika dia tsy tsara kokoa noho ny violet de gentiane. Na izany aza dia tsy mandoko ny hoditra na ny akanjo izy ireny ary ilaina amin'ny fitsaboana aretin-koditra maivana toy ny bay mitsiranoka. Ny menaka tsara dia izay misy fitambarana neomycin/polymyxin ao anatin'ny (ohatra hoe Neosporin na Polysporin). Ny menaka vita amin'ny tetracycline ihany koa dia afaka ampiasaina.

Menaka na menaka fanosotra amin'ny hoditra corticosteroid

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Izy ireo dia afaka ampiasaina amin'ny hoditra mitsovaka 'mitsiranoka' mangidihidy be avy amin'ny kaikitra ny bibikely, fikasihana zavamaniry misy poizina ary zavatra hafa. Ilaina amin'ny fitsaboana farasisa mahery vaika ihany koa izy ireo (jereo p. 216) sy psoriasis (p. 216). Ampiasao

In-3 na 4 isan'andro. Aza ampiasaina maharitra na amin'ny faritra lehibe amin'ny vatana.

Vaseline

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ilaina amin'ny fanomanana menaka fanosotra na taha fery amin'ny fitsaboana ny: lagaly (jereo p. 199 sy 372), tsindroha (p. 371), hidihidy avy amin'ny Enterobius (p. 141), may (p. 96 sy 97), ratra amin'ny tratra (p. 91).

HO AN'NY TSINDOHA NA OTRIKARETINA ATERAKY NY HOLATRA Hafa

Maro ireo otrikaretina ateraky ny holatra hafa no sarotra esorina. Raha te hahafehy azy tanteraka dia mila tohizana mandritra ny andro na herinandro maro aorian'ny fialan'ny famantarana ny fitsaboana. Ny fandroana sy ny fahadiovana ihany koa dia zava-dehibe.

Menaka toy ny undecylenic, benzoic, na acide salicylique

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny menaka misy ireo asidra ireo dia afaka ampiasaina amin'ny fitsaboana ny tsindoha sy otrikaretina ateraky ny holatra hafa eo amin'ny hoditra. Matetika izy ireo dia ampiarahana (na afaka ampiarahana) amin'ny solifara. Ny menaka misy acide salicylique sy solifara ihany koa dia afaka ampiasaina amin'ny taikombon-doha (seborrhea).

Ny menak'i Whitfield dia fitambarana acide salicylique sy benzoique. Izy io dia ampiasaina ho an'ny otrikaretina avy amin'ny holatra maro, ao anatin'izany ny tinea versicolor. Osory in-droa isan'andro mandritra ny 2 hatramin'ny 4 herinandro.

Ny menaka sy ny menaka fanosotra dia mora kokoa raha ianao ihany no manamboatra azy. Afangaroy amin'ny Vaseline, *petrolatum*, menaka mineraly, menaka mandry, na alikaola 40 isan-jato (na toaka) ampahany 100 ny acide salicylique ampahany 3 sy/na acide benzoique ampahany. Koseho amin'ny hoditra in-3 na 4 isan'andro.

Solifara sy vinaingitra

Ny menaka fanosotra misy solifara ampahany 5 ampiarahana amin'ny vinaingitra ampahany 100 dia manampy amin'ny fiadiana amin'ny aretin-koditra ateraky ny holatra. Avelao ho maina eo ambonin'ny hoditra. Azo atao ihany koa ny manamboatra menaka fanosotra amin'ny fampiasana solifara ampahany 1 miaraka amin'ny menaka mandry ampahany 10.

Sodium thiosulfate ('hyppo')

Matetika dia miendrika vatosoa miloko fotsy, misy eny amin'ny mpivarotra kojakoja momba ny fakan-tsary amin'ny anarana hoe 'hyppo'.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ampiasaina amin'ny *tinea versicolor* mahazo ny hoditra (jereo p. 206).

Levony ao anaty rano ½ kaopy ny 'hyppo' ary osory amin'ny hoditra amin'ny vovon-dandihazo na lamba kely. Avy eo dia koseho amin'ny vovon-dandihazo misy vinaingitra. Ataovy in-droa isan'andro izany mandrapialan'ireo teboteboka, ary avy eo dia avereno isaky ny tapa-bolana mba hisakanana ny fiverenany.

Selenium sulfide (Selsun, Exsel)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika menaka fanosotra ny selenium sulfide 1 na 2.5 isan-jato.

Ny menaka fanosotra misy selenium sulfide dia ilaina amin'ny fitsaboana ny tinea versicolor. Osory amin'ilay faritra voa, ary sasao afaka 30 minitra. Ampiasao isan'andro mandritra ny herinandro.

Tolnaftate (Tinactin)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: tolnaftate atao menaka fanosotra, vovoka, sy ranony 1 isan-jato.

Izy io dia afaka ampiasaina amin'ny otrikaretina ateraky ny holatra tsindoha eo amin'ny tongotra, teta, hodi-doha, tanana, ary vatana. Osory in-droa isan'andro hatramin'ny tapa-bolana aorian'ny fialan'ny famantarana.

Griseofulvin

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody na kapisily 250 na 500 mg.

Ny fanomanana amin'ny endriny potipotika madinika kely no tsara indrindra. Izy io dia lafo vidy be ary tsy tokony ampiasaina afa-tsy amin'ny aretin-koditra mahery vaika ateraky ny holatra sy otrikaretina tsindoha lalina eo amin'ny hodi-doha. Izy io koa dia natao ho an'ny otrikaretina ateraky ny holatra eo amin'ny hoho saingy mety haharitra ama-bolana izany ary tsy voatery handaitra. **Tokony mifady griseofulvin ny vehivavy mitondra vohoka.**

Fatran'ny griseofulvin (15 mg./kg./andro)—
ho an'ny endrika potipotika madinika kely,
kapisily 250 mg.

Omeo in-dray isan'andro mandritra ny iray volana farafahakeliny.

lehibe: 500 hatramin'ny 1000 mg. (kapisily 2 hatramin'ny 4)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 250 hatramin'ny 500 mg. (kapisily 1 hatramin'ny 2)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 125 hatramin'ny 250 mg. (kapisily ½ hatramin'ny 1)

zaza latsaky ny 3 taona: 125 mg. (kapisily ½)

Violet de gentiane—ho an'ny otrikaretina ateraky ny leviora (jereo p. 370)

Nystatin na Miconazole

Anarany: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: ranony, vovoka, vongam-panafody aklefa any anaty fivaviana, menaka, ary menaka fanosotra

Ampiasaina amin'ny fitsaboana otrikaretina ateraky ny leviora (Candida, moniliasis) ao anaty vava, fivaviana, na fiforetan'ny hoditra. Ny nystatin irery ihany no mandaitra amin'ny fitsaboana ny leviora, saingy ny miconazole dia mandaitra amin'ny fitsaboana otrikaretina ateraky ny holatra ihany koa.

Fatran'ny nystatin sy miconazole-mitovy ho an'ny ankizy sy ny lehibe:

Areti-temibava: asio ranony 1 ml. ao anaty vava ary avelao ao mandritra ny 1 minitra farafahakelin'ny alohan'ny hitelemena azy. Ataovy in-3 na in-4 isan'andro izany.

Otrikaretina ateraky ny leviora eo amin'ny hoditra: ataovy maina araka izay azo atao ary ampiasao ny vovoka na menaka nystatin na miconazole in- 4 na in-5 isan'andro.

Otrikaretina ateraky ny leviora eo amin'ny fivaviana: asio menaka in-droa isan'andro ao anatin'ny fivaviana na vongam-panafody asitrika any anaty fivaviana isan-kalina. Ho an'ny miconazole, mampiasà 200 mg. asitrika any anaty fivaviana, ampiasao mandritra ny 3 andro. ho an'ny nystatin, mampiasa 100,000 Unit asitrika any anaty fivaviana, ampiasao mandritra ny 14 andro.

HO AN'NY LAGALY SY NY HAO:

FAMONOANA BIBIKELY

Benzyl benzoate, menaka fanosotra

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Ampiasaina ho an'ny lagaly sy ny hao.

Ho an'ny hao, sasao ary ataovy maina tsara ny volo sy ny hodi-doha alohan'ny hanosorana benzyl benzoate. Ataovy betsaka tsara mba handena ilay volo sy hodi-doha maina. Avelao eo mandritra ny 24 ora, avy eo dia sasao amin'ny rano matimaty sy savony na savony fanasana loha. Rehefa avy nokobanina sy nohamainina dia mampiasà fihogo mihetihety nify hanesorana ny atodiny sy ny akorany amin'ny volo. Ho an'ny tranga mahery vaika, avereno in-2 na in- 3, miandry 24 ora isaky ny avy mampiasa azy.

Ho an'ny lagaly, sasao ary hamaino tsara ny vatana, avy eo dia hosory benzyl benzoate manomboka eo amin'ny tenda no midina, hatramin'ny felan-tongotra, ary koseho tsara. Avelao eo mandritra ny 24 ora ny fanafody, avy eo dia sasao amin'ny rano matimaty sy savony. Kobano tsara ary hamaino amin'ny servieta madio. Ho an'ny tranga mahery vaika, avereno in-dray eo anelanelan'ny 1 hatramin'ny 5 andro aorian'ny fampiasana azy voalohany.

Fatran'ny Benzyl benzoate ho an'ny zaza misy hao na lagaly:

Ho an'ny zaza: afangaroy ny benzyl benzoate ampahany 1 sy rano ampahany 3, in-1 ihany.

Ho an'ny ankizy: afangaroy ny benzyl benzoate ampahany 1 sy rano ampahany 1, in-1 ihany.

PEJY MAITSO

Permethrin (Acticin, Elimate, Nix)

Anarany: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Manana endrika maro. Ho an'ny lagaly, mampiasà menaka fanosotra misy permethrin 5 isan-jato. Ho an'ny hao, mampiasà savony fanasana loha misy permethrin 1 isan-jato.

Ho an'ny lagaly, io no safidy tsara indrindra (fa raha voan'ny VIH dia Ivermectin no ampiasao, jereo p. 377).

Ho an'ny lagaly, sasao ary hamaino tsara ny vatana, avy eo dia hosory permethrin manomboka eo amin'ny tenda no midina, hatramin'ny felan-tongotra, ary koseho tsara. Avelao eo mandritra ny 10 hatramin'ny 14 ora ny fanafody, avy eo dia sasao amin'ny rano matimaty sy savony. Kobano tsara ary hamaino amin'ny servieta madio. Avereno afaka erinandro. Tsaboy ny ankohonana manontolo ho fisorohana.

Ho an'ny hao, ny permethrin dia ampiasaina amin'ny savony fanasala loha misy fanafody sasany (Nix). Araho ny toromarika eo amin'ny tranony, izay tokony hitovy amin'ny lisitra ho an'ny Pyrethrins miaraka amin'ny piperonyl (RID) etsy ambany.

Crotamiton (Crotan, Eurax)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: menaka fanosotra misy crotamiton 10 isan-jato.

Ho an'ny lagaly irery ihany, saingy fadio ny mampiasa izany amin'ny zaza latsaky ny 3 taona. Ampiasao toy ny permethrin, saingy aza sasana. Aorian'ny 24 ora dia asio fanindroany indray. Sasao amin'ny rano matimaty sy savony 2 andro aorian'ny fanosorana farany. Soloy ihany koa ny akanjo sy ny lambam-pandriana amin'io fotoana io. Manomboka efa mahatohitra ny Crotamiton ny aretina koa tsy dia mandaitra tsara intsony izy io.

Ivermectin (jereo p. 377)

Solifara ao anaty Vaseline na menaka mandry

Ampiasao amin'ny lagaly raha tsy afaka mahazo ireo voalaza etsy ambony ianao. Afangaroy amin'ny Vaseline, menaka mineraly na menaka mandry ampahany 20 ny solifara ampahany 1 mba hahazoana endrika menaka solifara fanositra 5 isan-jato.

Pyrethrins miaraka amin'ny piperonyl (RID)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

matetika dia miendrika ranony misy pyrethrins sy piperonyl butoxide.

Mandaitra tsara ho an'ny karazana hao maro. Tsy mila asiana rano, osory amin'ny volo maina ilay rano mandrapaha lena tsara ny volo. (Aza atao mahazo ny volomaso.) andraso tsy mihoatra ny 10 minitra. Sasao amin'ny amin'ny rano matimaty sy savony na savony fanasana loha ny volo. Avereno afaka herinandro. Soloy ny akanjo sy ny lambam-pandriana aorian'ny fitsaboana. Mba hanesorana ny atodiny dia jereo ny pejy p. 200.

HO AN'NY VOTSY EO AMIN'NY FIVAVIANA/FILAHIANA

Podophyllin

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: ranony misy podophyllin 10 hatramin'ny 25 isan-jato afangaro amin'ny benzoin.

Izy io dia ampiasaina mba hampihenana ny votsy eo amin'ny filahiana/fivaviana. Ny podophyllin dia mampamaivay ny hoditra salama, koa mila tandremana tsara a ny fampiasana azy. Alohan'ny hanosorana azy dia tsara raha arovana amin'ny Vaseline na karazana menaka fanositra aloha ny hoditra manodidina ireo votsy. Hosory ilay rano reo votsy ary avelao ho maina tsara. (Zava-dehibe manokana izy io amin'ny faritra izay mety hikasihany ny hoditra salama ilay votsy, toy ny hoditra manarona ny lohan'ny filahiana). Sasao tsara aorian'ny 4 hatramin'ny 6 ora. Azo averina ao anatin'ny herinandro ny fitsaboana. Matetika dia herinandro maro no ilaina amin'ny fitsaboana.

TANDREMO: Raha mamaivay be ny hoditra dia aza mampiasa azy intsony. Ny podophyllin dia tsy tokony ampiasaina amin'ny votsy mandeha rà. Ireo vehivavy mitondra vohoka na mampinono dia tsy tokony mampiasa podophyllin.

Trichloroacetic acid

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: rano madio (mazava).

Raha tsy misy podophyllin dia afaka ampiasaina amin'ny votsy ny trichloroacetic acid. Manimba ny hoditra salama ihany koa izy io koa mila tandremana tsara ny fampiasana azy. Alohan'ny hanosorana azy dia tsara raha arovana amin'ny Vaseline na karazana menaka fanositra aloha ny hoditra manodidina ireo votsy. Esory moramora ireo sela maty eo amin'ny votsy ngeza na matevina. Asio an'ilay asidra in-drainy mitete amin'ny fisokirana nify eo amin'ilay votsy. Ampidiro moramora ao anatin'ilay votsy amin'ny alalan'ilay fisokirana nify ilay asidra. Matetika dia maro ny fitsaboana ilaina ary mety haverimberina isan-kerinandro.

TANDREMO: Io asidra io dia miteraka fahamaizana mahery vaika. Arovy amin'ilay asidra ny Tanana sy ireo hoditra salama ary sasao eo no ho eo raha sendra voakasika.

HO AN'NY HERPES SY ZONA

Acyclovir (Zovirax)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: vongam-panafody 200, 400, na 800 mg.

Ny acyclovir dia mamono otrikaretina ary ampiasaina amin'ny fiadiana amin'ny herpes sy zona. Ny acyclovir dia tsy manasitrana herpes, fa mifehy izany, mampihena ny fanaintainan'ny herpes ary manakana izany tsy hiparitaka. Hano miaraka amin'ny rano. Ny olona marary aty dia tsy tokony mihinana acyclovir.

Voka-dratsiny: Ny acyclovir dia mety hiteraka aretin-andoha, fanina, maloiloy, ary mampandoa. Ny very tadidy sy tsy fahafahana mivalan-drano no famantarana fa nihinana be loatra azy ny olona iray.

Fatran'ny acyclovir:

Ho an'ny herpes eo amin'ny filahiana/fivaviana na fanaviana: mihinana 200 mg., in-5 isan'andro mandritra ny 7 andro.

ho an'ny zona: mihinana 600 hatramin'ny 800 mg, in-5 isan'andro mandritra ny 7 hatramin'ny 10 andro.

HO AN'NY KANKANA

Raha ny fanafody irery ihany dia tsy mahavita manala ny kankana mandritra ny fotoana lava. ny torolanana ho an'ny fahadiovan'ny tena sy ny olon-drehetra dia tsy maintsy arahana. Raha misy kankana ny olona iray ao anatin'ny ankohonana dia tsara any mitsabo ny ankohonana manontolo.

Mebendazole (Vermox)

ho an'ny otrikaretina maro ateraky ny kankana

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: vongam-panafody 100 na 500 mg.

Io fanafody io dia mandaitra amin'ny ankylostome, trichuris, sakoitra, enterobius, ary kankana hafa antsoina hoe Strongyloides. Miasa tsara amin'ny otrikaretina mifangaro. Mety hahomby amin'ny trichinose ihany koa. Rehefa mitsabo otrikaretina ateraky ny kankana mavesadanja dia mety harary ny tsinay na ho voan'ny aretim-pivalanana, saingy tsy mateti-pitranga ny voka-dratsiny.

TANDREMO: Aza omena mebendazole ny vehivavy bevohoka 3 volana na ny zaza latsaky ny 6 volana.

Fatran'ny mebendazole—mampiasa vongam-panafody 100 mg.

Omeo fatra mitovy ny zaza 1 taona sy ny olon-dehibe. Omeo ny antsasaky ny fatra eto ambany ny zazakely 6 volana hatramin'ny 1 taona.

Ho an'ny enterobius: vongany 1 in-drainy. Omeo indray aorian'ny tapa-bolana raha mbola misy enterobius tavela.

Ho an'ny **sakoitra, Trichuris, ankylostome, ary Strongyloides:**

vongany 1 in-droa isan'andro (maraina sy hariva) mandritra ny 3 andro (vongany 6 ny fitambarany).

Ho an'ny **trichinose:** Omeo 200–400 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 3 andro. avy eo dia omeo 400–500 mg. in-3 isan'andro mandritra ny 10 andro manaraka. Amin'ny tranga mahery vaika, ny corticosteroids ihany koa dia manampy, saingy tsy maintsy ny mpiasan'ny fahasalamana na ny dokotera ihany no manome azy.

Albendazole (Zentel)—ho an'ny otrikaretina maro ateraky ny kankana

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika vongam-panafody 200 sy 400 mg.

Io fanafody io dia mitovy amin'ny mebendazole, saingy matetika dia lafo vidy kokoa. Mandaitra amin'ny fiadivana ankylostome, trichuris, Strongyloides, sakoitra, aty enterobius. Mahàlana ny fisian'ny voka-dratsiny.

TANDREMO: Aza omena albendazole ny vehivavy bevohoka latasky ny 3 volana na ny zaza latsaky ny 1 taona.

Fatran'ny ho an'ny albendazole—mampiasa vongam-panafody 400 mg.

Omeo fatra mitovy ny ankizy 2 taona no mihotra sy ny olon-dehibe. Omeo ny fatran'ny eto ambany ireo zaza 1 hatramin'ny 2 taona.

Ho an'ny **enterobius**, **sakoitra**, **trichuris** ary ny **ankylostome**: 400 mg. (vongany 1) in-dray.

Ho an'ny Strongyloides: 400 mg. (vongany 1) in-droa isan'andro mandritra ny 3 andro ary averina erinandro aoriana.

Ho an'ny trichinose: 400 mg. in-2 isan'andro mandritra ny 8 hatramin'ny 14 andro. Ho an'ny tranga mahery vaika, ny corticosteroids ihany koa dia manampy, saingy tsy maintsy ny mpiasan'ny fahasalamana na ny dokotera ihany no manome azy.

Piperazine—ho an'ny sakoitra sy ny Enterobius

Anarana: _____
voahomana amin'ny endrika piperazine citrate, tartrate, hydrate, adipate, na phosphate

Matetika dia miendrika: vongany 500 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Fangaro, 500 mg. ao anaty 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Omena fatran'ny betsaka mandritra ny 2 andro mba hitsaboana ny sakoitra. Fatran'ny kely kokoa isan'andro mandritra ny erinandro no omena ho an'ny enterobius. Misy voka-dratsiny vitsy.

Fatran'ny piperazine ho an'ny **sakoitra** (Ascaris) (75 mg./kg./andro)—vongam-panafody 500 mg. na fangaro misy 500 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Omeo in-dray isan'andro mandritra ny 2 andro. lehibe: 3500 mg. (vongany 7 na 7 sotrokely) ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 2500 mg. (vongany 5 na 5 sotrokely) ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 1500 mg. (vongany 3 na 3 sotrokely) ankizy 1 hatramin'ny 3 taona: 1000 mg. (vongany 2 na 2 sotrokely) zaza latsaky ny 1 taona: 500 mg. (vongany 1 na sotrokely 1)

PEJY MAITSO

fatran'ny piperazine ho an'ny **Enterobius** (40 mg./kg./andro):

Omeo fatran'ny 2 isan'andro mandritra ny erinandro. lehibe: 1000 mg. (vongany 2 na 2 sotrokely) ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 750 mg. (vongany 1 na 1 ½ sotrokely) ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 500 mg. (vongany 1 na 1 sotrokely) zaza latsaky ny 3 taona: 250 mg. (vongany ½ na ½ sotrokely)

Thiabendazole—ho an'ny karazana otrikaretina maro ateraky ny kankana

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 500 mg. na fangaro misy 1 g. ao anatin'ny 5 ml.

Koa satria ny thiabendazole dia miteraka voka-dratsiny maro kokoa noho ny mebendazole na albendazole, tsy ampiasaina afa-tsy amin'ny kankana irery ihany izany raha toa tsy misy ireo fanafody ireo, na ho an'ny otrikaretina atraky ny kankana izay tsy ao anatin'ny tsinay.

Afaka ampiasaina hitsaboana ankylostome, Trichuris, ary kankana hafa antsoina hoe Strongyloides izy io. Mandaitra ihany koa izy ho an'ny sakoitra sy ny enterobius, saingy ny piperazine dia manana voka-dratsy vitsy kokoa. Mety hanampy amin'ny fitsaboana ny dracunculose ihany koa izy io ary mety ho tsara amin'ny fitsaboana trichinose.

TANDREMO: Ny thiabendazole dia mety hahatonga ny sakoitra handady hiakatra any amin'ny tenda. Mety hanakana ny fisefoana izany. noho izany, raha ahianao ho misy sakoitra ilay olona, ankoatran'ny kankana hafa, dia tsara kokoa raha tsaboana amin'ny piperazine alohan'ny hanomezana thiabendazole.

Voka-dratsiny: Ny thiabendazole matetika dia miteraka harerahana, mahatsiaro tena marary, ary indraindray dia mandoa.

Fatran'ny thiabendazole (25 mg./kg./andro)
—vongam-panafody 500 mg. na fangaro misy 1 g. ao anatin'ny 5 ml.

Omeo in-droa isan'andro mandritra ny 3 andro. tokony tsakoina ny vongam-panafody.

Isaky ny fatran'ny:
lehibe: 1500 mg. (vongany 3 na 1 ½ sotrokely) ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 1000 mg. (vongany 2 na 1 sotrokely) ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 500 mg. (vongany 1 na ½ sotrokely) zaza latsaky ny 3 taona: 250 mg. (vongany ½ na ½ sotrokely)

Pyrantel (Antiminth, Cobrantril, Helmex, Pin-X)

Anarana: _____

Miendrika pamoate na embonate

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 250 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Mixture, 50 mg. in 1 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ity fanafody ity dia mandaitra amin'ny enterobius, ankylostome, ary sakoitra, saingy mety ho lafo vidy. Ny pyrantel indraindray dia miteraka fandoavana, fanina, na aretin'andoha

Fatran'ny pyrantel (10 mg./kg.)—mampiasa vongam-panafody 250 mg.

Ho an'ny ankylostome sy

sakoitra dia omeo in-drainy ihany. Ho an'ny enterobius dia avereno ny fatrany aorian'ny tapabolana.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 750 mg. (vongany 3)

ankizy 10 hatramin'ny 14 taona: 500 mg. (vongany 2)

ankizy 6 hatramin'ny 9 taona: 250 mg. (vongany 1)

ankizy 2 hatramin'ny 5 taona: 125 mg. (vongany ½)

zaza latsaky ny 2 taona: 62 mg. (vongany ¼)

Ivermectin (Mectizan, Stromectal)—ho an'ny strongyloides, jereo p. 377.

Ho AN'NY KAKAM-PISAKA

Maro karazana ireo kakam-pisaka. Ny niclosamide sy praziquantel dia samy mandaitra avokoa amin'ny ankabeazan'ny karazany. Ny niclosamide no mora vidy kokoa.

Niclosamide (Yomesan)—ho an'ny otrikaretina ateraky ny kankam-pisaka

Anarana: _____ Vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody tsakoina 500 mg.

Ny niclosamide angamba no fanafody tsara indrindra ho an'ny kankam-pisaka. Izy io dia mandaitra amin'ny ankabeazan'ny kankam-pisaka rehetra ao anatin'ny tsainay, saingy tsy miady amin'ny kista ivelan'ny tsinay.

Fatran'ny niclosamide ho an'ny kankam-pisaka—vongam-panafody 500 mg.

Tsakoy tsara ary atelomy, fatrany 1 ihany. Aza misakafo aloha na 2 ora aorian'ny fihinanana ny fanafody. Ny fanadiovana ny ao anaty 2 ora aorian'ny fihinanana niclosamide dia mety hanampy amin'ny fanalana ny kankam-pisaka.

lehibe sy ankizy mihoatra ny 8 taona: 2 g. (vongany 4)

ankizy 2 hatramin'ny 8 taona: 1 g. (vongany 2)

zaza latsaky ny 2 taona: 500 mg. (vongany 1)

mba hitsaboana ny kakam-pisaka fohy dia avereno mandritra ny 7 andro ny fatra voalaza eo ambony.

Praziquantel (Biltricide, Droncit)

Anarana: _____ vidiny: _____ for _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 150 mg. sy 600 mg.

Ny praziquantel dia mandaitra amin'ny fitsaboana ny karazana kankam-pisaka rehetra, saingy lafo kokoa noho ny niclosamide.

TANDREMO: Ny vehivavy mitondra vohoka sy ny zaza latsaky ny 4 taona dia tsy tokony mihinana praziquantel raha azo atao. Ireo vehivavy mampinono dia tokony manatsahatra tsy mampinono ny zanany rehefa mihinana praziquantel ary mandritran'ny 72 ora aorian'ny nihinanana azy (tereo ny ronono ary ario).

Voka-dratsiny: ny Praziquantel dia mety hiteraka harerahana, fanina, aretin'andoha, ary tsy fahazotoan-komana, saingy tsy dia mitranga izany voka-dratsiny izany raha fatra kely no nampiasaina hitsaboana ny kankam-pisaka.

Fatran'ny praziquantel ho an'ny **ankabeazan'ny kankam-pisaka**, ao anatin'izany ny kankam-pisaka ary amin'ny omby sy kisoa (10 hatramin'ny 20 mg./kg.)—mampiasa vongam-panafody 600 mg.

Hanina in-drainy fotsiny ihany.

lehibe: 600 mg. (vongany 1)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 300 mg. (vongany ½)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 150 mg. (vongany ¼)

ny fitsaboana ny kankam-pisaka fohy (H. nana) dia mila fatrany betsaka:

Hanina in-drainy fotsiny ihany.

lehibe: 1500 mg. (vongany 2 ½)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 600 hatramin'ny 1200 mg. (vongany 1 hatramin'ny 2)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 300 hatramin'ny 600 mg. (vongany ½ hatramin'ny 1)

Quinacrine (mepacrine, Atabrine)—ho an'ny kankam-pisaka, jereo p. 369.

HO AN'NY SCHISTOSOMES (SCHISTOSOMIASIS, BILHARZIA)

Maro karazana ny schistosomes amin'ny faritra maro maneran-tany izay mila fitsaboana isan-karazany. Ny praziquantel dia fanafody mandaitra amin'ny karazana aretina maro. Ny metrifonate sy oxamniquine dia mandaitra amin'ny karazana schistosomes sasany. Ny fanafody dia tokony omena eo ambany fanaraha-mason'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa.

Praziquantel (Biltricide, Droncit)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 150 na 600 mg.

TANDREMO: Ny vehivavy mitondra vohoka sy ny zaza latsaky ny 4 taona dia tsy tokony mihinana praziquantel raha azo atao. Ireo vehivavy mampinono dia tokony manatsahatra tsy mampinono ny zanany rehefa mihinana praziquantel ary mandritran'ny 72 ora aorian'ny nihinanana azy (tereo ny ronono ary ario).

Voka-dratsiny: Ny praziquantel matetika dia miteraka harerahana, fanina, aretin'andoha, ary tsy fahazotoan-komana, saingy tsy voatery ajanona ny fitsaboana raha mitranga ireo voka-dratsiny ireo. Mba hanamaivanana ny voka-dratsiny, tsara ny praziquantel raha hanina miaraka amin'ny sakafo betsaka.

Fatran'ny praziquantel ho an'ny schistosomes (40 mg./kg.)—mampiasa vongam-panafody 600 mg.

Mba hitsaboana ny schistosomes izay mampisy rà ao anatin'ny fivalanan-drano (*S. hematobium*) dia omeo in-2 isan'andro mandritra ny 1 andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 1200 hatramin'ny 1500 mg. (vongany 2 hatramin'ny 2 ½)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 600 hatramin'ny 900 mg. (vongany 1 hatramin'ny 1 ½)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 300 mg. (vongany ½)

ireo fatra voalaza eo ambony ireo koa dia mitsabo karazana schistosomes iray hita any Afrika atsinanana sy afovoany ary any Amerika atsimo izay mampisy rà ao anatin'ny fivalanan-drano (*S. mansoni*). Saingy any Azia atsinanana, ny schistosomes mampisy rà ao anatin'ny tay (*S. japonicum*) dia mila fatrany betsaka kokoa (60 mg./kg.):

Omeo in-3 isan'andro mandritra ny iray andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: 1200 hatramin'ny 1500 mg. (vongany 2 hatramin'ny 2 ½)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 600 hatramin'ny 900 mg. (vongany 1 hatramin'ny 1 ½)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 300 mg. (vongany ½)

(Mba hanamaivanana ny voka-dratsiny dia afaka zaraina ho fatrany kely miisa 3 io fatrany lehibe io, omena ao anatin'ny iray andro).

PEJY MAITSO

Metrifonate (Metriphonate, Bilarcil)

Ny metrifonate dia fanafody mora vidy tokoa izay afaka ampiasaina hitsaboana ny schistosomes izay mampisy rà ao anatin'ny fivalanan-drano (*S. hematobium*). Ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana io fanafody io.

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 100 mg.

Fatran'ny metrifonate ho an'ny schistosomes (7.5 hatramin'ny 10 mg./kg. isaky ny fatrany)—vongam-panafody 100 mg.

Omeo fatrany 3 mielanelana tapa-bolana.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 400 hatramin'ny 600 mg. (vongany 4 hatramin'ny 6)

ankizy 6 hatramin'ny 12 taona: 300 mg. (vongany 3)

ankizy 3 hatramin'ny 5 taona: 100 mg. (vongany 1)

Oxamniquine (Vansil, Mansil)

Anarana: _____

Matetika dia miendrika: kapisily misy 250 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Sirao misy 250 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny oxamniquine dia ampiasaina mba hitsaboana ny schistosomes mampisy rà ao anatin'ny tay any Amerika atsimo sy afovoany (*S. mansoni*). (Mba hitsaboana *S. mansoni* hita any Afrika dia ilaina ny fatrany betsaka noho ny voalaza eto. Mitadiava fanampiana eo antoerana.) ity fanafody ity dia tsara hanina aorian'ny sakafo.

TANDREMO: Ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana oxamniquine. Ity fanafody ity dia miteraka fanina, te atory, ary, tsy dia fahita, fanintona. Ny olona voan'ny fanintona dia tsy tokony mihinana oxamniquine raha tsy mihinana fanafody fanintona ihany koa.

Fatran'ny oxamniquine (lehibe: 15 mg./kg./andro; ankizy: 10 mg./kg./in-droa isan'andro)—kapisily 250 mg.

Omena iray andro ihany:

Ho an'ny lehibe, omeo 750 hatramin'ny 1000 mg. (kapisily 3 na 4) amin'ny fatra iray.

Ho an'ny ankizy, omeo ity fatrany manaraka ity in-droa ao anatin'ny andro iray:

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 250 mg. (kapisily 1)

ankizy 4 hatramin'ny 7 taona: 125 mg. (kapisily ½)

ankizy 1 hatramin'ny 3 taona: 63 mg. (kapisily ¼)

FAHAJAMBANA ATERAKY NY KAIKITRY NY ALOILOY (ONCHOCERCIASIS)

Ny fanafody tsara indrindra hitsaboana ny fahajambana ateraky ny kaikitry ny aloiloy dia ny ivermectin. Io fanafody vaovao io dia mamony miadana ny zanaka kankana ary tsy miteraka ny tsy fahazakana mahery vaika ireo fanafody hafa. raha tsy misy ivermectin dia afaka manome ny diethylcarbazine voalohany ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa avy eo dia manome suramin ihany koa.

Ny ivermectin ihany koa dia ilaina be amin'ny fitsaboana ny lagaly sy ny scabies strongyloides (kankana kely dia kely).

Ivermectin (Mectizan, Stromectal)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 3 na 6 mg.

Mba hamaritana ny fatrany tokony ho izy dia lanjao ilay olona na ampiasao ireto fatrany antonony ambany ireto.

TANDREMO: Aza omena ireo zaza milanja latsaky ny 15 kg. (ho an'ny zaza latsaky ny 5 taona), vehivavy mitondra vohoka na mampinono, na olona voan'ny menenizita na aretim-be hafa. Aza misotro zava-pisotro misy alikaola mandritra ny andro vitsy aorian'ny nihinanana ivermectin.

Fatran'ny ivermectin ho an'ny **fahajambana ateraky ny kaikitry ny aloiloy**

Omeo 150 mcg. isaky ny kg, atelina in-1, na mampiasa vongam-panafody 6 mg.:
olon-dehibe mavesatra (mihoatra ny 64 kg.): vongany 2 (12 mg.)
olon-dehibe antonony (45 hatramin'ny 63 kg.): vongany 1 ½ (9 mg.)
olon-dehibe maivana sy ankizy tanora (26 hatramin'ny 44 kg.): vongany 1 (6 mg.)
ankizy (15 hatramin'ny 25 kg.): vongany ½ (3 mg.)

ho an'ny fahajambana ateraky ny kaikitry ny aloiloy, matetika dia ilaina ny fatrany iray hafa 6 volana hatramin'ny 1 taona aty aoriana.

Fatran'ny ivermectin ho an'ny **lagaly na strongyloides**

Omeo 200 mcg. isaky ny kg, atelina in-1, na mampiasa vongany 6 mg.:
olon-dehibe mavesatra (mihoatra ny 64 kg.): vongany 2 ½ (15 mg.)
olon-dehibe antonony (45 hatramin'ny 63 kg.): vongany 2 (12 mg.)
olon-dehibe maivana sy ankizy tanora (26 hatramin'ny 44 kg.): vongany 1 ½ (9 mg.)
ankizy (15 hatramin'ny 25 kg.): vongany 1 (6 mg.)

ho an'ny lagaly, avereno io fatra io aorian'ny 10 hatramin'ny 14 andro.

Diethylcarbazine (Hetzran, Banocide)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 50 na 100 mg.

Ny diethylcarbazine dia mamono ireo zanaka kankana, fa tsy ireo lehibe. Ny fanafody dia tsy tokony ampiasaina raha tsy eo ambany mason'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa. Tsy tokony mihinana diethylcarbazine ny vehivavy mitondra vohoka.

Mba hisorohana fahasimban'ny maso mahery vaika dia zava-dehibe ny manomboka amin'ny fatrany kely. Hano toy izao ny fanafody:

Andro voalohany: ½ mg./kg., in-1 ihany

Andro faharoa: ½ mg./kg., in-2

Andro fahatelo: 1 mg./kg., in-3

Tohizo ny fihinanana 1 mg./kg. in-3 isan'andro mandritra ny 13 andro hafa. (ohatra: ny olona milanja 60 kg. dia mihinana fatra 1 amin'ny 30 mg. ny andro voalohany; 60 mg. amin'ny fatra 2 (30 mg. tsirairay) ny andro faharoa, ary fatra 3 amin'ny 60 mg. tsirairay, isan'andro mandritra ny 14 andro). hano aorian'ny sakafo ny fanafody.

Ny diethylcarbazine dia mety hiteraka tsy fahazakana mahery vaika, izay afaka fehezina amin'ny ampahany amin'ny antihistaminique—na corticosteroids, izay omen'ny mpiasan'ny fahasalamana.

Voka-dratsiny: Ny diethylcarbazine indraindray dia miteraka aretin'andoha, harerahana, tsy fahazotoan-komana, fikorontanan'ny vavony, kohaka, manaintaina ao anaty tratra, fanaintainan'ny hozatra na tonon-taolana, hafanana na fitsovahana.

Suramin (Naphuride, Bayer 205, Antrypol. Germanin)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vovoka atao tsindrona, 1 g. ao anaty tavoahangy kely

Mandaitra kokoa noho ny diethylcarbazine izy io amin'ny famonoana ny kankana lehibe ary tokony ampiasaina aorian'ny fitsaboana miaraka amin'ny diethylcarbazine, rehefa akaiky hijanona ny tsy fahazakana. Ny suramin indraindray dia poizina ho an'ny voa. Raha mivonto ny tongotra na misy trangana fanapoizinana amin'ny fivalanan-drano dia atsaharo ny fampiasana ny fanafody. Ny olona manana olana eo amin'ny voa dia tsy tokony hampiasa azy.

Ny suramin dia tokony atsindrona any anaty lalandrà ary tokony ampiasaina eo ambany fanaraha-mason'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traik'efa. Ho an'ny olon-dehibe, tsindrony suramin 1 g. ao anaty rano voadio 10 ml. **in-draindray isan-kerinandro** mandritra ny 5 hatramin'ny 7 herinandro. Atombohy amin'ny fatrany kely fanandramana 200 mg. Tsaboy amin'ny antihistaminique ny tsy fahazakana.

Antibiotika miendrika menatra fanosotra

ny maso—ho an'ny takodimena (conjunctivitis)

Ohatra ilaina: menaka fanosotra ny maso oxytetracycline, chlortetracycline, na erythromycin

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Ireo ny menaka fanosotra ny maso ireo dia afaka ampiasaina amin'ny takodimena ateraky ny bakteria sy trachoma. Ho an'ny fanasitranana tanteraka ny trachoma, ny tetracycline (p. 355) na erythromycin (p. 354) ihany koa dia tokony hanina. Ny menaka fanosotra ny maso ihany koa dia azo ampiasaina hisorohana ny fivontosan'ny hodi-maso ateraky ny bakteria sy hitsaboana ny fery amin'ny fitara-maso (jereo p. 224).

Mba handairan'ny menaka fanosotra ny maso dia tokony atao ao **anatin'ny** hodi-maso izany, fa tsy ivelany. Ampiasao in-3 na in-4 isan'andro.

Mampiasa menaka fanosotra misy **tetracycline 1%** na **erythromycin 0.5%** **hatramin'ny 1%** mba hiarovana ny mason'ny zazakely vao teraka amin'ny angaboribory sy chlamydia. (Jereo p. 221 ho an'ny fampahalalàna mikasika ny fitsaboana ireo aretin'ny zaza vao teraka). Raha tsy misy antibiotika miendrika menaka fanosotra maso, azo nao atao ny mampiasa **ranona povidone-iodine 2.5%** in-drainy mitete na **ranona silver nitrate 1%** ao anatin'ny maso tsirairay. Ny nitrate d'argent (na ny fanafody maso misy "argent") dia manakana ny fahajambana ateraky ny angaboribory, saingy tsy manakana ny fahajambana ateraky ny chlamydia.

TANDREMO: Aza mampiasa nitrate d'argent atete izay mety lasa madity nohon'ny fandehanan'ny entona—mety handoro ny mason'ny zazakely izany.

HO AN'NY FANAINTAINANA: ODY MANAINTAINA

Fanamarihana: maro karazana ny fanafody ho an'ny fanaintainana, maro amin'izy ireo no mampidi-doza (indrindra ireo misy **dipyron**). Aza mampiasa afa-tsy ireo fantatrao fa azo antoka toy ny **aspirinina**, **acetaminophen (paracetamol)**, na **ibuprofen** (p. 379). Ho an'ny mpanala fanaintainana mahery vaika dia jereo ny **codeine** (p. 383).

Aspirinina (acetylsalicylic acid)

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 300 mg. (voany 5)

Vidiny: _____ ho an'ny _____

75 mg. (voany 1 ¼) vongam-panafody ho an'ny ankizy (na 'aspirinina ho an'ny ankizy)

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny aspirin dia mpanala fanaintainana miasa be, ary mora vidy. Manampy amin'ny fanamaivanana ny fanaintainana izy io, mampidina hafanana, ary mampihena ny firehetana. Manampy kely amin'ny fanamaivanana ny kohaka sy mampihena ny hidihidy ihany koa izy io. Ho an'ny ankizy latsaky ny 12 taona, ny acetaminophen no azo antoka kokoa.

Maro karazana ireo fanafody amidy ho an'ny fanaintainana, aretin'ny vanin-taolana, na sery no misy aspirinina, saingy lafo vidy kokoa izy ireo ary matetika dia tsy mahasitrana noho ny aspirinina.

Ireo loza mety hitranga sy ireo fitandremana:

1. Aza mampiasa aspirinina ho an'ny aretim-bavony na tsy fahavonan-kanina. Ny aspirin dia asidra ary mety vao maika haharatsy ny aretina. Noho io antony io ihany koa, **ireo olona misy fery anaty vavony dia tsy tokony hampiasa aspirinina mihitsy.**
2. Ny aspirinina dia miteraka aretim-bavony eo amin'ny olona sasany. Mba hisorohana izany dia hano miaraka amin'ny ronono, karibonetra kely na rano betsaka—na miaraka amin'ny sakafo.
3. Aza omena mihoatra ny fatrana aspirinina 1 ny olona tsy ampy rano mandrapivalan-dranony tsara.
4. Tsara kokoa ny tsy manome aspirinina ny ankizy latsaky ny 12 taona indrindra ny zazakely (ny acetaminophen no azo antoka kokoa) na ny olona voan'ny asma (mety hampihetsika ny aretina izany).
5. Tehirizo amin'ny toerana tsy takatry ny ankizy ny aspirinina. Hanapoizina azy ireo ny mihinana betsaka.
6. Aza omena ny vehivavy bevohoka.

Fatran'ny aspirinina—ho an'ny fanaintainana na hafanana—vongany 300 mg. (voany 5)

Hano isaky ny 4 hatramin'ny 6 ora (na in-4 hatramin'ny in-6 isan'andro). Aza mihinana mihoatra ny 2400 mg. (vongany 8) isan'andro. Aza omena ny ankizy mihoatra ny in-4 isan'andro.

lehibe: vongany 1 na 2 tablets (300 hatramin'ny 600 mg.) ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: vongany 1 (300 mg.) ankizy 3 hatramin'ny 7 years: vongany ½ (150 mg.) ankizy 1 hatramin'ny 2 taona: vongany ¼ (75 mg.)

(Azo atao ny mampitombo ny fatrany ho an'ny fadim-bolana manaintaina, aretin'ny vanin-taolana mahery vaika na rohana arthritis. Aza manome mihoatra ny 130 mg./kg./andro. Raha manomboka maneno ny sofina dia ampidino ny fatrany).

—vongana 'aspirinina ho an'ny ankizy' 75 mg.

Omeo aspirinina in-4 isan'andro ny ankizy:

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: vongany 4 (300 mg.)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: vongany 2 to 3 (150 hatramin'ny 225 mg.)

children 1 hatramin'ny 2 taona: vongany 1 (75 mg.)

Aza omena aspirinina ny zaza latsaky ny 1 taona

Acetaminophen (paracetamol)—ho an'ny fanaintainana sy hafanana

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 300 hatramin'ny 500 mg., sirao

Ny acetaminophen (paracetamol) dia tsara kokoa ho an'ny ankizy noho ny aspirinina. Tsy miteraka fikorontanany vavony izy io, noho izany dia afaka ampiasain'ny olona misy fery ao anaty vavony. Azon'ny vehivavy mitondra vohoka ampiasaina ihany koa. Saingy tandremo ny fihinanana acetaminophen be loatra—raha be loatra dia lasa manapoizina ny aty.

Fatran'ny acetaminophen— ho an'ny fanaintainana sy hafanana— vongam-panafody 500 mg.

Omeo acetaminophen atelina in-4 isan'andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: 500 mg. hatramin'ny 1 g. (vogany 1 na 2)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 500 mg. (vogany 1)

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 250 mg. (vogany ½)

ankizy 1 year hatramin'ny 2 taona: 125 mg. (vogany ¼)

zaza latsaky ny 1 taona: 62 mg. (vogany ⅛)

Aza manome mihoatra ny 4000 mg. (vogany 8) ao anatin'ny iray andro.

Ibuprofen

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 200 mg. na 400 mg.

Iny ibuprofen dia ampiasaina amin'ny hozatra mivonto sy fanaintainana, fanaintainan'ny tonon-taolana ateraky ny aretin'ny vanin-taolana, fadim-bolana manaintaina, aretin'andoha, ary hampidinana ny hafanana. Lafo kokoa noho ny aspirinina izy io.

TANDREMO: Ny ibuprofen dia tsy tokony hanin'ny olona tsy mahazaka aspirinina. Ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana ibuprofen.

Fatran'ny ibuprofen— ho an'ny fanaintainana sy hafanana —vongam-panafody 200 mg.

Omeo ibuprofen atelina isaky ny 4 hatramin'ny 6 ora.

Hano miaraka amin'ny sakafo na rano amin'ny vera lehibe hatrany io fanafody io.

Isaky ny fatrany:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona:

vongany 200 mg. (vongany 1)

zaza latsaky ny 12 taona: Aza omena.

Raha tsy manala ny fanaintainana na ny hafanana ny vongany iray dia mety mila mampiasa vongany roa. Aza mihinana mihoatra ny vongany 6 ao anatin'ny 24 ora.

Ergotamine miaraka amin'ny kafeina (Cafergot)—ho an'ny marary andoha lava

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody misy ergotamine 1 mg.

Fatran'ny ergotamine misy kafeina ho an'ny marary andoha lava:

lehibe: Mihinana vongany 2 vantany vao mitranga ny famatarana marary andoha lava, avy eo dia vongany 1 isaky ny antsasak'adiny mandrapialan'ny fanaintainana. Saingy aza mihinana mihoatra ny vongany 6 ao anatin'ny 24 ora na vongany 10 isan-kerinandro.

TANDREMO: Aza hanina matetika io fanafody io. Aza mihinana azy io raha mitondra vohoka.

Codeine—ho an'ny fanaintainana mahery vaika—jereo p. 383.

HO AN'NY FANAJANONANA NY FANAINTAINANA REHEFA MANAKATONA FERY: FANADONTOANA

Lidocaine (Lignocaine, Xylocaine)

2 isan-jato (misy na tsy misy epinephrine)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: tavoahangy kely na tavoahangy fasiana tsindrona

Ny lidocaine dia azo tsindronina ny manodidina ny ratra alohan'ny hanjairana azy, mba hanadontoana ilay faritra tsy hanaintaina.

Atsindrona ao anaty sy ao ambanin'ny hoditra amin'ny teboka mielanelana 1sm. Somary sintony ilay fanosehina amohan'ny hanindronana (jereo p. 73). Tsindrony moramora. Mampiasà fandontoana eo amin'ny 1 ml. eo isaky ny 2 sm. ny hoditra. (Aza mampiasa mihoatra ny 20 ml. Indray miaraka.) raha madio ilay ratra dia azonao atao ny manindrona ao anatin'ilay ratra. Raha maloto ilay ratra dia eo ambonin'ny hoditra manodidina ilay ratra no tsindrony (rehefa avy nodiovina) ary avy eo dia **diovy tsara ilay ratra** alohan'ny hanakatonana azy.

Mampiasà lidocaine miaraka amin'ny epinephrine rehefa hanjaitra ny ankabeazan'ny ratra. Ny epinephrine dia mampaharitra ny fahadontoana ary manampy amin'ny fifehazana ny fandehanan'ny rà. Saingy aza ampiasaina amin'ny olona manana olana eo amin'ny fo izany.

Mampiasà lidocaine tsy ampiarahana amin'ny epinephrine rehefa manjaitra ny tataka aorian'ny fiterahana, sy ho an'ny ratra eo amin'ny rantsan-tanana, rantsan-tongotra, filahiana, sofina, ary orona. Zava-dehibe izany satria ny epinephrine dia mety hanajanona ny fandehanan'ny rà amin'ireo faritra ireo ka hampidi-doza.

Fampiasana ny lidocaine miaraka amin'ny epinephrine hafa: **Ho an'ny tevi-doha mahery vaika**, asio kely amin'ny vovon-dandihazo ary asitriho any anatin'ny orona. Ny epinephrine dia hanery ny lalan-drà hikatoana ary hanampy amin'ny fifehezana ny fandehanan-drà.

HO AN'NY FIKAINKON'NY TSINAY:
ANTISPASMODIQUE

Belladonna (misy na tsy misy phenobarbital)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody misy belladonna 8 mg.

Maro karazana ny fanomanana *antispasmodique*. Ny ankabeazany dia misy belladonna na zavatra mitovy aminy (atropine, hyoscyamine) ary matetika dia phenobarbital (phenobarbitone). Tsy tokony ampiasaina matetika ireo fanafody ireo, saingy afaka ampiasaina indraindray hitsaboana fanaintainana na fikainkon'ny vavony na tsinay. Mety hanampy amin'ny fampitoniana ny fanaintainana ateraky ny aretin'ny tatavia sy ny afero ihany koa. Indraindray izy ireo dia manampy amin'ny fitsaboana ny fery.

Fatra ho an'ny belladonna—ho an'ny fikainkon'ny tsinay—vongam-panafody belladonna 8 mg.
lehibe: vongany 1, in-3 hatramin'ny in-6 isan'andro
ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: vongany 1, in-2 na in-3 isan'andro
ankizy 5 hatramin'ny 7 taona: vongany ½, in-2 na in-3 isan'andro
aza omen any ankizy latsaky ny 5 taona

TANDREMO: Ireo fanafody ireo dia poizina raha betsaka no hanina. Aza atao amin'ny toerana takatry ny zaza.

Ny olona voan'ny areti-maso mitarika fihenany ny taham-pahitana dia tsy tokony mihinana fanafody misy belladonna na atropine.

PEJY MAITSO

HO AN'NY TSY FAHALEVONAN-KANINA,
VAVONY MAMAIVAY, ARY FERY AO ANATY
VAVONY

Aluminum hydroxide na magnesium hydroxide (Ronono Magnesia)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 500 hatramin'ny 750 mg., na fangaro misy 300 hatramin'ny 500 mg. Ao anatin'ny 5 ml.

Matetika izy ireo dia afangaro miaraka na ampiarahaa amin'ny magnesium trisilicate. Raha ampiana simethicone dia manampy amin'ny fifehezana ny rivotra.

Ireo antacid ireo dia afaka ampiasaina tsindraindray ho an'ny tsy fahalevonan-kanina na vavony mamaivay na atao anisan'ireo fanafody hitsaboana ny fery ao anaty vavony (fandevonan-kanina). Ny fotoana tsara indrindra hihinana ny antacid dia 1 ora aorian'ny sakafa sy alohan'ny hatory. Tsakoy ny vongany 2 na 3. Ho an'ny fery ao anaty vavony mahery vaika, mety ilaina ny mihinana vongany 3 hatramin'ny 6 (na sotrokely) isan'ora.

TANDREMO: Aza mampiasa ireo fanafody ireo raha mihinana tetracycline ianao. Ny antacid misy magnesium indraindray dia mampivalana, ary ireo misy aluminum dia mampitohana.

Ny sodium bicarbonate (karibonetra)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Dia miendrika vovoka fotsy

Amin'ny maha antacid azy dia tsy maintsy ferana ny fampiasana azy, rehefa misy fikorontanana ny vavonin'ny olona iray, miaraka amin'ny 'vavony mamaivay' na tsy fahalevonan-kanina. **Tsy tokony ampiasaina amin'ny fitsaboana ny tsy fahalevonan-kanina maharitra na fery ao anatin'ny vavony (fandevonan-kanina).** Na dia toa mandaitra aza izany amin'ny voalohany, vao maika hahatonga ny vavony hamoaka asidra betsaka izany, izay haharatsy kokoa ny zava-mitranga afaka vetivety. Ny 'karibonetra' ihany koa dia ilaina ho an'ny olona 'makafoka' avy nisotro toaka be loatra ny alina. Noho io antony io (fa tsy ho an'ny tsy fandevonan-kanina) dia azo atao ny mihinana azy miaraka amin'ny acetaminophen na aspirinina. Ny Alka-Seltzer dia fitambaran'ny karibonetra sy aspirinina. Mba hampiasainao **indraindray** atao antacid dia afangaroy amin'ny rano ny karibonetra ½ sotrokely ary sotroy. Aza atao fanao.

Mba hanadiovana nify, ny karibonetra na fangaro 'karibonetra' sy sira dia afaka asolo ny paty fanadiovana nify (jereo p. 230).

TANDREMO: **Ny olona manana olana eo amin'ny fo (harerahana) na fivontosana eo amin'ny tongotra na ny tarehy dia tsy tokony tsy mihinana sodium bicarbonate na vokatry betsaka sodium bicarbonate (toy ny sira).**

Calcium carbonate

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: vongam-panafody 350
 hatramin'ny 850 mg.

Miasa miadana kokoa noho ny sodium bicarbonate izy io. Mandaitra be ho an'ny tsy fahalevonan-kanina na vavony mamaivay izy indraindray, saingy tsy tokony ampiasaina maharitra na ho an'ny fitsaboana ny fery anaty vavony. Tsakoy ny vongany 850 mg. iray na vongany 350 mg. roar aha misy famantarana. Mihinana fatra iray 2 ora aoriana raha ilaina.

Omeprazole (Prilosec)

Name: _____
 Matetika dia miendrika:
 Vovoka ho an'ny rano sotroina: fonosana 20 sy 40 mg.

vidiny: _____ ho an'ny _____
 Kapisily: 10 mg., 20 mg., sy 40 mg.
 vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny omeprazole dia mampitony ny fanaintanana ary manampy ny fery ho sitrana. Saingy raha hamono ny bakteria izay miteraka ny fery dia ampiasao miaraka amin'ny antibiotika 2 ny omeprazole: na amoxicillin na tetracycline; sy metronidazole. Araho tsara ny torohevitra ao anatin'ny p. 128 sy 129 mba hitsaboana sy hisorohana ny fery.

Fatran'ny omeprazole ho an'ny fitsaboana ny fery:
 40 mg. in-drain isan'andro mandritra ny 10
 hatramin'ny 14 andro

Ranitidine (Zantac)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: vongam-panafody 150 mg.
 na 300 mg.

Ny ranitidine dia mampitony ny fanaintanana sy manampy ny fery ho. Saingy raha hamono ny bakteria izay miteraka ny fery dia ampiasao miaraka amin'ny antibiotika 2 ny ranitidine : na amoxicillin na tetracycline; sy metronidazole. Araho tsara ny torohevitra ao anatin'ny p. 128 sy 129 mba hitsaboana sy hisorohana ny fery.

Fatran'ny ranitidine ho an'ny fitsaboana ny fery:
 150 mg. in-droa isan'andro, na
 300 mg. rehefa misakafo
 hariva, mandritra ny erinandro.

**HO AN'NY ARETIM-PIVALANANA MAHERY
 VAIKA SY TSY FAHAMPIAN-DRANO: ZAVA-
 PISOTRO FAMERENAN-DRANO, 'ORS', SY ZINC**

Ireo toromarika fanamboarana Zava-pisotro Famerenan-drano miaraka amin'ny serealy na siramamy tsootra dia hita ao amin'ny pejy 152.

Amin'ny faritra sasany, ny siramamy anaty fonosana tsootra (glucose) sy sira hanamboarana zava-pisotro Famerenan-drano dia amidy eny amin'ny mpivarotra mahazatra na hita eny amin'ny tobim-pitsaboana. Na dia mora ampiasaina aza ireo fonosana ireo dia atoro ao amin'ny pejy 152 ny fomba fanamboarana fangaro amin'ny alalan'ny fampiasana serealy na siramamy sy sira kely izay miady tsara na tsara kokoa amin'ny aretim-pivalanana. Tsara kokoa ny manamboatra ny fangaro ao an-trano ary mampiasa ilay vola nangoninao amin'ny sakafo betsaka sy tsara kokoa.

Tohizo hatrany ny fanomezana nono ny zazakely voan'ny aretim-pivalanana. Ary **atombohy ny fanomezana sakafo vantany vao manaiky hihinana ny zaza marary**. Ny manome sakafo miaraka amin'ny Zava-pisotro Famerenan-drano dia miady amin'ny aretim-pivalanana amin'ny fomba mahomby kokoa ary miaro ilay zaza tsy hihareraka. Ny fanomezana zinc hanampiana ny Zava-pisotro Famerenan-drano ihany koa dia mety hanampy ireo zaza voan'ny aretim-pivalanana mahery vaika ho sitrana haingana (jereo eto ambany).

TANDREMO: Amin'ny faritra sasany, ny fonosana 'ORS' (*oral rehydration salts* - sira famerenan-drano atelina) dia amidy amin'ny endrika fanomanana maro izay mila fatrana rano isan-karazany mba ho marina tsara ny fanomanana. **Raha mampiasa fonosana ORS dia fantaro tsara ny fatran'ny rano afangaro azy**. Ny rano kely loatra dia mety hampidi-doza.

TANDREMO: Raha mieritreritra ny hitondra ny ankizy voan'ny aretim-pivalanana eny amin'ny tobim-pahasalamana na hopitaly ianao dia omeo rano betsaka hatrany izy, ary raha azo atao dia zava-pisotro famerenan-drano namboarina tao an-trano omena azy alohan'ny hialana ao an-trano. Ary raha azonao atao dia ento manaraka anao ilay zava-pisotro (na raha tsy misy hafa dia rano tsootra), mba hanomezana ilay zaza eny an-dalana mankany amin'ny tobim-pahasalamana sy mandritran'ny fiandrasana ny anjaranareo. Omeo ilay zava-pisotro matetika arak' izay azony sotroina ilay zaza. Raha mandoa ilay zaza dia omeo kely isaky ny iray minitra. Ny ampahany amin'ilay zava-pisotro dia hijanona ao anatin'ny iray hanampy hampihena ny fandoavana ihany koa izany.

Zinc

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika vongam-panafody 5 mg., 10 mg, sy 20 mg., tsindrona 1 mg. ao anatin'ny 1 ml., 5 mg. ao anatin'ny 1 ml., ary 10 mg. ao anatin'ny 2 ml.
 ranony 10 mg. isaky ny unit

Ny fanomezana zinc miaraka amin'ny zava-pisotro famerenan-drano sy sakafo dia manampy ny zaza voan'ny aretim-pivalanana ho sitrana haingana. Ny vongana zinc dia afaka totoina ary afangaro amin'ny nono na rano kely.

Fatran'ny: Omeo zinc in-drain isan'andro mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro. Isaky ny fatran'ny zazakely mihoatra ny 6 volana: 20 mg. zazakely latsaky ny 6 volana: 10 mg.

HO AN'NY FAHAMAFISAN'NY TAY (MITOHANA): FAMPIVALANANA

Ny resaka mikasika ny fampiasana sy ny fampiasana amin'ny fomba tsy mety ny fampivalanana samihafa sy ny fanadiovana ny ao anaty dia hita ao amin'ny pejy 15. Ny fampivalanana dia diso hampiasaina be loatra. Tokony **tsindraindray** ihany izy io no ampiasaina mba hanalefahana ny tay mafy sy marary (mitohana). **Aza omena fampivalanana mihitsy ny olona voan'ny aretim-pivalanana na aretin'ny tsinay na tsy ampy rano.** Aza omena fampivalanana ny zaza madinika latsaky ny 2 taona.

Amin'ny ankapobeny, ny mpanalefaka ny tay tsara indrindra dia ny sakafo be fibra toy ny saonjo sy ny mangahazo. Ny fisotroana rano betsaka (farafahakeliny rano 8 vera isan'andro) ary ny fihinanana voankazo betsaka ihany koa dia manampy.

Ronono magnesia (magnesium hydroxide)— Mpampivalana sy antacid

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
matetika dia miendrika rano toy ny ronono

Ahontsano tsara alohan'ny hisotroana azy.
Misotroa rano isaky ny mihinana azy.

Fatran'ny ronono magnesia:

Ho an'ny antacid:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona:
1 hatramin'ny 3 sotrokely in-3 na in-4 isan'andro
ankizy 1 hatramin'ny 12 taona: ½ hatramin'ny
1 sotrokely in-3 na in-4 isan'andro

Ho an'ny fampivalanana malefaka dia omeo
fatra 1 alohan'ny hatory:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona: 2
hatramin'ny 4 sotrokely
ankizy 6 hatramin'ny 11 taona: 1 hatramin'ny 2
sotrokely
ankizy 2 to 5 taona: ⅓ hatramin'ny 1 sotrokely
aza omena ny zaza latsaky ny 2 taona

PEJY MAITSO

Sira Epsom (magnesium sulfate)—atao fampivalanana na ho an'ny hidihidy

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika vovoka fotsy na vato
Fatra ho an'ny sira Epsom:

Atao fampivalanana malefaka—afangaroy
amin'ny rano iray vera ny fatran'ny sira Epsom
manaraka ary sotroina (tsara raha tsy misy na inona
na inona ao anaty vavony no misotro azy):

lehibe: 2 sotrokely

ankizy 6 hatramin'ny 12 taona: ½ hatramin'ny 1
sotrokely

ankizy 2 hatramin'ny 6 taona: ¼ hatramin'ny ½ sotrokely
aza omena any zaza latsaky ny 2 taona

Hanampiana amin'ny fanalàna hidihidy—
afangaroy amin'ny rano iray litatra ny sira Epsom 8
sotrokely ary apetraho eo amin'ilay hoditra
mangidihidy toy ny fanakonam-pery.

Menaka mineraly—atao fampivalanana

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
izy io matetika dia hanin'ny olona voan'ny kitso ka
mafy tay sy manaintaina. Na izany aza dia tsy tena
mampalemy ny tay izy io fa mampalama azy fotsiny
ihany. Ny sakafo be fibra toy ny saonjo sy
mangahazo dia tsara lavitra kokoa.

Fatra ho an'ny menaka mineraly atao
fampivalanana:

lehibe sy ankizy 12 taona no mihoatra:
1 hatramin'ny 3 sotrokely atelina farafahakeliny 1
ora aorian'ny sakafo hariva. Aza hanina miaraka
amin'ny sakafo satria ho lanin'ilay menaka ireo vitamna ao
anatin'ny sakafo.

TANDREMO: Aza omena ny zaza latsaky ny 12 taona,
vehivavy mitondra vohoka na mampinono, olona tsy
afaka mitsangana ao am-pandriana, na olona
manana olana eo amin'ny fitelemanana sakafo.

Glycerine alefa any anaty lava-body

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
izy ireo dia pilina toy ny bala isay alefa any anaty
lava-body. Mampihetsika ny tsinay izy io ary
mahatonga izany hanosika ny tay hivoaka.

Fatran'ny glycerine alefa any anaty lava-body:

lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona:

alefaso 1 any anaty lava-body ary avelao
hipetraka ao mandritra ny 15 hatramin'ny 30
minitra (manampy ny mitsotra kely). Rehefa lava
ny fotoan ametrahanao ilay fanafody ao anatin'ny
lava-body dia azo antoka ny fandairany.

HO AN'NY ARETIN-PIVALANANA MALEFAKA: FANAFODY MIADY AMIN'NY ARETIM- PIVALANANA

Kaolin misy pectin (Kaopectate)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika fangaro toy ronono

Izy io dia afaka ampiasaina hanamafy ny fivalanana (tsy ho be rano loatra) ary tsy hanelingelina. **Tsy manasitrana ny anton'ny aretim-pivalanana izy io ary tsy manampy amin'ny fisorohana na fitsaboana ny tsy fahampian-drano.** Tsy ilaina amin'ny fitsaboana ny aretim-pivalanana mihitsy izy io, ary fandanium-bola fotsiny ny fampiasana azy io matetika. **Tsy tokony omena ireo olona marary be na zaza madinika izy io. NY ANTONY HAMETRAHANAY AZY ATO DIA NY MBA HAMPITANDREMANA ANAREO MIKASIKA NY FAMPIASANA AZY.** Ho an'ny olona voan'ny VIH, jereo ny fampahalalana mikasika ny cotrimoxazole (pejy 358).

Fatran'ny kaolin misy pectin, ho an'ny fivalanana malefaka—mampiasa fangaro mahazatra toy ny Kaopectate

Omeo fatra 1 isaky ny avy mangery, na in-4 na in-5 isan'andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 2 hatramin'ny 8 sotrokely

ankizy 6 hatramin'ny 12 taoka: 1 hatramin'ny 2 sotrokely

ankizy latsaky ny 6 taona: AZA OMENA

HO AN'NY ORONA TSENTSINA

Mba hanokafana ny orona tsentsina, matetika dia tsy mila afa-tsy mitroka ranon-tsira kely amin'ny orona, toy ny natoro ao amin'ny pejy 164. Indraindray dia ilaina ny mpanala tsentsina atete, toy izao manaraka izao:

Fanafody atete anaty orona misy ephedrine na phenylephrine (Neo-Synephrine)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
afaka ampiasaina amin'ny orona 'tsentsina' na 'mitsy lelo', indrindra raha voan'ny otrikaretina ao anatin'ny sofina (na matetika voa).

Fatran'ny mpanala tsentsina atete anaty orona: Asio in-1 na in-2 mitete ao anatin'ny orona, toy ny aseho ao amin'ny pejy 164. Ataovy in-4 isan'andro izany. **aza ampiasaina mihoatra ny 3 andro** na aza mizatra mampiasa ireny fanafody atete ireny.

Raha hanamboatra fanafody atete anaty orona amin'ny vongana ephedrine, levony ao anaty rano 1 sotrokely ny vongany 1 tablet.

HO AN'NY KOHAKA

Ny kohaka dia entin'ny vatana hanadiovana ny fantsona mpitonddra rivotra mankany amin'ny avokavoka sy misoroka ny mikraoba sy ny rehoka izay ao anatin'ny fantson-drivotra tsy hankany amin'ny avokavoka. Satria ny kohaka dia anisan'ny fiarovana ho an'ny vatana, ireo fanafody izay natao hampitsahatra ny kohaka indraindray dia manimba fa tsy mahatsara. Ireo **mpampitony kohaka** (na mpanala kohaka) dia tsy tokony ampiasaina raha tsy amin'ny kohaka manelingelina sy maina izay tsy mamela ny olona iray hatory fotsiny ihany. Misy fanafody hafa antsoina hoe **mpanampy ny kohaka** (na mpanala rehoka), izay natao hanamora ny fanalana ny rehoka.

Ny tena marina, ireo karazana sirô roa ireo (mpampitony kohaka sy mpanampy ny kohaka) dia diso ampiasaina be loatra nefa tsy voatery ilaina. Ny ankabeazan'ireo sirao malaza dia tsy tena mandaitra na tsy mahatsara ary fandanium-bola fotsiny.

Ny fanafody kohaka tsara sy lehibe indrindra dia ny rano. Ny fisotroana rano betsaka sy ny fievohana amin'ny rano mamay dia manalefaka ny rehoka dia manampy amin'ny fampitoniana ny kohaka be kokoa noho ny sirô miady amin'ny kohaka. Ho an'ny toromarika dia jereo ny pejy 168. Misy toromarika mikasika ny sirô amboarina ao an-trano ihany koa ao amin'ny pejy 169.

Mpampitony kohaka (mpanala kohaka): codeine

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: sirao na rano ho an'ny kohaka. Miendrika vongam-panafody 30 mg. na 60 mg ihany koa ary misy na tsy misy aspirinina na acetaminophen.

Ny Codeine dia mpanala fanaintainana matanjaka ary anisan'ireo mpampitony kohaka matanjaka saingy mitarika fiankinan-doha izy io (narcotic) dia mety ho sarotra azo. Matetika izy io dia miendrika sirao ho an'ny kohaka mifangaro na vongam-panafody. Ho an'ny fatrany, araho ireo toromarika izay miaraka amin'ny fanomanana. Kely kokoa ny ilaina amin'ny fampitoniana ny kohana noho ny fifehezana fanaintainana. **Mba hampitoniana ny kohaka** eo amin'ny lehibe dia codeine 7 hatramin'ny 15 mg. ihany matetika dia ampy. Ny zaza dia tokony omena kely kokoa, arakaraky ny taonany na ny lanjany (jereo p. 62). **Ho an'ny fanaintainana mahery vaika**, ny lehibe dia afaka mihinana codeine 30 hatramin'ny 60 mg. isaky ny 4 ora.

TANDREMO: Ny codeine dia miteraka fiankinan-doha (narcotic). Ampiasao mandritra ny andro vitsy ihany.

HO AN'NY ASMA

Mba hisorohana sy hifehezana tsara ny asma dia jereo ny pejy 167. Ireo olona voan'ny asma dia tokony mitahiry fanafody asma ao an-trano. Atombohy ny fampiasana azy vao mitranga ny famantarana fahasemporana na fahateren'ny tratra.

Salbutamol (Albuterol)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: "Fitaovam-pifohana rivotra" hanampy amin'ny fifohana rivotra (100 msg. isaky ny in-drain misintona); sirô misy 2 mg. ao anatin'ny 5 ml.

MBA HAMPITONY SY HISOROHANA NY FIHETSEHAN'NY ASMA

Fatra ho an'ny fitaovam-pifohana rivotra salbutamol:

Raha maneno kely ny tratra, mifoha 1 hatramin'ny 2, isaky ny 4 hatramin'ny 6 ora mandrapitsahat'ily maneno. Mampiasà betsaka kokoa raha miharatsy ilay maneno.

Ho an'ny fampiharana ho an'ny olona voan'ny asma, atomboka ½ ora mialoha, misintona in-2 isaky ny 15 hatramin'ny 30 minitra.

Ho an'ny vonjy taitra, misintona 2 hatramin'ny 4 isaky ny 20 minitra.

Fatra ho an'ny ranona salbutamol atelina:

2 mg. ho an'ny 5 ml.

lehibe: 10 ml. in-3 isan'andro

ankizy: 1 hatramin'ny 12 taona: 5 ml. in-3 isan'andro

ankizy: 2 ½ ml. in-3 isan'andro

Raha mampiasa salbutamol matetika loatra ianao dia lasa ho zatra izany ny vatanao ka mila hatombo ny fatrany ary tsy handaitra tsara intsony izany. ho an'ny olona taizan'ny asma, zava-dehibe ny mampiasa fitaovam-pifohana rivotra mifehy ny asma (beclomethasone) matetika ary tsy dia mampiasa salbutamol firy.

Raha mitondra vohoka ianao dia tsara kokoa ny mifehy sy mitsabo ny asma noho ny ihetsehany. Ny salbutamol dia afaka ampiasaina na dia mampinono aza ianao, saingy ataovy faran'izay kely azo atao.

Ny salbutamol dia mety hiteraka fangovitana, tebteby, fanina, fidoboky ny fo haingana be ry aretin'andoha. Ny ranony dia miteraka aretim-bavony sy fandoavana.

Raha voan'ny asma sy olana eo amin'ny fo ianao dia aza mihinana fanafody "*Beta Blocker*" (mifehy ny fidoboky ny fo, ny tosi-drà...) toy ny Atenolol, Metoprolol, Propranolol na izay fanafody fo miafara amin'ny "olol" raha tsy nanontany mialoha ny dokotera.

PEJY MAITSO**Beclomethasone**

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: Fitaovam-pifohana rivotra "Mpifehy" ny fifohana rivotra (50 na 250 mcg. Isaky ny misintona)

Ny fanafody steroid ho an'ny asma izay mampihena ny fivontosan'ny lalan-drivotra mankany amin'ny avokavoka sy misoroka ny fihetsehany.

Fatran'ny Fitaovam-pifohana rivotra beclomethasone

Ho an'ny ankizy sy ny lehibe:

Misintona in-2 hatramin'ny 4 amin'ilay fitaovam-pifohana rivotra 50 msg. isan'andro. Raha mampiasa ilay fitaovam-pifohana rivotra 50 msg. ka misintona mihoatra ny in-4 in-droa isan'andro, mora vidy kokoa izany ary mandaitra kokoa noho ny misintona in-1 hatramin'ny in-2 amin'ny fitaovam-pifohana rivotra 250 msg.

Tsara ny misintona ny beclomethasone aorian'ny avy nampiasa salbutamol satria ny salbutamol dia hanokatra ny lalan-drivotra ka ho mora kokoa ny hisintonany ny beclomethasone.

Ny beclomethasone dia tsy manasitrana asma, saingy manampy amin'ny fisorohana ny fihetsehan'ny asma raha ampiasaina isan'andro. hanomboka habita fihatsarana ianao ao anatin'ny 3 hatramin'ny 7 andro nampiasana azy.

Raha mitondra vohoka ianao dia tsara kokoa ny mifehy sy mitsabo ny asma noho ny ihetsehany. Ny beclomethasone dia afaka ampiasaina na dia mampinono aza ianao, saingy ataovy faran'izay kely azo atao.

Raha misy fanaviana na candida ao anaty vava (jereo p. 232), dia tsaboy amin'ny nystatin na miconozole (jereo p. 372). Mampiasà mpanelanelana ary kobano ny vavanao isaky ny avy manao ny fitsaboana.

Mampiasa mpanelanelana ho an'ny fitaovam-pifohana rivotra. Raha tsy mampiasa mpanelanelana ianao dia hijanona eo amin'ny lelanao sy ny tendanao ny ankabeazan'ny fanafody fa tsy hankany amin'ny havokavoka izay tena mila azy indrindra. Ny fakana rivotra lalina amin'ilay mpanelanelana dia hanampy ny fanafody handeha any anatin'ny avokavoka. Raha tsy manana mpanelanelana miaraka amin'ilay fitaovam-pifohana rivotra ianao dia ireto misy fomba 2 hanamboarana izany:

1) Atambaro ny vavan'ny kaopy plastika roa. Asio lavaka kely ho an'ilay fitaovam-pifohana rivotra eo amin'ny vodiny iray ary lavaka lehibe kokoa ho an'ny vavanao eo amin'ny vodiny ilany.

2) Asio lavaka lehibe ho an'ny vavanao amin'ny vodiny tavoahangy soda plastika. Ataovy amin'ilay lohan'ny tavoahangy ilany ilay fitaovam-pifohana rivotra



Prednisolone na prednisone

Name: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody 5 mg., 25 mg., sy halehibeny hafa
vidiny: _____ ho an'ny _____

ranony 5 mg./ml.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny prednisolone sy prednisone dia corticosteroids, fanafody miady amin'ny fivontosana matanjaka, izay manampy amin'ny fitsaboana ny asma.

TANDREMO: Ny prednisolone sy prednisone dia tsy tokony ampiasaina afa-tsy amin'ny fihetsehan'ny asma mahery vaika. Ny corticosteroids dia mety hanana voka-dratsiny mahery vaika, indrindra raha ampiasaina mihoatra ny tapa-bolana. Izy io koa dia mampihena ny fiarovany olona amin'ny otrikaretina, hampitebiteby, ary tsy mampahita tory.

Fatra ho an'ny prednisolone sy prednisone ho an'ny asma mahery vaika.

Omeo eo no ho eo n y fatra voalohany, avy eo dia hano in-3 hatramin'ny im-7 isan'andro. Isaky ny fatrany:

Lehibe sy ankizy mihoatra ny 8 taona: 30 hatramin'ny 60 mg.

ankizy 3 hatramin'ny 7 taona: 20 hatramin'ny 40 mg.

zaza latsaky ny 3 taona: 10 hatramin'ny 20 mg. aza manome mihoatra ny 60 mg. isan'andro.

Epinephrine (adrenaline, Adrenalin)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: tavoahangy kely 1 mg. inao anatin'ny 1 ml.

Ny epinephrine dia tokony ampiasaina amin'ny:

- fihetsehana asma mahery vaika** raha misy olana amin'ny fisefoana ka tsy misy ireo fanafody hafa.
- tsy fahazakana mahery vaika** na tohana ateraky ny tsindrona penicillin, antitoxin ho an'ny tetanosy, na antitoxins hafa vita avy amin'ny serôma avy amin'ny soavaly (jereo p. 70).

Fatran'ny epinephrine ho an'ny **asma**—mampiasa tavoahangy kely 1 mg. ao anatin'ny ranony 1 ml.—

Voalohany dia isao ny fidoboky ny fo. Avy eo dia tsindrony eo ambanin'ny hoditra:

lehibe: $\frac{1}{3}$ ml.



ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: $\frac{1}{5}$ ml. ankizy 1 hatramin'ny 6 taona: $\frac{1}{10}$ ml.

zaza latsaky ny 1 taona: AZA OMENA

Azonao atao ny mamerina ny fatra izaky ny $\frac{1}{2}$ ora raha ilaina, hatramin'ny in-3.

Fatran'ny epinephrine ho an'ny **tohana**—mampiasa tavoahangy kely 1 mg. ao anatin'ny ranony 1 ml. —

Tsindrony any anaty hozatra: lehibe: $\frac{1}{2}$ ml.

ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: $\frac{1}{3}$ ml.

ankizy 1 hatramin'ny 6 taona: $\frac{1}{4}$ ml.

zaza latsaky ny 1 taona: AZA OMENA

raha ilaina dia azo atao ny manome fatra fanindronany aorian'ny antsasak'adiny, ary fatra fanin-telony aorian'ny antsasak'adiny. Aza manome mihoatra ny fatrany 3. Raha mitombo 30 isa-minitra ny fitempon'ny fo aorian'ny fanindronana dia aza manome fatra hafa intsony.

Rehefa manome epinephrinedia tandremo tsara tsy hanome fatra mihoatra ny natoro.**HO AN'NY TSY FAHAZAKANA SY****FANDOAVANA: NY ANTIHISTAMINIQUE**

Ny antihistaminique dia fanafody manana fiantraikany eo amin'ny vatana amin'ny fomba maro:

- Afaka manampy amin'ny fampitoniana na fisorohana ny tsy fahazakana, toy ny firehetana na mibontsin-drano mangidihidy eo amin'ny hoditra, tandomerina, tsy fahazakana rivotra, ary tohana.
- Manampy amin'ny fisorohana ny tsy fahazakana mandeha lavitra na fandoavana.
- Matetika izy ireo dia miteraka torimaso (mampatory). Fadio ny manao asa mampidoza, mampiasa milina, na misotro alikaola rehefa mihinana antihistaminiques.

Ny promethazine (Phenergan) sy diphenhydramine

(Benadryl) dia antihistaminique matanjaka izay miteraka torimaso be. **Ny dimenhydrinate** (Dramamine) dia mitovy amin'ny diphenhydramine ary matetika ampiasaina amin'ny tsy fahazakana mandeha lavitra. Na izany aza, ho an'ny fandoavana avy amin'ny antony hafa dia matetika mandaitra kokoa ny promethazine.

Ny chlorpheniramine dia antihistaminique mora vidy kokoa ary tsy dia mampatory. Noho izany antony izany, tsara kokoa ny mampiasa chlorpheniramine mba hampitoniana ny ny hidihidy mandritra ny andro. Ny promethazine dia tsara kokoa amin'ny alina satria mampatory sady mampitony ny hidihidy.

Tsy misy porofo fa ny antihistaminiques dia mandaitra amin'ny sery. Ampiasaina be loatra amin'ny tsy tokony ho izy ireny. Tsy tokony ampiasaina be.

Ny antihistaminiques dia **tsy** tokony ampiasaina amin'ny asma, satria vao maika manatevina rehoka ary hanasarotra ny fifohana rivotra.

Ny antihistaminique iray ihany no ilaina ao anatin'ny boaty misy ny tahirim-panafody sy fitaovampitsaboana. Ny promethazine no safidy tsara. Satria tsy fahita matetikaizy io, omena fatrana antihistaminique hafa ihany koa.

Amin'ny fitsipika ankapobeny, ny **antihistaminiques dia tsara raha atelina**. Ny tsindrona dia tsy tokony ilaina raha tsy hifehezana ny fandoavana mahery vaika na alohan'ny hanomezana antitoxins (ho an'ny tetanosy, kaikitry ny bibilava, sns.) raha mety hisy trangana tohana mahery vaika. Ho an'ny ankizy, tsara raha fanafody alefa any anaty lava-body no omena.

Promethazine (Phenergan)

Name: _____

Matetika dia miendrika:

Vongam-panafody 12.5 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

tsindrona—tavoahangy kely 25 mg. ao anatin'ny 1 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Fanafody alefa any anaty lava-body 12.5 mg., 25 mg., ary 50 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

TANDREMO: Aza omen any zaza latsaky ny 2 taona. Ny vehivavy bevohoka na mampinono dia tsy tokony mampiasa promethazine raha tsy tena ilaina.

Fatran'ny promethazine (1 mg./kg./andro)

—mampiasa vongam-panafody 12.5 mg.— Omena atelina in-2 isan'andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 25 hatramin'ny 50 mg. (vongany 2 hatramin'ny 4)

ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: 12.5 hatramin'ny 25 mg. (vongany 1 hatramin'ny 2)

ankizy 2 hatramin'ny 6 years: 6 hatramin'ny 12 mg. (vongany ½ hatramin'ny 1)

zaza 1 taona: 4 mg. (vongany ⅓)

zaza latsaky ny 1 taona: 3 mg. (vongany ¼)

—mampiasa tsindrona alefa any anaty hozatra (intramusculaire (IM), 25 mg. ao anatin'ny ml.— Tsindrony in-drain, avy eo dia ampiana ao anatin'ny 2 hatramin'ny 4 ora raha ilaina.

Ao anatin'ny fatra 1 dia tsindrony:

lehibe: 25 hatramin'ny 50 mg. (1 hatramin'ny 2 ml.)

ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: 12.5 hatramin'ny 25 mg. (½ hatramin'ny 1 ml.)

ankizy latsaky ny 7 taona: 6 hatramin'ny 12 mg. (¼ hatramin'ny ½ ml.)

zaza latsaky ny 1 taona: 2.5 mg. (0.1 ml.)

—mampiasa fanafody alefa any anaty lava-body 25 mg.—

Alefaso any anaty lava-body ary avereno ao anatin'ny 4 hatramin'ny 6 ora raha ilaina.

Isaky ny fatrany:

Lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona: 25 mg.

(fanafody alefa anaty lava-body 1)

ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: 12.5 mg.

(fanafody alefa anaty lava-body ½)

ankizy 2 hatramin'ny 6 taona: 6 mg.

(fanafody alefa anaty lava-body ¼)

Diphenhydramine (Benadryl)

Name: _____

Matetika dia miendrika:

kapisily 25 mg. sy 50 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

tsindrona: tavoahangy kely 10 mg. na 50 mg. isaky ny ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

PEJY MAITSO

CAUTION: Aza omena diphenhydramine ny zaza vao teraka na ny vehivavy mampinono. Tsara ny tsy mampiasa diphenhydramine rehefa mitondra vohoka raha tsy tena ilaina.

Fatran'ny diphenhydramine (5 mg./kg./andro)—mampiasa kapisily 25 mg.—

Omeo in-3 hatramin'ny in-4 isan'andro:

lehibe: 25 hatramin'ny 50 mg. (kapisily 1 na 2)

ankizy 8 hatramin'ny 12 taona: 25 mg. (kapisily 1)

ankizy 2 hatramin'ny 7 taona: 12.5 mg. (kapisily ½)

zazakely: 6 mg. (kapisily ¼)

—mampiasa tsindrona alefa any anaty hozatra (intramusculaire (IM), 50 mg. isaky ny ml.—

Ny diphenhydramine dia tsy tokony atsindrona raha tsy sendran'ny tohana mahery vaika. Atsindrony in-drain, ary avy eo dia averina afaka 2 na 4 ora raha ilaina:

lehibe: 25 hatramin'ny 50 mg. (½ hatramin'ny 1 ml.)

ankizy: 10 hatramin'ny 25 mg., arakaraky ny halehibeny (⅓ hatramin'ny ½ ml.)

zazakely: 5 mg. (⅓ ml.)

Chlorpheniramine

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 4 mg.

(vongam-panafody hafa halehibe, sirô, sns. ihany koa)

Fatran'ny chlorpheniramine:

Hano ny fatrany 1 in-3 na in-4 isan'andro. Isaky ny fatrany:

lehibe: 4 mg. (vongany 1)

ankizy latsaky ny 12 taona: 2 mg. (vongany ½)

zazakely: 1 mg. (vongany ¼)

Dimenhydrinate (Dramamine)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika: vongam-panafody 50 mg.;

sirao misy 12.5 mg. isaky ny sotrokely ihany koa;

fanafody alefa anaty lava-body ihany koa

Amidy ho an'ny tsy fahazakana lalana izy io, saingy azo ampiasaina toy ny antihistaminique hafa hampitony ny tohana sy hampatory.

Fatran'ny dimenhydrinate: hano hatramin'ny in-4 isan'andro.

Isaky ny fatrany:

lehibe: 50 hatramin'ny 100 mg. (vongany 1 na 2)

ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: 25

hatramin'ny 50 mg. (vongany ½

hatramin'ny 1)

ankizy 2 hatramin'ny 6 taona: 12 hatramin'ny 25

mg. (vongany ¼ hatramin'ny ½)

ankizy latsaky ny 2 taona: 6 hatramin'ny 12 mg.

(vongany ⅓ hatramin'ny ¼)

ANTITOXINS

TANDREMO: Maro amin'ireo antitoxins no vita avy amin'ny serôma azo avy amin'ny soavaly, toy ny antitoxin ho an'ny tetanosy sy fiadiana amin'ny poizina ho an'ny kaikitry ny bibilava na tsindron'ny maingoka. Izany dia mety hahatonga tsy fahazakana mahery vaika (tohana, jereo p. 70). Alohan'ny hanindronana serôma antitoxin, **ataovy efa vonona hatrany ny epinephrine raha misy vonjy taitra**. Ho an'ireo olona maneho tsy fahazakana, na ireo nomena antitoxins no vita avy amin'ny serôma azo avy amin'ny soavaly teo aloha, tsara kokoa ny manindrona antihistaminique toy ny promethazine (Phenergan) na diphenhydramine (Benadryl) 15 minitra alohan'ny hanomezana ny antitoxin. Rehefa mitsabo kaikitry ny bibilava, bibikely, na zavatra hafa, dia omeo antitoxin ho an'ny tetanosy ihany koa.

Antitoxin na fiadiana amin'ny poizin'ny maingoka

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
matetika dia miendrika vovoka atao tsindrona

Maro karazana ireo fiadiana amin'ny poizina avy amin'ny tsindron'ny maingoka amin'ny faritra maro maneran-tany. any Meksika, ny Laboratories BIOCLON dia manamboatra Alacramyn.

Ireo fiadiana amin'ny poizina avy amin'ny tsindron'ny maingoka dia tsy tokony ampiasaina afa-tsy amin'ireo faritra feno karazana maingoka mampidi-doza na mahafaty. Ireo fiadiana amin'ny poizina matetika dia tsy ilaina raha tsy voatsindrona ny zaza madinika, indrindra raha amin'ny faritra ambonin'ny vatana na amin'ny loha no voatsindrona. Mba handairany tsara dia tokony tsindronina eo no ho eo amin'ny fiadiana amin'ny poizina ilay zaza vantany vao voatsindron'ny maingoka.

Ny fiadiana amin'ny poizina matetika dia miaraka amin'ny toromarika feno. Araho tsara izy ireny. Ireo zaza madinika dia mila fiadiana amin'ny poizina kokoa noho ny ankizy lehibe. Tavoahangy kely 2 na 3 no mety ilaina.

Ny ankabeazan'ny maingoka dia tsy mampidi-doza ho an'ny lehibe. Satria ny fiadiana amin'ny poizina dia mampidi-doza ny fampiasana azy, tsara kokoa raha tsy omena izany ny olon-dehibe.

Fiadiana amin'ny poizina na antitoxin ho an'ny kaikitry ny bibilava

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: tavoahangy na fitambarana fitaovam-panindronana

Ny fiadiana amin'ny poizina, na fanafody miaro ny vatana amin'ny poizina dia namboarina ho an'ny poizina avy amin'ny kaikitry ny bibilava amin'ny faritra maro maneran-tany. Raha mipetraka amin'ny toerana izay betsaka olona matetika voakaikitra na matin'ny bibilava misy poizina ianao, dia jereo ireo fiadiana amin'ny poizina misy, **vidio mialoha izy ireo**, ary tehirizo tsara. Ny fiadiana amin'ny poizina sasany—ireo manana endrika vovoka—dia azo tehirizina tsy atao anaty vata fampangatsahana. Ny sasany dia mila tehirizina amin'ny toerana mangatsiaka.

Ireto manaraka ireto dia mpaninjara vokatry fiadiana amin'ny poizina amin'ny faritra maro maneran-tany.

amin'ny firenena maro, ny fiadiana amin'ny poizina dia omen'ny governemanta:

Amerika avaratra: CrofabTM (Crotalidae Polyvalent Immune Fab-Ovineho an'ny bibilava manana rambo mikorintsana, *copperheads, cottonmouths, sy water moccasins*. Avy amin'ny Fougera, Inc., 800-645-9833, www.fougera.com. Fampahalalàna mikasika ireo vokatry avy amin'ny mpamokatra ihany koa, Protherics, (1) 615-327-1027, e-mail: info@btgplc.com, www.btgplc.com/products/199/ marketedproducts.html

Meksika, Amerika afovoany, ry Amerika atsimo:

Antivipmyn® sy Antivipmyn TR® (Faboterapia polivalente antiviperino) ho an'ny bibilava manana rambo mikorintsana sy menarana hafa, sy water moccasins, terciopelo, massasauga, bush master, sy hafa ihany koa.

Avy amin'ny Instituto Bioclon, Mexico, D.F., tel: (52) 5665-4111, www.bioclon.com.mx

Ireo fiadiana amin'ny poizina ihany koa dia avy amin'ny Instituto Clodomiro Picado, Facultad de Microbiologia, Universidad de Costa Rica, San Jose, Costa Rica, tel: (506) 2229-0344, www.icp.ucr.ac.cr, and Instituto Butantan, Sao Paulo, Brazil, tel: (55) 11-3726-7222, fax: (55) 11-3726-1505, email: instituto@butantan.gov.br, www.butantan.gov.br

Afrika atsimo: fiadiana amin'ny poizin'ny boomslang, fiadiana amin'ny poizin'ny Echis, fiadiana amin'ny poizina maro fiasa ho an'ny puff adder, Gaboon adder, rinkhals, green mamba, Jameson's mamba, black mamba, cape cobra, forest cobra, snouted cobra ary Mozambique spitting cobra. Fiadiana amin'ny poizin'ny maingoka sy hala ihany koa. Avy amin'ny South African Vaccine Producers (SAVP), P.O. Box 28999, Sandringham 2131, Johannesburg, South Africa, tel: (27) 11-386-6000, fax: (27) 11-386-6016, www.savp.co.za

Egipta: fiadiana amin'ny poizin'ny horned viper, Egyptian cobra, black-necked spitting cobra, East African carpet viper, sy ireo hafa. Avy amin'ny Vacsera, 51 Wezaret El Zeraha, Agouza, Giza, Egypt, tel: (202) 376-111-11, www.vacsera.com

India: fiadiana amin'ny poizin'ny Indian cobra, Indian krait, Russell's viper, Saw-scaled viper sy hafa koa, avy amin'ny: Haffkine Biopharmaceutical Co., Mumbai, India, tel: (91) 22-412-9320, fax: (91) 22-416-8578, www.vaccinehaffkine.com.

Serum Institute of India, tel: (91) 20-269-93900, fax: (91) 20-269-93921, www.seruminstitute.com

Indonesia: fiadiana amin'ny poizin'ny *branded krait, Malayan pit viper, and Southern Indonesian spitting cobra*.

Biofarma, Bandung, Indonesia, tel: (62) 22-203-3755, fax: (62) 22-204-1306, www.biofarma.co.id

Thailand: Fiadiana amin'ny poiziny ny king cobra, banded krait, Russell's viper, Malayan pit vipers, sy hafa koa.

Thai Red Cross Society, Bangkok, Thailand,
tel: (66) 2252-0161, fax: (66) 2252-0212,
www.redcross.or.th

Ireo toromarika mikasika ny fiadiana amin'ny poizina avy amin'ny kaikitry ny bibilava matetika dia miaraka amin'ny fitambaran'ny fanafody. Ianaro tsara izy ireny **mialohan'ny** hilànano ny fampiasana azy. Arakaraky ny hangezany ilay bibilava, na ny hakelin'ilay olona, no hilàna ny fiadiana amin'ny poizina betsaka indrindra. Matetika dia 2 tavoahangy kely na mihoatra no ilaina. Mbandain'izany tsara, ny fiadiana amin'ny poizina dia mila atsindrona vantany vao voakaikitra ilay olona.

Ataovy azo antoka tsara fa nandray ny fepetra rehetra ianao mba hisorohana ny tsy fahazakana (jereo p. 70).

Antitoxins ho an'ny tetanosy

Ny Tetanus Immune Globulin (an'ny olombelona) matetika dia miendrika:

Tavoahangy kely 250 units

Ny antitoxin ho an'ny tetanosy (soavaly) matetika dia miendrika: tavoahangy kely 1,500, 20,000, 40,000, ary 50,000 units

Any amin'ny faritra izay maro olona tsy vita vaksiny miady amin'ny tetanosy, ny boaty fitoeram-panafody sy fitaovam-pitsaboana dia tokony misy antitoxin ho an'ny tetanosy. Misy karazany roa izy io, ny iray avy amin'ny serôman'olombelona (tetanus immune globulin, Hyper-tet), ary ny iray dia avy amin'ny serôma avy amin'ny soavaly (antitoxin ho an'ny tetanosy). **Raha misy dia ampiasao ny tetanus immune globulin, satria izy io dia tsy dia hiteraka tsy fahazakana.**

Fa raha mampiasa antitoxin ho an'ny tetanosy avy amin'ny serôma avy amin'ny soavaly kosa ianao dia mandraisa fepetra ho an'ny tsy fahazakana: raha voan'ny asma ilay olona na misy tsy fahazakana hafa, na mbola tsy nampiasa antitoxin vita avy amin'ny serôma avy amin'ny soavaly dia tsindrony antihistaminique toy ny promethazine 15 minitra alohan'ny hanindronana ilay antitoxin.

Raha voan'ny ratra izay mety hiteraka tetanosy ny olona iray tsy vita tsara hatramin'ny farany ny vaksiny tetanosy (jereo p. 89), **alohan'ny hitrangan'ny famantarana tetanosy** dia tsindrony tetanus immune globulin 250 units (1 tavoahangy).

Raha mampiasa antitoxin ho an'ny tetanosy dia tsindrony 1,500 hatramin'ny 3,000 units. Tsindrony antitoxin ho an'ny tetanosy 750 ny zazakely.

Raha maneho famantarana tetanosy ilay olona,

dia tsindrony tetanus immune globulin 5,000 units, na antitoxin ho an'ny tetanosy 50,000 units. Ataovy tsindrona anaty hozatra maro amin'ireo hozatra lehibe amin'ny vatana (vody sy fe). Na, afaka alefa any anaty lalan-drà ny antsasany raha misy mahay.

Matetika ny famantarana tetanosy dia mihombo na dia efa notsindronina antitoxin aza. **Ireo fepetra fitsaboana natoro ao amin'ny pejy 183 sy 184 dia manan-danja ihany koa na kokoa.** Atombohy avy hatrany ny fitsaboana ary mahazoa fanampiana ara-medikaly haingana.

HO AN'NY POIZINA VOATELINA

Saribao "actif"

Miendrika vovoka izy io. Araho ny torolalana eo amin'ny tavoahangy, na afangaroy amin'ny rano iray vera na ranom-boankazo ny fatra natoro ary sotroy daholo.

Ny saribao actif dia mitroka ireo poizina voatelina ary mampihena ny loza haterany. Mandaitra kokoa izy raha hanina vantany vao nahatelina poizina. **Aza mampiasa azy io raha nahatelina asidra matanjaka, hydroxide, lasantsy, na kerosene ilay olona.**

Fatran'ny saribao actif, **ao anatin'ny 1 ora aorian'ny nihinanana ny poizina:**

lehibe sy ankizy 12 taona no mihoatra:

50 hatramin'ny 100 g., in-1 fotsiny ihany
ankizy 1 hatramin'ny 12 taona: 25 g., in-1 fotsiny ihany,
na 50 g. raha mahery vaika ny fanapoizinana
zaza latsaky ny 1 taona: 1g./kg. in-1 fotsiny ihany

Mba hamonoana ny poizina ao anatin'ny vatana **rehefa nanomboka ny vokatry ny fanapoizinana:**
lehibe sy ankizy mihoatra ny 1 taona:

25 hatramin'ny 50 g. isaky ny 4 hatramin'ny 6 ora
zaza latsaky ny 1 taona: 1g./kg., in-1, arahan'ny ½ io
fatra io isaky ny 2 hatramin'ny 4 ora. Ohatra, raha
milanja 6 kg ilay zazakely., omeo saribao actif 6 g., ary 3
g. isaky ny 2 hatramin'ny 4 ora aty aoriana.

HO AN'NY FANINTONA

Ny phenobarbital sy ny phenytoin dia fanafody fampiasa matetika ho an'ny fihetsehan'ny fanintona. Indraindray dia misy fanafody hafa, lafo vidy kokoa, ary ny dokotera dia manoro fanafody roa na mihoatra. Na izany aza dia fanafody iray ihany dia mandaitra na tsara fiasa kokoa, ary vitsy ny voka-dratsiny. Ireo fanafody misoroka ny fanintona dia tsara raha hanina alohan'ny hatory satria matetika izy ireo dia miteraka torimaso. Ny diazepam dia afaka omena hanajanonana fanintona maharitra ela na fihetsehana mandritra ny fitondrana vohoka na fiterahana (faninton'ny bevohoka), saingy tsy hanina isan'andro mba hisorohana azy ireny. Ny magnesium sulfate ihany koa dia afaka omena hanajanonana ny faninton'ny bevohoka

Phenobarbital (phenobarbitone, Luminal) _

Name: _____

Matetika dia miendrika:

vongam-panafody 15 mg., 30 mg., 60 mg. ry 100 mg.

vidiny: _____ ho an'ny _____

sirao misy 15 mg. ao anatin'ny 5 ml.

vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny phenobarbital dia afaka hanina mba hisorohana ny fanintona. Ho an'ny fanintona, ilaina matetika ny mihinana ny fanafody mandrapahafaty. Ny fatra ambany indrindra amin'ny fanintona no tokony ampiasaina.

TANDREMO: Ny fihinanana phenobarbital be loatra dia mampiadana ny fisefoana na mampijanona izany. Miadana ny fiasany ary maharitra ela (hatramin'ny 24 ora, na mihoatra raha tsy mivalan-drano ilay olona). **Tandremo ny fanomezana azy be loatra!**

Fatran'ny Phenobarbital:

Lehibe sy ankizy mihoatra ny 12:

1 hatramin'ny 3 mg./kg./andro atelina, zaraina amin'ny fatra 2 na 3 mitovy tsara, na 50 hatramin'ny 100 mg. in-2 na in-3 isan'andro.

Ho an'ny ankizy 12 taona na kely kokoa, omeo fatra iray hatelina amin'ny alina, na in-drainy mihinana na zaraina fatra 2 mitovy toy izao: ankizy 5 hatramin'ny 12 taona: 4 hatramin'ny 6 mg./kg./andro

ankizy 1 hatramin'ny 5 taona: 6 hatramin'ny 8 mg./kg./andro

zaza latsaky ny 1 taona: 5 hatramin'ny 8 mg./kg./andro

Tsy omenay eto ny fomba fikarakarana ny fatran'ny tsindrona phenobarbital satria izy io dia mampidi-doza. Tsy afaka manome azy raha tsy olona efa manana traikefa amin'ny fanomanana sy fanindronana any anaty lalan-drà (jereo p. 178).

Phenytoin (diphenylhydantoin, Dilantin)

Name: _____

Matetika dia miendrika:

kapisily 25 mg., 50 mg., ary 100 mg.

Price: _____ for _____

Sirao misy 250 mg. ao anatin'ny 5 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Izy io dia manampy amin'ny fisorohana ny fanintona. Matetika ny fanafody dia hanina mandrapahafaty.

Voka-dratsiny: Fivontosana sy fitomboana tsy araka ny tokony ho izy mahazo ny hihy amin'ny fampiasana ela ny phenytoin. Raha mahery vaika izany dia tokony soloina fanafody hafa. Ny olana eo amin'ny hihy dia afaka sorohana amin'ny ampahany amin'ny alalan'ny fihazonana ny fahadiovan'ny vava sy ny fanadiovana tsar a ny hihy sy ny nify isaky ny avy misakafo.

Fatran'ny phenytoin atelina;

Zarao 2 na 3 mitovy ny fatra isan'andro. Ohatra, raha milanja 20 kg. ny zaza 4 taona dia omeo 150 mg. ao anatin'ny iray andro, zaraina fatra 2 izay 75 mg. ny tsirairay, na fatra 3 izay 50 mg. ny tsirairay. Lehibe sy ankizy mihoatra ny 16 taona:

4 hatramin'ny 6 mg./kg./andro

ankizy 10 hatramin'ny 16 taona: 6 hatramin'ny 7 mg./kg./andro

children 7 hatramin'ny 9 taona: 7 hatramin'ny 8 mg./kg./andro

children 4 hatramin'ny 6 taona: 7.5 hatramin'ny 9 mg./kg./andro

zaza 6 volana hatramin'ny 4 taona:

8 hatramin'ny 10 mg./kg./andro

Zaza latsaky ny 6 volana: 5 mg./kg./andro

Raha tsy tena misoroka tanteraka ny fihetsehana ny fatra dia ampitomboy miadana isaky ny 15 andro hatramin'ny fatra ambony indrindra isaky ny kilao amin'ny lanjany, zaraina fatra 3 isan'andro.

Raha misoroka ny fihetsehana io fatra io dia ahenao tsikelikely mandrapahatonga amin'ny fatra kely indrindra hisorohana fanintona.

Tsy omenay ny fatran'ny phenytoin atao tsindrona. Izany dia tsy afaka ataon'ny olona ankoatra izay manana traikefa amin'ny fanindronana any anaty lalan-drà.

Diazepam (Valium)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____

Matetika dia miendrika:

tsindrona 5 mg. ao anaty ranony 1 ml.

tsindrona 10 mg. ao anaty ranony 2 ml.

vongam-panafody 5 mg. sy 10 mg.

Tsy omenay ny fatran'ny tsindrona diazepam. Izany dia tsy afaka ataon'ny olona ankoatra izay manana traikefa amin'ny fanindronana any anaty lalan-drà.

Mba hanajanonana fanintona izay maharitra mihoatra ny 15 minitra, ataovy ao anaty fitaovam-panindronana tsy misy fanjaitra ilay rano atao tsindrona ary alefaso mivantana any anaty lava-body, na tototy ny vongam-panafody iray, afangaroy amin'ny rano ilay vovony ary alefaso any anaty lava-body.

Fatran'ny fanomanana diazepam alefa any anaty lava-body:

Lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona:

5 hatramin'ny 10 mg.

ankizy 7 hatramin'ny 12 taona: 3 hatramin'ny 5 mg.

zaza latsaky ny 7 taona: 0.2 mg./kg. ho an'ny olona efa voky andro: 0.25 mg./kg.

raha tsy voafehy ao anatin'ny 15 minitra ny fanintona aorian'ny fanomezana fanafody dia avereno ny fanomezana ilay fatra. **Aza averina mihoatra ny in-drainy.**

TANDREMO:

1. Ny diazepam dia mampiadana ny fisefoana na mampijanona izany. Tandremo ny fanomezana azy be loatra!
2. Ny diazepam dia fanafody miteraka fiankinan-doha. Fadio ny fampiasana azy ela na matetika. Hidio mafy amin'ny lakile io fanafody io.
3. Ny diazepam dia mampidi-doza ho an'ny vehivavy mitondra vohoka sy mampinono. Aza ampiasaina raha tsy amin'ny fanintona (faninton'ny bevohoka).

Ho an'ny tetanosy, omeo amin'ny antonony mba hifehezana ny hihinjirana. Ho an'ny lehibe sy ny ankizy mihoatra ny 5 taona, atomboy amin'ny 5 mg. atelina na alefa any anaty lava-body (kely kokoa ho an'ny ankizy) ary omeo bebe kokoa avy eo raha ilaina, saingy tsy mihoatra ny 10 mg. isaky ny manome, na mihoatra ny 50 mg. ao anatin'ny 1 andro. Miandrasa 30 minitra alohan'ny hamerenana ny fatra iray. Ho an'ny zaza latsaky ny 5 taona, omeo 1 hatramin'ny 2 mg. any anaty lava-body isaky ny 3 hatramin'ny 4 ora.

Mba hampitsotra ny hozatra na hampitony ny fanaintainana, 30 minitra alohan'ny hamerenana ny taolana tapaka eo amin'ny olon-dehibe dia omeo 10 mg. atelina.

Ho an'ny faninton'ny bevohoka (fanintona tampoka mandritra ny fitondrana vohoka na fiterahana), omeo fanomanana diazepam 20 mg. alefa any anaty lava-body. Raha mbola mifanintona ihany dia omeo 10 mg. isaky ny avy manome, elanelanina 20 minitra isanky ny manome izany. Ny magnesium sulfate dia mandaitra kokoa ary azo antoka kokoa ho an'ny vehivavy mitondra vohoka.

Magnesium Sulfate—ho an'ny faninton'ny vehivavy bevohoka

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: fanomanana 10%, 12.5%, 25%, na 50% atao tsindrona

Fatransy hanajanonana ny fanintona eo amin'ny vehivavy mitondra vohoka: tsindrony 5 g. amin'ny fanomanana 50% in-dray isaky ny ila-vody. Avereno afaka 4 ora raha ilaina.

TANDREMO: Ny magnesium sulfate dia mampiadana ny fisefoana na mampijanona izany. tandremo ny fanomezana azy be loatra! Aza omena ny vehivavy manana olana eo amin'ny voa.

HO AN'NY FANDEHANAN-DRA MAHERY VAIKA AORIAN'NY FITERAHANA (HEMORRAGIE du POST PARTUM)

Ho an'ny fampahalalàna mikasika ny fomba tsara sy tsy mety amin'ny fampiasana ny fanafody hifehezana ny fandehanan-drà aorian'ny fiterahana dia jereo ny pejy 266. **Ny ergonovine, oxytocin, sy misoprostol dia tsy tokony ampiasaina amin'ny fifehezana ny fandehanan-drà raha tsy aorian'ny fahaterahan'ny zazakely.** Ny fampiasana azy ireo hanafainganana ny fiterahana na hanomezana hery ilay reny eo am-piterahana dia mampidi-doza ny reny sy ny zaza. Raha misy rà mandeha be mialohan'ny hivoahan'ny ahitra, saingy aorian'ny fivoahan'ny zaza dia afaka omena ny oxytocin na misoprostol. **Saingy aza mampiasa ergonovine na ergometrine alohan'ny hivoahan'ny ahitra**, satria mety hanakana azy tsy hivoaka izany.

PEJY MAITSO

Ny pituitrin dia mitovy amin'ny oxytocin, saingy mampidi-doza kokoa, ary tsy tokony ampiasaina raha tsy sendran'ny fandehanan-drà be tampoka nefa tsy misy oxytocin, misoprostol, ry ergonovine.

ho an'ny fandehanan-drà eo amin'ny zaza vao teraka, ampiasao ny **vitamina K** (jereo p. 392). Ny vitamina K dia ampiasaina amin'ny fandehanan-drà eo amin'ny vehivavy avy miteraka, afa-jaza, na nanala zaza.

Ergonovine na ergometrine maleate

(Ergotrate, Methergine)

Name: _____

Matetika dia miendrika:

tsindrona 0.2 mg. ao anatin'ny tavoahangy kely 1 ml.

Vidiny: _____ ho an'ny _____
vongana 0.2 mg.

Vidiny: _____ ho an'ny _____

Ny ergonovine dia afaka ampiasaina mba hisorohana na hifehezana fandehanan-drà be **aorian'ny** fivoahan'ny ahitra. Izy io koa dia mifehy ny fandehanan-drà be amin'ny fahafahan-jaza na fanalan-jaza. Aza omena ny vehivavy be tosi-drà.

Fatransy:

Mba hitsaboana fandehanan-drà be aorian'ny fivoahan'ny ahitra, na aorian'ny fahafahan-jaza na fanalan-jaza dia omeo ergonovine 1 tavoahangy kely (0.2 mg.) atao tsindrona anaty hozatra na vongampanafody 1 (0.2 mg.) atelina. Raha sendran'ny vonjy taitra dia azonao atao ny manome tavoahangy kely 1 atao tsindrona anaty lalan-drà raha toa voaofana hanao izany ianao. Avereno isaky ny 2 na 4 ora ho an'ny fandehanan-drà mahery vaika (mihoatra ny 2 kaopy) na isaky ny 6 hatramin'ny 12 ora ho an'ny fandehanan-drà tsy dia mahery vaika. Tohizo ny fanomezana ny fanafody mandrapitsahatry ny fandehanan-drà.

Mba hisorohana ny fandehanan-drà be aorian'ny fiterahana dia omeo ergonovine 0.2 mg. aorian'ny fivoahan'ny ahitra.

Oxytocin (Pitocin)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: tavoahangy kely misy 10 units ao anaty 1 ml.

Ny oxytocin dia ampiasaina hisorohana na hifehezana fandehanan-drà be eo amin'ilay reny **aorian'ny fiterahana na aloha na aorian'ny** fivoahan'ny ahitra. (manampi amin'ny famoahana ny ahitra ihany koa izy io saingy tsy tokony ampiasaina raha tsy misy fandehanan-drà be na fahatarana). Afaka ampiasaina ihany koa izy hifehezana ny fandehanan-drà be aorian'ny fahafahan-jaza na fanalan-jaza.

Fatransy:

Mba hitsaboana ny fandehanan-drà, dia omeo 1 ml. (10 units) atao tsindrona anaty hozatra. Raha mitohy ny fandehanan-drà, ampio tsindrona 1 ml. ao anatin'ny 15 minitra.

Mba hisorohana ny fandehanan-drà aorian'ny fiterahana dia omeo 1 ml. aorian'ny fivoahan'ny zaza.

Misoprostol (Cytotec)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Matetika dia miendrika: vongam-panafody 100 na 200 msg.

Ny misoprostol dia afaka ampiasaina hisorohana na hifehezana fandehanan-drà be aorian'ny fiterahana ary hifehezana ny fandehanan-drà be avy amin'ny fahafaha-jaza na fanalan-jaza. Izy io koa dia afaka ampiasaina hampitsaharana ny fitondrana vohoka saingy azo antoka kokoa raha ampiasaina miaraka amin'ny fanafody hafa, **mifepristone** (jereo ny Rehefa Tsy Manana Dokotera Ireo Vehivavy raha mila fanazavana fanampiny).

Fatra ho an'ny fandehanan-drà be:

Omeo 600 msg atelina (levony eo ao am-vava eo amin'ny takolaka na ao ambany lela avy eo dia atelema ireo ambiny tavela). Raha maloily ilay vehivavy dia azonao atao ny mandefa izany any anaty lava-bodiny mba hahalevona azy

HO AN'NY KITSO (HEMOROIDA)**Fanafody alefa any anaty lava-body ho an'ny kitso**

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 izy ireo dia vongam-panafody miendrika bala alefa any anaty lava-body. Hampihena ny kitso izany ary hanamaivana ny fanaintainana. Maro karazana ireo fanomanana. Matetika izy ireo dia mandaitra kokoa ary mora vidy, misy **cortisone** na **cortico-steroid**. Misy menaka fanosotra manokana ihany koa. Ny sakafo arahina mba hampalefaka ny tay ihany koa dia zava-dehube (jereo p. 126).

Fatran'ny:

Andefaso ilay fanafody alefa any anaty lava-body isan'andro isaky ny avy mangery, ary iray hafa alohan'ny hatory.

HO AN'NY TSY FAHAMPIAN-TSAKAFO SY TSY FAHAMPIAN-DRA**Vovon-dronono (ronono namainina)**

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Ho an'ny zazakely, **ny nonon-dreny no tsara indrindra**. Feno vitamina sy mineraly ho an'ny fitaizan-kozatra izy io. Raha tsy misy nono dia misy vokatra hafa azo ampiasaina—toy ny vovon-dronono. Mba hampiasan'ny zaza tanteraka ny herin'io sakafo io dia afangaroy amin'ny siramamy na menaka fandrahoan-tsakafo izany (jereo p. 120).

Ao anatin'ny rano nampangotrahana 1 kaopy, asio: Vovon-dronono safo vavan'ny sotrokely 12, Siramamy safo vavan'ny sotrokely 2, ary menaka 3 sotrokely

Vitamina maro natambatra

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
 Manana endrika maro izy ireo, saingy ny vongam-panafody no mora indrindra ary mandaitra tsara. Ny fanindronana vitamin dia mahalana ny ilàna azy, mandany vola, miteraka aretina tsy ilaina ary indraindray dia mampisy nana. Ny fanafody mampatanjaka matetika dia tsy misy ireo vitamin ilaina sady lafo vidy.

Ny sakafo be otrikaina no loharanon'ny vitamina tsara indrindra.

Raha mila vitamina fanampiny dia ampiasao ny vongam-panafody.

Amin'ny trangana tsy fahampian-tsakafo sasany, tsar any manampy vitamina, ny vitamina maro natambatra dia manampy ireo olona voan'ny VIH. Atao vy azo antoka tsara fa ireo vongam-panafody ampiasaina dia misy ireo vitamin rehetra ilaina (jereo p. 118).

Ny fampiasana ireo vongnaa vitamina natambatra, vongany 1 isan'andro matetika dia ampy.

Vitamina A (retinol)—ho an'ny tsy fahitana amin'ny alina sy fahamaina maso

Name: _____

matetika dia miendrika:

Kapisily retinol 200,000 units, 60 mg.

(misy fatran'ny kely kokoa ihany koa)

vidiny: _____ ho an'ny _____

tsindrona 100,000 units

vidiny: _____ ho an'ny _____

TANDREMO: Aza manome Vitamina A be loatra, ary aza atao takatry ny ankizy.

Ho an'ny hisorohana: Any amin'ny faritra izay olana mahazatra ho an'ny ankizy ny tsy fahitana amin'ny alina sy fahamaina-maso dia mila mihinana vonankazo sy legioma mavo betsaka izy ireo ary sakafo be ravina maitso be sy sakafo azo avy amin'ny biby toy ny atody sy atikena. Ny menaka azo avy amin'ny ati-trondro dia feno vitamina A. Na azo atao ny manome kapisily vitamina A. Omeo kapisily 1 in-dray isaky ny 4 hatramin'ny 6 volana.

Azon'ireo reny ireo atao ny misoroka ny olana arapahitana eo amin'ny zanany amin'ny fihinanana vitamina A 1 kapisily (200,000 units) rehefa teraka ny zanany na ao anatin'ny 1 volana aorian'ny fahaterahana.

Ireo zaza voan'ny kitrotra dia mora voan'ny fahamaina-maso, ary tokony omena vitamina A rehefa manomboka ny aretina.

Any amin'ny faritra izay tsy ampy vitamina A ny ankizy, ny fanampiana sakafo na kapisily misy vitamina A matetika dia manampy ny zaza hiady amin'ny kitrotra sy aretina mahery vaika hafa.

Ho an'ny fitsaboana: Omeo kapisily vitamin A 1 (200,000 units) atelina, na tsindrona 100,000 units. Ny andro manaraka dia omeo kapisily vitamin A 1 (200,000 units) atelina, ary kapisily iray hafa 1 hatramin'ny 2 erinandro aty aoriana.

Ho an'ny zaza latsaky ny 1 taona, ataovy antsasany avokoa ny fatra rehetra.

Iron sulfate (ferrous sulfate)—ho an'ny tsy fahampian-drà

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 200, 325, na 500 mg.
(misy atete, fangaro, na sirao ihany koa ho an'ireo ankizy)

Ny ferrous sulfate dia ilaina amin'ny fitsaboana na fisorohana ny ankabeazan'ny tsy fahampian-drà. Ny fitsaboana amin'ny ferrous sulfate atelina matetika dia maharitra 3 volana farafahakeliny. Raha tsy misy fiovana dia mety zavatra hafa fa tsy ny tsy fahampian'ny fera no antony mahatonga ny tsy fahampian-drà. Makà toro-hevitry nydokotera. Raha sarotra izany dia andramo ny mitsabo izany amin'ny acide folique.

Ny ferrous sulfate dia zava-dehibe manokana ho an'ny vehivavy mitondra vohoka izay mety tsy ampy rà na tsy ampy sakafo.

Ny fera dia hiasa kokoa raha hanina miaraka amin'ny vitamina C (na voankazo sy legioma misy, na vongana (vitamina C).

Ny ferrous sulfate matetika dia mankarary vavony ary tsara raha hanina miaraka amin'ny sakafo. Izy io koa dia miteraka fitohanana, ary mety hanome loko maintsy ny tay. Ho an'ireo zaza latsaky ny 3 taona ny vongany iray dia

afaka totoina tsara ary afangaro amin'ny sakafo.

TANDREMO: Ataovy marina tsar any fatrany. Nyferrous sulfate be loatra dia lasa poizina. Ataovy amin'ny toerana tsy takatry ny ankizy ny fanafody.

Aza omena ferrous sulfate ny olona tsy ampy sakafo. Fatran'ny ferrous sulfate ho an'ny tsy fahampian-drà:

—mampiasa vongam-panafody 200 na 325 mg. (ny halehibeny tsirairay dia samy misy vy 65 mg.)—

Omeo in-3 isan'andro, miaraka amin'ny sakafo. Isaky ny fatrany:

Lehibe sy ankizy mihoatra ny 12 taona: vongany 1 ankizy 2 hatramin'ny 12 taona: vongany ½

Zaza latsaky ny 2 taona: vongany ⅓ hatramin'ny ¼ nototoina tsara ary afangaro amin'ny sakafo.

Acide folique—ho an'ny karazana tsy fahampian-drà sasany

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 5 mg.

Ny acide folique dia mety ho fitsaboana manandanja ho an'ny karazana tsy fahampian-drà toy ny fahapotehan'ny selan'ny rà ao anatin'ny lalan-drà, toy ny miseho rhesa voan'ny tazo. Ny olona tsy ampy rà izay manana sarakaty lehibe na miloko mavo ny hodiny dia mety mila acide folique, indrindra raha tsy mihatsara amin'ny alalan'ny fampiasana ferrous sulfate ny tsy fahampian-dràny. Ireo zazakely omena rononon'osy na ny vehivavy bevohoka tsy ampy rà na tsy ampy sakafo matetika dia mila acide folique sy vy.

Ny acide folique dia afaka azo avy amin'ny sakafo misy ravina maitso be, hena ary atikena na amin'ny alalan'ny fihinanana vongana acide folique. Matetika dia ny fitsaboana maharitra tapa-bolana dia ampy ho an'ny ankizy na dia amin'ny faritra sasany aza dia mila fitsaboana mandritra ny taona maro ny ankizy voan'ny tsy-fahatomombanan'ny sela mena, na karazana tsy fahampian-drà antsoina hoe thalassemia. Ny vehivavy mitondra vohoka tsy ampy rà sy tsy ampy sakafo dia tokony ampiana amin'ny alalan'ny fihinanana acide folique sy vongana vy isan'andro mandritra ny fitondrana vohoka.

Fantran'ny acide folique ho an'ny tsy fahampian-drà—mampiasa vongam-panafody 5 mg.:

Omena atelina in-drainy isan'andro.

Lehibe sy ankizy mihoatra ny 3 taona: vongany 1 (5 mg.)

zaza latsaky ny 3 taona: vongany ½ (2 ½ mg.)

Vitamina B₁₂ (cyanocobalamin)—ho an'ny tsy fahampian-drà mikiky

Vitamina B₁₂ dia ilaina ho an'ny karazana fahampian-drà tsy fahita matetika izay tsy dia hita afa-tsy amin'ny olona 35 taona no mihoatra ka ny razam-beny dia avy any

Europa avaratra. Maro amin'ireo dokotera no manome azy io nefa tsy ilaina akory, mba hanomezana zavatra ny marariny fotsiny ihany.

Aza laniana amin'ny vitamina B₁₂ ny volanao

na mamela ny dokotera na mpiasan'ny fahasalamana hanome izany anao raha tsy nanao fitiliana rà, ary voaporofa fo voan'ny tsy fahampian-drà mikiky ianao.

Vitamina K (phytomenadione, phytonadione)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: tavoahangy kely misy fanomanana toy ny ronono 1 mg. ao anaty 2.5 ml.

Raha manomboka mandeha rà amin'ny na aiza na aiza eo amin'ny vatan'ny zaza vao teraka (vava, tadim-poitra, lava-body) dia mety noho ny tsy fahampiana vitamina K izany. Tsindrony vitamina K 1 mg (tavoahangy kely 1) eo amin'ny faritra ambonin'ny fe. Aza manindrona mihoatra, eny fan a dia mitohy azan y fandehanan-drà. Eo amin'ireo zaza teraka tsy ampy lanja (latsaky ny 2 kg.), ny tsindrona vitamina K dia afaka omena mba hampihenana ny mety ho fandehanan-drà.

Ny vitamina K dia tsy ilaina amin'ny fifehazana ny fandehanan-dràn'ilay reny aorian'ny fiterahana.

PEJY MAITSO

Vitamina B₆ (pyridoxine)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: vongam-panafody 25 mg.

Ireo olona voan'ny raboka ka tsaboina amin'ny **isoniazid** matetika dia lasa tsy ampy vitamina B₆. Mba hisorohana izany dia azo atao ny mihinana vitamina B₆ 25 mg. (pyridoxine) isaky ny mihinana isoniazid. Na ny vitamina koa dia afaka omen any olona manana olana noho ny tsy fahampian'izany. Ao anatin'ny famantarana ny fangotsohan'ny tanana sy ny tongotra, fikainkon'ny hozatra, tebiteby, ary tsy fahitan-tory.

Fatran'ny vitamina B₆—raha misy onana rehefa mihinana isoniazid:
lehibe: mihinana 50 mg. (vongany 2), in-3 isan'andro.
ankizy mihoatra ny 2 volana: omeo 10 hatramin'ny 25 mg., in-3 isan'andro.

Zaza vao teraka hatramin'ny 2 volana: omeo 10 mg. in-dray isan'andro.

FOMBA FANABEAZANA AIZANA

Fanabeazana aizana atelina (pilina)

Ny fampahalalàna mikasika ny fampiasana, ny loza mety haterany, ary ny fepetra mikasika ny pilina fanabeazana aizana dia afaka hita ao amin'ny pejy 286 hatramin'ny 289. Ny fampaharantana manaraka dia mikasika ny pilina mety amin'ny vehivavy tsirairay. (Tamin'ny janoary 2002, novainay ny vondron'ny pilina fifehezana ny fiterahana tato anatin'ity fizarana ity. Raha miara-miasa amin'ny olona mbola mihazona ny fomba fijery taloha ianao dia tandremo tsy hifangaro ireo karazana pilina!)

Ny ankabeazan'ireo pilina fifehezana ny fiterahana dia misy hormonina 2 mitovy amin'izay vokarin'ny vatan'ny vehivavy mba hifehezana ny fadim-bolany. Ireo hormonina ireo dia antsoina hoe estrogen sy progesterone (progestin). Miseho amin'ny marika maro ireo pilina ary manana tanjaka sy fangaro samihafa ho an'ireo hormonina 2. Ny sasany amin'ireo marika dia natao lisitra etsy ambany.

Matetika dia ireo marika izay misy fatran'ireo hormonina roa kely indrindra no tsara indrindra ary mandaitra tsara ho an'ny ankabeazan'ireo vehivavy. Ireo pilina “ambany fatra” ireo dia hita ao amin'ny vondrona 1, 2, ary 3.

Vondrona 1 – Pilina Triphasic

Ny fatran'ny estrogen sy progestin ao ao amin'izy ireo dia kely ao anatin'ny fangaro izay miova ao anatin'ny volana. Satria miova ny fatrany dia ilaina ny mihinana ireo pilina amin'ny filaharany.

Ireo marika mahazatra:

Logynon	Tricyclen	Trinovum
Synophase	Trinordiol	Triquilar
		Triphasil

Vondrona 2 – Pilina kely fatra

Ny estrogen ao anatin'izy ireo dia kely (35 mikrograma ny estrogen “ethinyl estradiol” na 50 mikrograma ny estrogen “mestranol”) ary ny progestin ao anatin'ny fangaro dia tsy miova mandritra ny volana.

Ireo marika mahazatra:

Brevicon 1+35	Ovysmen 1/35
Noriday 1+50	Neocon
Norinyl 1+35, 1+50	Norimin
Ortho-Novum 1/35, 1/50	Perle

Vondrona 3 – Pilina kely fatra

Ireo pilina ireo dia betsaka progestin ary kely estrogen (30 na 35 mikrograma ny estrogen “ethinyl estradiol”).

Ireo marika mahazatra:

Lo-Femenal
Microvlar
Lo-Ovral
Nordette
Microgynon 30

Mba hiantohana ny fandairany sy hampihenana ny rà kely mandeha (rà kely mandeha amin'ny fotoana ivelan'ny fadim-bolana), hano isaky ny fotoana mitovy isan'andro ny pilina, indrindra ireo pilina izay manana tahan'ny hormonina ambany. Raha mbola misy ilay rà kely ao anatin'ny 3 na 4 volana, andramo ny iray amin'ireo marika ao anatin'ny Vondrona 3.

Raha mbola misy rà kely ihany aorian'ny 3 volana dia andramo ny marika iray ao amin'ny Vondrona 4.

Raha ny fitsipika, ny vehivavy mihinana pilina fanabeazana aizana dia tsy madeha be ny fadim-bolany. Mety ho tsara izany, indrindra ho an'ireo vehivavy tsy ampy rà. Saingy raha tsy mandeha ny fadim-bolan'ny vehivavy iray ao anatin'ny iray volana na mety korontanin'ilay fadim-bolana mandeha kely, azony atao ny miova ilay marika betsaka estrogen ao amin'ny Vondrona 4.

Ho an'ireo vehivavy mandeha rà be rehefa fadim-bolana, na ireo izay marary nono rehefa alohan'ny hanombohan'ny fadim-bolana, mety tsara kokoa ny marika kely estrogen fa betsaka progestin. Ireo pilina ireo dia hita ao amin'ny Vondrona 3.

Ireo vehivavy mbola mitohy misy ireo rà kely na tsy tonga fadim-bolana rehefa mampiasa ireo ao amin'ny Vondrona 3, na nitoe-jaza taloha nandritra ny fampiasana karazana pilina hafa, dia afaka manova izany ho pilina tsy dia betsaka estrogen. Ireo pilina “ambony fatra” ireo dia hita ao amin'ny Vondrona 4.

Vondrona 4 – Pilina ambony fatra

Ireo pilina ireo dia betsaka estrogen (50 mikrograma ny estrogen “ethinyl estradiol”) ary ny ankabeazany koa dia betsaka progestin.

Marika mahazatra:

Denoval	Nordiol
Eugynon	Ovral
Femenal	Primovlar
Neogynon	

Raha mbola mitohy ireo rà kely na dia efa mihinana ireo pilina ao amin’ny Vondrona 4 aza, dia ireo marika Ovulen sy Demulen matetika dia hampitsahatra izany. saingy betsaka estrogen ireo ary tsy dia tsara loatra. Indraindray izy ireo dia tsara ho an’ireo vehivavy be mony.

Ireo vehivavy elingelenin’ny faharariana maraina na voka-dratsiny hafa aorian’ny 2 na 3 volana nihinanana ny pilina fanabeazana aizana, na ireo vehivavy mety hisy vaingan-drà, dia tokony manandrana ny pilina Triphasic, samy kely estrogen sy progestin, avy amin’ny Vondrona 1.

Ireo vehivavy mampinono na tsy tokony mampiasa ireo pilina matetika noho ny aretin’andoha na manana tosi-drà somary ambony dia mety mila mampiasa pilina tsy misy afa-tsy progestin ihany. Ireo pilina ao anatin’ny Vondrona 5 ihany koa dia antsoina hoe “mini-pills.”


Vondrona 5 – Pilina misy progestin fotsiny ihany

Ireo pilina izay fantatra amin’ny anarana hoe “mini-pills” ihany koa, dia tsy misy afa-tsy progestin.

Tsy maintsy hanina amin’ny fotoana mitovy isan’andro izy ireo, eny na dia mandritra ny fadim-bolana aza. Matetika ny fadim-bolana dia mikorontana. Mety ho bevohoka ihany koa raha manadino mihinana na dia iray fotsiny aza.

Marika mahazatra:

Femulen
Microlut
Micronor
Micronovum
Nor-Q D



ireto marika ireto koa dia azo ampiasaina ho an’ny Fanabeazana aizana vonjy taitra —jereo ny fizarana manaraka

Fanabeazana aizana vonjy taitra (pilina vonjy taitra)

Ireo pilina vonjy taitra dia fatra manokana ho an’ireo pilina fanabeazana aizana sasany ho an’ny vehivavy nanao firaisana ara-nofy tsy voaaro ary te hisoroka vohoka. Ny fampiasana pilina toy izany dia azo antoka, eny fa na dia ho an’ireo vehivavy tsy tokony mampiasa pilina miaraka aza.

Fatrany: Ireo pilina vonjy taitra dia tokony hanina ao anatin’ny 5 andro aorian’ny nanaovana firaisana ara-nofy tsy voaaro. Arakaraky ny fihinananao ny pilina aloha no tsy hampitoe-jaza anao. Ho an’ny pilina fanabeazana aizana vonjy taitra dia araho tsara ireto toromarika ireto:

Mihinana pilina fifehezana ny fiterahana “ambony fatra” 2 ao amin’ny VONDRONA 4 ao anatin’ny 5 andro aorian’ny nanaovana firaisana ara-nofy tsy voaaro, arahan’ny pilina 2 ao amin’ny VONDRONA 4 afaka 12ora.

NA

Mihinana pilina fifehezana ny fiterahana “kely fatra” 4 ao amin’ny VONDRONA 2 na VONDRONA 3 ao anatin’ny 5 andro aorian’ny nanaovana firaisana ara-nofy tsy voaaro, arahan’ny pilina 4 ao amin’ny VONDRONA 2 na VONDRONA 3 aorian’ny 12 ora.

NA

Mihinana pilina progestin fotsiny ihany na “mini-pills” 25avy amin’ireo marika ao amin’ny VONDRONA 5, izay misy progestin antsoina hoe levonorgestrel 0.03 mg., anatin’ny 5 andro aorian’ny nanaovana firaisana ara-nofy tsy voaaro, arahan’ny pilina 25 mitovy amin’ny teo aloha ihany 12 ora aty aoriana.

NA

Mihinana pilina Ovrette 20, na mini-pills hafa izay misy levonorgestrel 0.0375 mg., anatin’ny 5 andro aorian’ny nanaovana firaisana ara-nofy tsy voaaro, arahan’ny pilina 20 mitovy amin’ny teo aloha ihany 12 ora aty aoriana.

Misy pilina vonjy taitra vaovao namboarina ho an’ny fanabeazana aizana vonjy taitra izay mety hita eo amin’ny toerana misy anao. Ao anatin’izany ny marika: Norlevo, Plan B, Postinor-2, Schering-PC-4 ary Tetragynon. Ny Postinor-2, ohatra, dia tsy misy afa-tsy progestin, mihinana pilina 1 anatin’ny 5 andro aorian’ny nanaovana firaisana ara-nofy tsy voaaro ianao, arahan’ny pilina 1 aorian’ny 12 ora.

voka-dratsiny:

Latsaky ny antsasak’ireo vehivavy mampiasa pilina vonjy taitra no maloiloay na mandoa. Raha mandoa adiny 3 aorian’ny fihinana ny pilina dia mila mihinana fatra iray hafa. Raha olana ho anao ny fandoavana dia azonao atao ny mihinana promethazine 25 mg. in-2 isan’andro. Na, azonao atao ny mametraka ilay pilina ao anaty taovam-pananahana fa tsy mihinana azy. Io fomba io koa dia mandaitra amin’ny fisorohana ny vohoka. Tsy mampihena ny maloiloay sy mandoa izany saingy misoroka ny fandoavanao ilay pilina.

Ireo pilina tsy misy afa-tsy progestin dia tsy dia miteraka maloilo sy fandoavana noho ireo pilina mitambatra. Ireo vehivavy manana olana amin'ny fo, fivaingan'ny rà na tapaka lalan-drà dia tokony mampiasa ireo pilina tsy misy afa-tsy progestin.

Fimailo (fingotra, miaro amin'ny aretina, fonony)

Anarana: _____ vidiny: _____ ho an'ny _____
Matetika dia miendrika: fonony misy 3 ao anatin'ny _____.

Maro karazany ny mariky ny fimailo. Ny sasany dia misy menaka mampalama, ny sasany miloko, ary ny sasany dia misy mpamono tsirinaina.

Tsy vitan'ny hoe misoroka vohoka ny fimailo fa misoroka ny fihanaky ny aretina azo avy amin'ny firaisana ihany koa izy io, ao anatin'izany ny VIH. Maro ny olona no mampiasa fimailo miaraka amin'ny karazana fifehezana ny fiterahana.

Ny fampiasana sy ny fikarakarana ny fimailo dia hita ao amin'ny p. 290.

Diafragma

Anarana: _____ vidiny: _____
Ny diafragma dia mandaitra kokoa raha ampiasaina miaraka amin'ny menaka mpamono tsirinaina. Asio kely ao anatin'ny diafragma, ary osory ihany koa eo amin'ny molony alohan'ny hametrahana azy ao anatin'ny fivaviana (jereo p. 290).

Anaran'ny menaka fanosotra: _____
vidiny: _____

Roatra fanabeazana aizana (marika malaza: Emko, Lempko, Delfen)

Anarana: _____ vidiny: _____
ho an'ny resadresaka mikasika ny fampiasana ny roatra, jereo ny p. 290.

Fanabeazana aizana asitrika any anaty fivaviana

(marika mahazatra: Neo Sampoo)

Anarana: _____ vidiny: _____
Izy io dia vongam-panafody misy mpamono tsirinaina izay asitriky ny vehivavy any anatin'ny fivaviany manakaiky ny vozon'ny tranon-jaza (col) lo vongam-panafody asitrika anaty fivaviana io dia tsy maintsy apetraka 15 minitra mialohan'ny hanaovana firaisana ara-nofo. (Araho ny toromarika eo amin'ny fonony). Azo lazaina fa mandaitra io fomba fifehezana ny vohoka io, indrindra raha sady mampiasa fimailo ny mpivady.

DIU (Dispositif Intrautéine)

Anarana: _____ vidiny: _____
vidin'ny fametrahana azy: _____

Ny DIU dia tokony atsofoka ary esorin'ny mpiasan'ny fahasalamana voaofana amin'izany. Ny voka-dratsiny tena mahazatra dia ny fandehanan-drà be, ela ary marary mandritra ny fadim-bolana, saingy mijanona izany aorian'ny 3 volana. Indraindray ny DIU dia mety hiala teo amin'ny toerany. Raha mitranga izany dia tsy handaitra amin'ny fisorohana ny vohoka intsony koa zava-dehibe ny fianaran'ny vehivavy misy DIU ny mamantatra raha mbola amin'ny toerany tsara izany. ny ankabeazan'ireo DIU dia misy tady kely mifatotra izay mikirozaroza ao anatin'ny lalan-jaza. Tokony jeren'ilay vehivavy isaky ny tapitra ny fadi-bolany raha mbola amin'ny toerany tsara ireo tady kely. Mba hijerena ireo tady kely dia tokony sasàny tsara ny tànany ary atsofony any anatin'ny fivaviany ny rantsany roa ary tsapainy ireo tady kelin'ny DIU. **Aza sintonina ireo tady.** Raha tsy tsapany ireo tady, na raha tsapany ilay faritra mafy amin'ny DIU, dia mila mampiasa fimailo na fomba fanabeazana hafa izy mandrapahitan'ny mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa ilay DIU. Ho an'ny fampahalalàna mikasika izany, jereo ny pejy 290.

Ny aretina manaintaina eo ambanin'ny lohavanina no olana lehibe indrindra izay azo avy amin'ny fampiasana DIU. Ny ankabeazan'ny aretina dia mitranga eo amin'ny 3 volana voalohany, satria matetika ilay vehivavy dia efa nisy otrikaretina alohan'ny nametrahana ilay DIU. Na mety nitranga izany satria tsy nadio tsara ny fomba nametrahana'ilay mpiasanan'ny fahasalamana azy. Raha maneho famantarana otrikaretina ilay vehivavy manao DIU dia tokony manantona mpiasan'ny fahasalamana manana traikefa eo no ho eo izy. Jereo ny pejy 243.

Tsindrona fanabeazana aizana

(Marika mahazatra: Depo-Provera (DMPA), Noristerat (NET-EN), Lunelle, Cyclofem)

Anarana: _____ vidiny: _____
Ny tsindrona fanabeazana aizana dia manakana ny fihariatodin'ny vehivavy tsy hamoaka atody. Ireo hormonina ihany koa dia mahatonga ny tsiloilo ho matevina be eo amin'ny vozon'ny tranon-jaza izay hanakana ny tsirinaina tsy hiditra ao anatin'ny tranon-jaza.

Ny tsindrona tsy misy afa-tsy progestin, toy ny Depo-Provera sy Noristerat, dia tsy misy afa-tsy hormonina progestin. Tsara manokana ho an'ireo vehivavy tsy tokony mampiasa afa-tsy estrogen izany, saingy tsy tokony ampiasain'ny vehivavy manana ireo olana ara-pahasalamana noresahana ao anatin'ny pejy 288.

Ireo tsindrona tsy misy afa-tsy progestin dia manovaova ny fadim-bolana. Ny vehivavy mampiasa io tsindrona io dia mety hisy rà kely mandeha isan'andro na indraindray. Mety hitsahatra ny fadim-bolany mandritra ny erintaona. Ireo fiovana ireo dia ara-dalàna.

Ireo tsindrona mifangaro, toy ny Lunelle na Cyclofem, dia sady misy estrogen no misy progestin. Ireo tsindrona ireo dia tsara ho an'ny vehivavy te hanana fadim-bolana ara-dalàna. Ireo vehivavy mampinono na ireo manana olana ara-pahasalamana voalaza ao amin'ny pejy 288 dia tsy tokony mampiasa ny tsindrona mifangaro. Ireo tsindrona dia omena isam-bolana, ary lafo kokoa noho ny tsindrona tsy misy afa-tsy progestin, ary sarotra hita.

Ireo vehivavy mampiasa tsindrona tsy misy afa-tsy progestin na mifangaro indraindray dia mahazo lanja ary lasa marary andoha saingy miala ireo voka-dratsiny ireo rehefa aorian'ny tsindrona vitsy voalohany. Azon'ny vehivavy atao ny manajanona ny tsindrona fanabeazana aizana amin'ny fotoana izay itiavany azy. Saingy aorian'ny fanatsaharany izany dia mety hiandry taona iray na mihoatra izy vao hitoe-jaza sy hiverenan'ny fadim-bolany ho toy ny mahazatra. Raha manajanona ny tsindrona izy ka tsy te hitoe-jaza eo no ho eo dia tsy maintsy mampiasa fomba fanabeazana haizana hafa.

Fanabeazana aizana implants

(Marika mahazatra: Jadelle, Implanon, Norplant)

Ny implants misoroka ny fihariatodininy ny vehivavy tsy hamoaka atody. Ireo hormonina ihany koa dia mahatonga ny tsiloiloy ho matevina be eo amin'ny vozon'ny tranon-jaza izay hanakana ny tsirinaina tsy hiditra ao anatin'ny tranon-jaza. Ny implants dia azon'ireo vehivavy mampinono ampiasaina, saingy tsy tokony ampiasain'ny vehivavy manana ireo olana ara-pahasalamana noresahana ao anatin'ny pejy 288. Ny Jadelle dia manana fantsona 2 ary misoroka ny vohoka mandritra ny 5 taona. Ny Implanon dia manana fantsona 1 ary misoroka ny vohoka mandritra ny 3 taona. Ny Norplant dia manana fantsona 6 ary misoroka ny vohoka mandritra ny 5 taona hatramin'ny 7 taona.

Mandritra ny taona voalohany, ireo implants dia mety hiteraka fandehanan-drà tsy ara-dalàna na mitombo ny isan'ny andro andehanan'ny fadim-bolana. Mety hijanona tsy handeha ny fadim-bolan'ny vehivavy, singy tsy midika izany fa mitondra vohoka izy na misy zavatra tsy mety ny vehivavy ihany koa dia mety hahazo lanja na harary andoha lava, saingy hiala izany rehefa zatra ny hormonina ny vatany.

Azon'ilay vehivavy atao ny manala ny implant amin'ny fotoana itiavany azy, saingy tsy maintsy manantona mpiasan'ny fahasalamana izay mahay manala tsara izany izy. Rehefa afaka izany dia afaka mitoe-jaza ilay vehivavy, koa ilainy ny mampiasa fomba fanabeazana aizana hafa raha tsy te hitoe-jaza.

PEJY MAITSO

FANAFODY HO AN'NY VIH — ANTIRETROVIRAL THERAPY (ART)

Ireo fanafody antsoina hoe *antiretrovirals* dia mety hanampy ny olona voan'ny VIH ho lava andro iainana sy ho salama kokoa. Hanina isan'andro ary miendrika fitambarana fanafody miisa 3, izay antsoina hoe Antiretroviral Therapy, na ART. Jereo p. 398 mikasika ny fampiasana io fanafody io tsy hifindran'ny VIH amin'ny zazakely. Jereo ihany koa ny p. 357 ho an'ny fanafody hafa, cotrimoxazole, izay mety hisoroka aretina maro eo amin'ny olona voan'ny VIH.

Fitsaboana ny VIH sy tetik'asa ART

Vantany vao fantatra amin'ny alalan'ny fitiliana fa voan'ny VIH, ezaho ny mahita tetik'asa mikasika ny VIH izay misy mpiasan'ny fahasalamana afaka mijery anao matetika. Afaka hanampy anao hanomboka ny ART izy sy hifehy ny mety ho voka-dratsiny. Ny fahazoana fanafody avy amin'ny tetik'asa ART dia azo antoka ary tsy mandany vola noho ny mividy izany amin'ny toerana tsy miankina.

Rehefa inona no ilaina ny ART?

Ny olona voatily fa voan'ny VIH, indrindra raha maneho famantarana izy fa tsy afaka miady amin'ny aretina tsara intsony (jereo p. 400) dia mila ART. Ny fitiliana rà antsoina hoe *CD4 cell count* (CD4 manisa ireo sela) dia mandrefy ny taham-pahafahan'ny vatana miady amin'ny aretina. Raha ambanin'ny 500 ny fanisana ny CD4, na dia mahatsiaro tena ho salama aza ianao dia miresaha amin'ny mpiasan'ny fahasalamana mba hanombohana ART.

Alohan'ny hanombohana ART, miresaha amin'ny mpiasan'ny fahasalamana:

Efa nihinana ART ve ianao teo aloha? Mety hisy vokany eo amin'ny fanafody haninao amin'izao izy io.

Manana aretina mampidi-doza na mahery vaika toy ny pnemonia na TB ve ianao? Mety ilaina ny mitsabo izany aloha. Manaova fitiliana.

Fantatrao ve ny soa, ny mety ho loza aterany, ary ny voka-dratsin'ny ART? Ezaho ny miresaka amin'ny olona efa nihinana ART sy ny mpiasan'ny fahasalamana.

Vitanao ve ny mihinana fanafody isan'andro ary amin'ny fotoana tokony hihinanana azy? Ilaina izany mba hahombiazan'ny ART.

Ho tohanan'ny olona atokisanao na misy vondrona mpanohana ny olona voan'ny VIH azonao antonina na hahazoanao fampahalalàna?

Aza manomboka mihinana ART irery. Mety ho ratsy ho anao ireo fanafody ary mety hisy voka-dratsiny na mety hisy fanohaner'ny fanafody.

Za mizara ny ART amin'ny olona hafa. tsy hahomby ny fanafody raha ambany ny fatrany haninao.

Aza mividy ART amin'ny olona tsy anisan'ireo voamarin'ny mpitsabo VIH na tetik'asa ART.

Ny fomba fihinanana ny ART

Ny ART dia miendrika fitambarana fanafody 3. Misy fitambarany 4 ao anatin'ny efajoro. Anontanio ny mpiasan'ny fahasalamana ny fanafody misy sy mandaitra tsara eo amin'ny faritra misy anao. ny fitambaran'ny fanafody sasany dia miendrika vongany 1 na 2 koa dia vitsy kokoa ny pilina hanina.

Na inona na inona fitambarany ampiasainao dia hano isan'andro izany, ary ataovy mitovy hatrany ny fotoana hihinanana azy. Ny fanafody hanina in-droa isan'andro dia tokony hanina isaky ny adiny 12. Ny tsy fisian'ny fanafody afa-tsy kely fotsiny ao anatin'ny vatanao mandritra ny ora vitsy dia miteraka fanoherana ny fanafody ary tsy handaitra intsony ny fanafody aminao sy amin'ireo olona hafa. aza ajanona ny fihinanana fanafody ao anatin'ny fitambaran'ny ART raha tsy azonao antoka raha tokony hajanona tsirairay na miaraka ajanona ireo fanafody.

Voka-dratsin'ny ART

Ny ART dia mety hisy voka-dratsiny. Ny voka-dratsiny dia mety hiena ary hiala tanteraka. Ny sasany dia tsy miseho raha tsy fotoana ela aorian'ny nihinanana ny fanafody. Ny voka-dratsiny sasany dia manelingelina fa tsy mampidi-doza, toy ny fivalanana, harerahana, aretin'andoha, ary aretim-bavony. Resaho mikasika ny fomba hianana ireo olona ireo ny mpiasan'ny fahasalamana. Saingy tohizo hatrany ny fihinanana ny fanafody mandrapitenin'ny mpiasan'ny fahasalamana hoe ovaina na ajanona.

Ny voka-dratsiny sasany dia mety hiantra aman'aina, toy ny aretin'aty mahery vaika, harerahana mahery vaika miaro hasemporana, tsy fahazakana na firehetana eo amin'ny hoditra, mangotsoka na fivaivain'ny tanana sy ny tongotra, ary tsy fahampian-drà. Raha misy voka-dratsiny mampidi-doza dia mandehana mijery mpiasan'ny fahasalamana eo no ho eo.

Fisorohana ny VIH eo no ho eo raha nifandray tamin'izany ny olona iray

Raha nifampikasoka tamin'ny VIH ny mpiasan'ny fahasalamana iray mandritra ny asany, ohatra hoe voatsindron'ny fanjaitra, na nisy olona iray nanao firaisana ara-nofy tsy voaaro niaraka tamin'ny olona voan'ny VIH, afaka atao ny mihinana fanafody ART mandritra ny fotoana fohy mba hisorohana ny VIH. Izany dia antsoina hoe *Post Exposure Prophylaxis*, na PEP.

Raha fantatra fa nifampikasoka tamin'ny VIH ianao (jereo ny p. 399 ho an'ny fomba fihanaky ny VIH), atomboy faran'izay haingana ny PEP. Ny fanapahan-kevitra mikasika ny fihinanana na tsia ny PEP dia sarotra—resaho ny mpiasan'ny fahasalamana atokisanao. Ny PEP dia mandaitra kokoa raha manomboka mihinana ny fanafody ao anatin'ny ora votsy ianao, ary tsy mihoatra ny 3 andro aorian'ny fifampikasohana. Atomboy ny iray amin'ireo fitambarana ART ato anatin'ny pejy, ny tena tsara dia AZT+3TC+EVF na TDF+3TC+EVF. Na, fikambanana fanafody hafa izay misy ary tsara eo amin'ny faritra misy anao. Na inona na inona fitambarany ampiasainao dia hano mandritra ny 28 andro izany.

Fitambarana ART ho an'ny olon-dehibe sy zatovo (tsy ho an'ny ankizy)

Ireo fanafody ireo dia hanina in-2 isan'andro (afa-tsy ny nomarihina), elanelanina 12 ora isaky ny mihinana.

AZT (ZDV, zidovudine), 250 hatramin'ny 300 mg.

+ 3TC (lamivudine), 150 mg.

+ NVP (nevirapine), 200 mg.

Mihinana NVP in-drain isan'andro mandritra ny 14 andro, avy eo dia in-2 isan'andro.

na

AZT (ZDV, zidovudine), 250 hatramin'ny 300 mg.

+ 3TC (lamivudine), 150 mg.

+ EVF (efavirenz), 600 mg., in-drain isan'andro

na

TDF (tenofovir), 300 mg., in-drain isan'andro

+ 3TC (lamivudine), 150 mg.

+ NVP (nevirapine), 200 mg.

Mihinana NVP in-drain isan'andro mandritra ny 14 andro, avy eo dia in-2 isan'andro.

na

TDF (tenofovir), 300 mg., in-drain isan'andro

+ 3TC (lamivudine), 150 mg.

+ EVF (efavirenz), 600 mg., in-drain isan'andro

Voka-dratsin'ny fanafody ART manokana:

AZT: tsy fahampian-drà, vitsy ny lio fotsy

NVP: firehetan'ny hoditra, aretin'aty

EVF: tsy tsara ho an'ny telo volana voalohan'ny fitondrana vohoka

TDF: olana eo amin'ny voa, mila 18 taona no miakatra vao afaka mampiasa azy

ZAVA-DEHIBE: Maro amin'ireo olona manaraka ART no mihinana **d4t** (stavudine) ho solon'ny AZT. Na izany aza, ny d4T dia mety hiteraka voka-dratsiny mampidi-doza rehefa ampiasaina ela. Ny ankabeazan'ny tetik'asa fitsaboana VIH dia miezaka tsy mampiasa fitambarana ART misy stavudine. Raha mampiasa stavudine ianao dia aza mihinana mihoatra ny 30 mg. in-droa isan'andro.

ART ho an'ny vehivavy mitondra vohoka voan'ny VIH

Ireo vehivavy misy CD4 miisa 500 na latsaka, ka voan'ny SIDA, dia mila manomboka ART mba hanatsarana ny fahasalamany. Ny ART eo amin'ny reny ihany koa dia misoroka ny fiparitahan'ny VIH any amin'ny zazakely. Ny vehivavy mitovy amin'ireo olon-dehibe rehetra, saingy tsy afaka mihinana EFV (efavirenz) izy ireo mandritra ny 3 volana voalohany hitondrana vohoka. Vantany vao manomboka ART ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy maintsy tohizany mandrapahafatiny izany.

Ny vehivavy efa manaraka ART rehefa mitoe-jaza dia tsy maintsy manohy izany mandritra ny fitondrany vohoka, mandritra ny fiterahana, mandritra ny fampinonoana, ary aoriana. Raha efa manaraka ART ilay reny dia mbola mila tsaboina ihany ilay zaza aorian'ny fahaterahany.

Fisorohana ny VIH eo amin'ny zazakely

Ny fanafody ART dia azo omena ny vehivavy mitondra vohoka voan'ny VIH avy eo dia omena ny zaza rehefa teraka, eny fa na dia tsy mbola mila ART aza ilay vehivavy ho an'ny fahasalamany. Ireo fanafody ireo dia hisoroka ny VIH tsy hahazo ny zazakely mandritra ny fitondrana vohoka sy ny fampinonoana. Izy ireo dia omena mandritra ny fotoana voafetra, tsy mandritra ny fiainana toy ny ART. Ny fanomezana fanafody toy izany dia antsoina hoe fisorohana ny fifindrana avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza (na avy amin'ny ray aman-dreny mankany amin'ny zaza) (PMTCT or PPTCT). Ny fanafody dia ampahany amin'ny fisorohana ny aretina tsy hankany amin'ny zaza ihany. Ny fanaovana firaisana ara-nofa azo antoka mandritra ny fitondrana vohoka, ny fiterahana azo antoka, ny fanomezana sakafo amim-pitandremana ny zaza, ary ny fitsaboana ny aretina eo amin'ny reny sy ny zaza dia zava-dehibe ihany koa. Jereo ny Rehefa Tsy Manana Dokotera Ireo Vehivavy raha mila fampahalalàna fanampiny.

Fanafody ART hisorohana ny VIH eo amin'ny zazakely (fifindrana avy amin'ny reny mankany amin'ny zaza)

Raha EFA mihinana ART ilay reny, dia tokony tohizany ny fihinanana izany ary tokony manome ilay zaza ireo fanafody voalaza ao amin'ny Safidy 1.

Raha TSY mihinana ART ilay reny, dia tokony miaraka mihinana ireo fahafody voalaza ao amin'ny Safidy 1 na Safidy 2 izy sy ny zanany mba hisorohana ny tsimokaretina VIH eo amin'ny zaza. Ampiasao ireo fanafody tsara sy misy eo amin'ny faritra misy anao.

SAFIDY 1

HO AN'ILAY RENY

Atombony faran'izay haingana ny fihinanana ny fitambarana ART ao amin'ny pejy 397. Tsara ny mapiasa fitambarana tsy misy EFV mandritra ny 3 volana voalohan'ny vohoka. Ilainao ny mihinana fanafody ART mandritra ny fiainanao.

HO AN'ILAY ZAZA

Na mampinono na tsia ilay reny, tsy maintsy omena ireto ny zaza:

- AZT (ZDV, zidovudine), miendrika rano atelina, 4 mg./kg., in-2 isan'andro mandritra ny 6 herinandro, NA
- NVP (nevirapine), miendrika rano atelina, 2 mg./kg., in-drain isan'andro mandritra ny 6 herinandro.

SAFIDY 2

HO AN'ILAY RENY

Mandritra ny fitondrana vohoka, atomboka faran'izay haingana 14 herinandro aorian'ny fiantombohan'ny vohoka, tsy maintsy mihinana:

- AZT (ZDV, zidovudine), 300 mg., in - 2 isan'andro.

mandritran'ny fiterahana, tsy maintsy mihinana:

- NVP (nevirapine), 200 mg., fatra iray rehefa manomboka mihetsi-jaza, ARY
- 3TC (lamivudine), 150 mg., rehefa mihetsi-jaza, ary isaky ny 12 ora mandrapahateraka, ARY
- manohy mihinana AZT (ZDV, zidovudine), 300 mg., in - 2 isan'andro.

Aorian'ny fiterahana, tsy maintsy manohy mihinana mandritra ny 7 ndro:

- 3TC (lamivudine), 150 mg., in-2 isan'andro, ARY
- AZT (ZDV, zidovudine), 300 mg., in-2 isan'andro.

HO AN'ILAY ZAZA

Eo no ho eo aorian'ny nahaterahany, tsy maintsy omena:

- NVP (nevirapine), 2 mg./kg. miendrika rano atelina (orna 6 mg.)

Raha manaraka **fitsaboana ART** ilay reny, tohizo ny fanomezana ity fatra NVP ity isan'andro mandritra ny 6 herinandro.

Raha **TSY** manaraka **fitsaboana ART** ilay reny **ary TSY mampinono**, dia tohizana ny fanomezana ny zaza ity fatra NVP ity isan'andro mandritra ny 6 herinandro.

Raha **TSY** manaraka **fitsaboana ART** ilay reny **ary MAMPINONO**, tohizana ny fanomezana ny zaza ity fatra NVP ity isan'andro mandrapahatongan'ny erinandro aorian'ny 1 fampitsaharana ny fampinonoana.